

4.141 - Ary ireo izay niandry anareo; rehefa eo aminareo ny fandresena avy amin'Andriamanitra, dia hoy izy ireny: "Tsy niaraka taminareo va izahay?", ary raha amin'ireo tsy mpino indray ny fahombiazana, dia nilaza izy ireny: "Tsy izahay va no nanome tanana sy niaro anareo tamin'ireo mpino?", Andriamanitra no hitsara anareo amin'ny andro fitsanganana. Ary Andriamanitra tsy hanome hirika na oviana na oviana ireo tsy mpino eo anatrehan'ny mpino.

4.142 - Ary ireo mpihatsaravelatsihy, dia miezaka mamitaka an'Andriamanitra, kanefa, izy no hanao izay hahavoafitaka azy ireny. Ary rehefa mitsangana ho amin'ny ny vavaka fanompoana (soalat) izy ireny, dia mitsangana amin'ny hakamoana, fisehosehoana amin'ny olona no ataony. Ary tsy mba mahatsiaro an'Andriamanitra izy ireny raha tsy mahalana ihany.

4.143 - Fa sanganehana eo anivon'izany izy ireny, tsy isan'ny an-daniny ary tsy isan'ny an-kilany koa. Ary izay noverezin'Andriamanitra, dia tsy hahitanao lalana na oviana na oviana.

4.144 - Ary ianareo mpino! Aoka ianareo mba tsy handray sakaiza ireny tsy mpino ireny eo amin'ny toeran'ny mpino. Moa va ianareo maniry ny hanome an'Andriamanitra porofo miharihary manohitra anareo?

4.145 - Hamafisina, fa ireo mpihatsaravelatsihy dia any amin'ny farany ambany indrindra amin'ny afobe, ary tsy hahita famonjena ho azy ireny na oviana na oviana ianao.

4.146 - Afa-tsy ireo izay nibebaka, ka nanitsy tena, ary nifikitra tamin'Andriamanitra, sy nanokana tanteraka ny Finoany ho an'Andriamanitra. Izy ireny no miaraka amin'ireo mpino. Ary tsy ho ela dia hanome valisoa lehibe ireo mpino Andriamanitra.

4.147 - Inona tokoa moa no tokony hamaizan'Andriamanitra anareo raha nankasitraka sy nino ianareo? Satria Mpankasitraka sy Mahalala ny zavatra rehetra Andriamanitra.

الَّذِينَ يَتَّبِعُونَ بِكُمُ فَإِنْ كَانَ لَكُمْ فَتْحٌ مِّنَ اللَّهِ قَالُوا أَلَمْ نَكُن مَّعَكُمْ وَإِنْ كَانَ لِلْكَافِرِينَ نَصِيبٌ قَالُوا أَلَمْ نَسْتَحِذْ عَلَيْكُمْ وَنَمْنَعَكُم مِّنَ الْمُؤْمِنِينَ فَاللَّهُ يَحْكُمُ بَيْنَكُمْ يَوْمَ الْقِيَمَةِ وَلَنْ يَجْعَلَ اللَّهُ لِلْكَافِرِينَ عَلَى الْمُؤْمِنِينَ سَبِيلًا ﴿١٤١﴾ إِنَّ الْمُنَافِقِينَ يُخَدِّعُونَ اللَّهَ وَهُوَ خَدِيعُهُمْ وَإِذَا قَامُوا إِلَى الصَّلَاةِ قَامُوا كُسَالَى يُرَاءُونَ النَّاسَ وَلَا يَذْكُرُونَ اللَّهَ إِلَّا قَلِيلًا ﴿١٤٢﴾ مُذَبِّبِينَ بَيْنَ ذَلِكَ لَا إِلَى هَؤُلَاءِ وَلَا إِلَى هَؤُلَاءِ وَمَن يُضِلِلِ اللَّهُ فَلَن تَجِدَ لَهُ سَبِيلًا ﴿١٤٣﴾ يَتَأَيَّاهُ الَّذِينَ ءَامَنُوا وَلَا تَنۡخِذُوا۟ الْكَافِرِينَ أَوْلِيَاءُ مِن دُونِ الْمُؤْمِنِينَ أَتُرِيدُونَ أَنۢ تَجْعَلُوا۟ لِلَّهِ عَلَيْكُمُ سُلۡطٰنًا مُّبِينًا ﴿١٤٤﴾ إِنَّ الْمُنَافِقِينَ فِي الدَّرَكِ الْأَسْفَلِ مِنَ النَّارِ وَلَن تَجِدَ لَهُمۡ نَصِيرًا ﴿١٤٥﴾ إِلَّا الَّذِينَ تَابُوا۟ وَأَصْلَحُوا۟ وَاعْتَصَمُوا۟ بِاللَّهِ وَأَخْلَصُوا۟ دِينَهُمۡ لِلَّهِ فَأُولَٰئِكَ مَعَ الْمُؤْمِنِينَ وَسَوْفَ يُؤْتِ اللَّهُ الْمُؤْمِنِينَ أَجْرًا عَظِيمًا ﴿١٤٦﴾ مَا يَفْعَلُ اللَّهُ بِعَذَابِكُمۡ إِن شَكَرْتُمْ وَءَامَنْتُمْ وَكَانَ اللَّهُ شَاكِرًا عَلِيمًا ﴿١٤٧﴾

FIZARANA FAHENINA

4.148 - Tsy tian'Andriamanitra mihitsy ny mamoka fitenenana ratsy afa-tsy izay niharan'ny tsindrihazolena. Fa Mandre sy Mahafantatra ny zavatra rehetra Andriamanitra.

4.149 - Raha manao ny tsara ianareo ka asehonareo izany na afeninareo, na koa famelana izay diso, hamafisina, fa Andriamanitra no Mpamela heloka sy Mahefa ny zavatra rehetra.

4.150 - Ary hamafisina, fa ireo izay tsy mino an'Andriamanitra sy ireo Irany, ary maniry ny hampisaraka an'Andriamanitra sy ireo Irany no sady milaza hoe: "Mino ny an-daniny amin'izy ireny izahay, fa mitsipaka ny an-kilany kosa", ka dia mitady lalana eo anelanelan'izany izy ireny.

4.151 - Izy ireny indrindra no tena tsy mpino, ary nanomana sazy mahafabaraka ho an'ireo tsy mpino izahay.

4.152 - Ary ireo nino an'Andriamanitra sy ireo Irany, ka tsy nanavaka na iray amin'izy ireny aza, dia izy ireny indrindra no ho tolorana tsy ho ela ireo valisoany. Fa Andriamanitra dia Mpamela heloka sy be Indrafo.

4.153 - Ireo olon'ny boky dia hangataka aminao, mba hampidina mivantana boky avy any an-danitra ho eo amin'izy ireo. Efa nangataka lehibe mihoatra izany tamin'i Mosesy izy ireo raha nilaza hoe: "Asehoy anay an-karihary Andriamanitra". Ka nikapoka azy ireo ny varatra noho fahadisoany. Avy teo dia noraisin'izy ireo indray ny sariomby taorian'ny nahatongavan'ny porofo miharihary taminy. Kanefa dia nomenay famelana izy ireo tamin'izany, ary nomenay fahefana miharihary ihany koa i Mosesy.

4.154 - Ary dia nakarinay teo ambonin'izy ireo ny tendrombohitra "Toor" (*) noho ny fanekena nataon'izy ireo, ary nilaza taminy izahay: "Aoka ianareo hiditra ny varavarana ampiankohofana", nanambara tamin'izy ireo ihany koa izahay: "Aoka ianareo tsy hanao fandikan-dalana amin'ny Sabata"; ary dia nakanay fanekena hentitra tamin'izy ireo.

(*) Jereo Toko - 2, And. 63

لَا يُحِبُّ اللَّهُ الْجَهْرَ بِالسُّوءِ مِنَ الْقَوْلِ إِلَّا مَنْ ظَلَمَ وَكَانَ اللَّهُ سَمِيعًا عَلِيمًا ﴿١٤٨﴾ إِنْ تُبْدُوا خَيْرًا أَوْ تُخَفَوْهُ أَوْ تَعْفُوا عَنْ سُوءٍ فَإِنَّ اللَّهَ كَانَ عَفُوًّا قَدِيرًا ﴿١٤٩﴾ إِنَّ الَّذِينَ يَكْفُرُونَ بِاللَّهِ وَرُسُلِهِ وَيُرِيدُونَ أَنْ يُفَرِّقُوا بَيْنَ اللَّهِ وَرُسُلِهِ وَيَقُولُوا نُؤْمِنُ بِبَعْضٍ وَنَكْفُرُ بِبَعْضٍ وَيُرِيدُونَ أَنْ يَتَّخِذُوا بَيْنَ ذَلِكَ سَبِيلًا ﴿١٥٠﴾ أُولَٰئِكَ هُمُ الْكَافِرُونَ حَقًّا وَأَعْتَدْنَا لِلْكَافِرِينَ عَذَابًا مُهِينًا ﴿١٥١﴾ وَالَّذِينَ آمَنُوا بِاللَّهِ وَرُسُلِهِ وَلَمْ يُفَرِّقُوا بَيْنَ أَحَدٍ مِنْهُمْ أُولَٰئِكَ سَوْفَ يُؤْتِيهِمْ أَجْرُهُمْ وَكَانَ اللَّهُ غَفُورًا رَحِيمًا ﴿١٥٢﴾ يٰٓأَهْلَ الْكِتَابِ أَنْ تَنزِلَ عَلَيْهِمْ كِتَابًا مِنَ السَّمَاءِ فَقَدْ سَأَلُوا مُوسَىٰ أَكْبَرُ مِنْ ذَلِكَ فَقَالُوا أَرِنَا اللَّهَ جَهْرَةً فَأَخَذَتْهُمُ الصَّاعِقَةُ بِظُلْمِهِمْ ثُمَّ اتَّخَذُوا الْعِجْلَ مِنْ بَعْدِ مَا جَاءَتْهُمْ الْبَيِّنَاتُ فَعَفَوْنَا عَنْ ذَلِكَ وَإِنَّا لَمُوسَىٰ سُلْطٰنًا مُّبِينًا ﴿١٥٣﴾ وَرَفَعْنَا فَوْقَهُمُ الطُّورَ بِمِيثَاقِهِمْ وَقُلْنَا لَهُمْ ادْخُلُوا الْبَابَ سُجَّدًا وَقُلْنَا لَهُمْ لَا تَعْدُوا فِي السَّبْتِ وَأَخَذْنَا مِنْهُمْ مِيثَاقًا غَلِيظًا ﴿١٥٤﴾

4.155 - Ka noho ny tsy fanajan'izy ireo ny fanekena nataony, noho ny tsy finoan'izy ireo ny tenin'Andriamanitra, noho ny famonoan'izy ireo tsy ara-drariny ireo Mpaminany, ary noho ny filazany manao hoe: "Mihidy ny fonay". Saingy, Andriamanitra no nanidy ny fony toy izany noho ny tsy finoany, satria kely finoana izy ireny.

4.156 - Ary noho ny tsy finoan'izy ireo, sy ny teny feno fanendrikendrehana lehibe nataony tamin'i Maria.

4.157 - Ary ny filazan'izy ireny hoe: "Izahay tokoa no namono an'i Mesia, Jesoa, zanak'i Maria, Irak'Andriamanitra"...Kanefa tsy nahafaty na koa nahavita nanombo azy izy ireo; fa endrika mitovy no hitan'izy ireo. Ary izay miady hevitra ny amin'izany, dia tena tafiditra ao anatin'ny fisalasalana tanteraka; tsy manam-pahalalana ny momba izany izy ireny, fa fanarahana ny tombatombana fotsiny ihany, ary azo antoka fa tsy nahafaty azy mihitsy izy ireo.

4.158 - Fa nampiakarin'Andriamanitra ho any Aminy izy. Fa Tsitoha sy be fahendrena Andriamanitra.

4.159 - Ary marina, fa raha misy iray amin'ireo olon'ny boky no tsy nino azy mialoha ny fahafatesany (olon'ny boky). Ary amin'ny andro fitsanganana, izy (Jesoa), dia hijoro vavolombelona manohitra azy ireo.

4.160 - Fa noho ny tsy rariny nataon'ireo Jiosy, dia nataonay nanjary tsy azo ho hanina ireo sakafo tsara azon'izy ireo nohanina teo aloha, ary koa noho ny fametrahan'izy ireo sakantsakana betsaka tamin'ny lalan'Andriamanitra.

4.161 - Ary noho ny fakan'izy ireny zana-bola na dia efa noraràna tamin'izany aza izy, sy ny fihinanany tsy ara-drariny ireo fananan'olona. Ary izahay dia nanomana ho an'izay tsy mpino amin'izy ireny famaizana feno fanaintainana.

4.162 - Kanefa kosa ireo manana fahalalana raikitra amin'izy ireny, sy ireo mpino, izay mino ny nampidinina tamin'ao sy izay nampidinina ho an'ny teo alohan'ao; ary ireo mpanatanteraka ny vavaka fanompoana (soalat), sy ireo mpanome ny harena fiantrana (zakat), ireo mpino an'Andriamanitra sy ny andro farany, izy ireny indrindra no ho toloranay valisoa lehibe.

فَمَا نَقْضِهِمْ مِيثَقَهُمْ وَكَفَرِهِمْ بَايَاتِ اللَّهِ وَقَتْلِهِمُ الْأَنْبِيَاءَ
بَغْيٌ حَقٌّ وَقَوْلِهِمْ قُلُوبُنَا غُلْفٌ بَلْ طَبَعَ اللَّهُ عَلَيْهَا بِكُفْرِهِمْ
فَلَا يُؤْمِنُونَ إِلَّا قَلِيلًا ﴿١٥٥﴾ وَبِكُفْرِهِمْ وَقَوْلِهِمْ عَلَى مَرْيَمَ
بُهْتَنَاءٌ عَظِيمًا ﴿١٥٦﴾ وَقَوْلِهِمْ إِنَّا قَتَلْنَا الْمَسِيحَ عِيسَى ابْنَ مَرْيَمَ
رَسُولَ اللَّهِ وَمَا قَتَلُوهُ وَمَا صَلَبُوهُ وَلَكِنْ شُبِّهَ لَهُمْ وَإِنَّ الَّذِينَ
اخْتَلَفُوا فِيهِ لَفِي شَكٍّ مِنْهُ مَا لَهُمْ بِهِ مِنْ عِلْمٍ إِلَّا اتِّبَاعَ الظَّنِّ
وَمَا قَتَلُوهُ يَقِينًا ﴿١٥٧﴾ بَلْ رَفَعَهُ اللَّهُ إِلَيْهِ وَكَانَ اللَّهُ عَزِيزًا حَكِيمًا
﴿١٥٨﴾ وَإِنَّ مِنْ أَهْلِ الْكِتَابِ إِلَّا لَيُؤْمِنَنَّ بِهِ قَبْلَ مَوْتِهِ وَيَوْمَ
الْقِيَمَةِ يَكُونُ عَلَيْهِمْ شَهِيدًا ﴿١٥٩﴾ فَيُظْلَمُ مِنَ الَّذِينَ هَادُوا
حَرَمْنَا عَلَيْهِمْ طَيْبَاتٍ أُحِلَّتْ لَهُمْ وَبِصَدِّهِمْ عَنْ سَبِيلِ اللَّهِ
كَثِيرًا ﴿١٦٠﴾ وَأَخَذَهُمُ الرِّبَا وَقَدْ نُهُوا عَنْهُ وَأَكْلِهِمْ أَمْوَالَ النَّاسِ
بِالْبَاطِلِ وَأَعْتَدْنَا لِلْكَافِرِينَ مِنْهُمْ عَذَابًا أَلِيمًا ﴿١٦١﴾ لَكِنِ
الرَّاسِخُونَ فِي الْعِلْمِ مِنْهُمْ وَالْمُؤْمِنُونَ يُؤْمِنُونَ بِمَا أُنْزِلَ إِلَيْكَ وَمَا
أُنْزِلَ مِنْ قَبْلِكَ وَالْمُقِيمِينَ الصَّلَاةَ وَالْمُؤْتُونَ الزَّكَاةَ
وَالْمُؤْمِنُونَ بِاللَّهِ وَالْيَوْمِ الْآخِرِ أُولَئِكَ سَنُؤْتِيهِمْ أَجْرًا عَظِيمًا ﴿١٦٢﴾

4.163 - Marina fa Izahay dia nandefa faminaniana tamin'io tahaka ny nandefasanay faminaniana tamin'i Noa sy ireo Mpaminany taoriany. Ary Izahay dia nandefa faminaniana ihany koa tamin'i Abrahama, Ismaela, Ishaka, Jakoba, ary ireo zanaka aman-jafy, sy Jesoa, Joba, Jonasy, Harona, Salômôna ary nomenay an'i Davida ny Zabôra (*).

4.164 - Ary misy amin'ireny Iraka ireny no efa notantarainay tamin'io tany aloha, fa misy amin'izy ireny ihany koa no tsy mbola notantarainay tamin'io mihitsy, fa niresaka mivantana tamin'i Mosesy Andriamanitra.

4.165 - Ho Iraka, ho mpilaza vaovao mahafaly sy mpampitandrina, mba tsy hananan'ny olona porofo fialan-tsiny eo anatrehan'Andriamanitra, aorian'ny fahatongavan'ireny Iraka ireny. Fa Tsitoha sy be fahendrena Andriamanitra.

4.166 - Kanefa ihany koa, Andriamanitra dia Mahita tanteraka ny amin'izay nampidininy tamin'io, nampidininy tamin'ny fahaizany izany. Ary ireo Anjely ihany koa dia mijoro ho vavolombelona. Fa ampy hahita ny zavatra rehetra Andriamanitra.

4.167 - Hamafisina, fa ireo tsy nino no sady nametraka sakana tamin'ny lalan'Andriamanitra, dia very tanteraka tokoa.

4.168 - Hamafisina, fa ireo tsy nino no sady nanao ny tsy rariny, dia tsy hamela heloka na koa hitari-dàlana azy ireny velively Andriamanitra.

4.169 - Afa-tsy ny lalan'ny afobe izay hitoeran'izy ireny mandrakizay. Fa mora amin'Andriamanitra tokoa izany.

4.170 - Ry olombelona! Efa tonga teo aminareo ilay Iraka izay nitondra fahamarinana avy amin'ny Tompo Zanaharinareo. Koa aoka ianareo hino, fa izany no mahasoa anareo. Ary raha tsy mino kosa ianareo, dia (fantaro fa) an'Andriamanitra avokoa izay any an-danitra sy ety an-tany. Fa Mahalala ny zavatra rehetra sy be fahendrena Andriamanitra.

إِنَّا أَوْحَيْنَا إِلَيْكَ كَمَا أَوْحَيْنَا إِلَى نُوحٍ وَالْتَّيْنِ مِنْ بَعْدِهِ
وَأَوْحَيْنَا إِلَى إِبْرَاهِيمَ وَإِسْمَاعِيلَ وَإِسْحَاقَ وَيَعْقُوبَ
وَالْأَسْبَاطِ وَعِيسَى وَأَيُّوبَ وَيُونُسَ وَهَارُونَ وَسُلَيْمَانَ
وَأَتَيْنَا دَاوُدَ ذُبُورًا ﴿١٦٣﴾ وَرُسُلًا قَدْ قَصَصْنَاهُمْ عَلَيْكَ
مِنْ قَبْلُ وَرُسُلًا لَمْ نَقْصُصْهُمْ عَلَيْكَ وَكَلَّمَ اللَّهُ مُوسَى
تَكْلِيمًا ﴿١٦٤﴾ رُسُلًا مُبَشِّرِينَ وَمُنذِرِينَ لِئَلَّا يَكُونَ
لِلنَّاسِ عَلَى اللَّهِ حُجَّةٌ بَعْدَ الرُّسُلِ وَكَانَ اللَّهُ عَزِيزًا حَكِيمًا
﴿١٦٥﴾ لَكِنِ اللَّهُ يَشْهَدُ بِمَا أَنْزَلَ إِلَيْكَ أَنْزَلَهُ بِعِلْمِهِ
وَالْمَلَائِكَةُ يَشْهَدُونَ وَكَفَى بِاللَّهِ شَهِيدًا ﴿١٦٦﴾ إِنَّ الَّذِينَ
كَفَرُوا وَصَدُّوا عَنْ سَبِيلِ اللَّهِ قَدْ ضَلُّوا ضَلَالًا بَعِيدًا
﴿١٦٧﴾ إِنَّ الَّذِينَ كَفَرُوا وَظَلَمُوا لَمْ يَكُنِ اللَّهُ لِيَغْفِرْ لَهُمْ وَلَا
لِيَهْدِيَهُمْ طَرِيقًا ﴿١٦٨﴾ إِلَّا طَرِيقَ جَهَنَّمَ خَالِدِينَ فِيهَا أَبَدًا
وَكَانَ ذَلِكَ عَلَى اللَّهِ يَسِيرًا ﴿١٦٩﴾ يَأْتِيهَا النَّاسُ قَدْ جَاءَ كُلُّهُمْ
الرَّسُولُ بِالْحَقِّ مِنْ رَبِّكُمْ فَتَأْمِنُوا خَيْرًا لَكُمْ وَإِنْ تَكْفُرُوا
فَإِنَّ لِلَّهِ مَا فِي السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ وَكَانَ اللَّهُ عَلِيمًا حَكِيمًا ﴿١٧٠﴾

4.171 - Ry olon'ny boky! Aoka ianareo tsy hanao ny tafahoatra eo amin'ny finoanareo, ary aza miteny momba an'Andriamanitra afa-tsy ny marina. Fa ny Mesia Jesoa, zanak'i Maria, dia tsy inona fa Irak'Andriamanitra ihany, teniny nalefany tamin'i Maria, sy fanahy avy Aminy. Koa minoa an'Andriamanitra sy ireo Irany ianareo. Ary aoka ianareo tsy hiteny hoe "Anankitelo"; hatsaharonareo izany, fa tsara kokoa ho anareo. Satria Tokana ihany Andriamanitra, lavitra ny voninahiny ny hanan-janaka. Ary Azy avokoa izay any andanitra sy ety an-tany, fa ampy ho Mpiahy Andriamanitra.

4.172 - Sanatriavina mihitsy! Raha ilay Mesia no handà ny ho mpanompon'Andriamanitra, na ireo Anjely akaiky (an'Andriamanitra). Ary izay mandà ny fanompoana Azy sy manambony tena... Mbola havoriny any aminy avokoa izy ireny.

4.173 - Fa ny amin'ireo mpino, sady nanao asa soa, dia ho tsinjarainy ho azy ireo ny valisoany, ary ho ampitomboiny amin'ny fahasoavany ny vokatry ny asan'izy ireny. Fa ny amin'ireo izay niavonavona, sy nanambony tena kosa, dia ho melohiny amin'ny sazy feno fanaintainana. Ary tsy hahita mpiahy na mpanavotra ankoatra an'Andriamanitra izy ireny.

4.174 - Ry olombelona! Efa tonga teo aminareo ny porofo mazava avy amin'ny Tompo Zanaharinareo. Ary nampidininay teo aminareo ihany koa ny fahazavana miharihary.

4.175 - Fa ny amin'ireo izay nino an'Andriamanitra sy nifikitra taminy, dia hampidiriny anaty famindram-pony, sy anaty fahasoavana. Ary hotarihin'ny Aminy izy ireo, ho amin'ny lala-mahitsy.

يٰٓاَهْلَ الْكِتٰبِ لَا تَغْلُوْا فِىْ دِيْنِكُمْ وَلَا تَقُوْلُوْا
عَلٰى اللّٰهِ اِلَّا الْحَقَّ اِنَّمَا الْمَسِيْحُ عِيسٰى ابْنُ مَرْيَمَ رَسُوْلٌ
اللّٰهِ وَكَلِمَتُهُ اَلْقِيْلَآءُ اِلَى مَرْيَمَ وَرُوْحٌ مِّنْهُ فَنَامُوْا بِاللّٰهِ
وَرُسُلِهِۦ وَلَا تَقُوْلُوْا ثَلٰثَةٌ اُنْتَهُوَ خَيْرًا لَّكُمْ اِنَّمَا اللّٰهُ اِلٰهُ
وَاحِدٌ سُبْحٰنَهُ اَنْ يَّكُوْنَ لَهُ وَلَدٌ لَهُۥ مَا فِى السَّمٰوٰتِ
وَمَا فِى الْاَرْضِ وَكَفٰى بِاللّٰهِ وَكِىْلًا ﴿١٧١﴾ لَنْ يَّسْتَنْكِفَ
الْمَسِيْحُ اَنْ يَّكُوْنَ عَبْدًا لِلّٰهِ وَلَا الْمَلٰٓئِكَةُ الْمُقَرَّبُوْنَ
وَمَنْ يَّسْتَنْكِفْ عَنْ عِبَادَتِهٖۤ يَسْتَكْبِرْ فَيَسْحَرُهُمْ
اِلَيْهِ جَمِيعًا ﴿١٧٢﴾ فَاَمَّا الَّذِيْنَ ءَامَنُوْا وَعَمِلُوا الصّٰلِحٰتِ
فِيْوَفِيْهِمْ اُجُوْرُهُمْ وَيَزِيْدُهُمْ مِّنْ فَضْلِهٖۤ ؕ وَاَمَّا الَّذِيْنَ
اَسْتَنْكَفُوْا وَاَسْتَكْبَرُوْا فَيُعَذِّبُهُمْ عَذَابًا اَلِيْمًا وَلَا
يَجِدُوْنَ لَهُمْ مِّنْ دُوْنِ اللّٰهِ وَلِيًّا وَلَا نَصِيْرًا ﴿١٧٣﴾ يٰٓاَيُّهَا النَّاسُ
قَدْ جَآءَكُمْ بُرْهٰنٌ مِّنْ رَّبِّكُمْ وَاَنْزَلْنَا اِلَيْكُمْ نُوْرًا مُّبِيْنًا ﴿١٧٤﴾
فَاَمَّا الَّذِيْنَ ءَامَنُوْا بِاللّٰهِ وَاَعْتَصَمُوْا بِهٖۤ فَسَيُدْخِلُهُمْ
فِى رَحْمَةٍ مِّنْهُ وَفَضْلٍ وَيَهْدِيْهِمْ اِلَيْهِ صِرَاطًا مُّسْتَقِيْمًا ﴿١٧٥﴾

4.176 - Manontany anao ny amin'izay namoahana didy izy ireny. Koa lazao aminy: "Andriamanitra dia mamoaka didy ho anareo momba ny maty tsy manan-dRay sy Reny no sady tsy manan-janaka, raha misy olona maty tsy manan-janaka, kanefa manana anabavy, dia ho an'ity farany ny antsasan'izay navelan'ny maty. Ary izy (anadahiny) ihany koa no mandova ny fananan'ny anabaviny manontolo, raha tsy manan-janaka izy (anabaviny). Fa raha anankiroa kosa ireo anabaviny, dia ho azy roa ny roa ampahatelony izay navelan'ny maty; ary raha mpiray tampo lahy sy vavy maromaro kosa izy ireo, dia mitovy amin'ny anjaran'ny vavy anankiroa ny anjaran'ny lahy. Hazavain'Andriamanitra aminareo izany mba tsy hahavery anareo. Fa Mahalala ny zavatra rehetra Andriamanitra.

TOKO - 5

AL-MA-IDAHA

(Ny sakafo an-databatra voahomana)

Andininy 120: Nidina taorian'ny fifindra-monina (Hidjrah).

Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.

5.1 - Ary ianareo mpino! Tanteraho ny fanekena efa nataonareo. Azonareo atao ny mihinana ny biby fiompy manana tongotra efatra, afa-tsy izay voatondro ho voarara. Tsy azonareo atao ny mihaza raha mbola ao anatin'ny Ihram (*) ianareo. Hamafisina, fa Andriamanitra no mamoaka didy amin'izay itiavany azy.

5.2 - Fa ianareo mpino kosa! Aza manao tsinontsinona ireo fomba amam-panao famantarana an'Andriamanitra ianareo, na ny volana masina, na ireo biby atao sorona, na ireo biby misy famantarana, na ireo mpivahiny mankany amin'ilay Trano masina mitady ny fahasoavana sy ny fankasitrahana avy amin'ny Tompo Zanaharin'izy ireo. Rehefa niala Ihram ianareo, dia afaka mandeha mihaza. Ary aoka ny fankahalanareo ireo vahoaka izay nisakan-dalana anareo tsy ho any amin'ilay Trano masina fivavahana, tsy hitarika anareo ho amin'ny hetraketra. Ary mifanampia ianareo amin'ny tsara sy ny fitiavam-bavaka, fa aza mifanampy kosa amin'ny fahotana sy ny hetraketra. Koa matahora an'Andriamanitra ianareo, satria mafy ny sazin'Andriamanitra.

(*) Ihram: ny fitandremana ireo fitsipika mandritra ny fotoana anatanterahan'ny mpino ny fivahinianana masina ara-potoana sy tsy ara-potoana (Hadj sy Oumra).

يَسْتَفْتُونَكَ قُلِ اللَّهُ يُفْتِيكُمْ فِي الْكَلَلَةِ إِنِ امْرُؤٌ أَهْلَكَ
لَيْسَ لَهُ وَلَدٌ وَلَهُ أُخْتٌ فَلَهَا نِصْفُ مَا تَرَكَ وَهُوَ يَرِثُهَا
إِنْ لَمْ يَكُنْ لَهَا وَلَدٌ فَإِنْ كَانَتَا اثْنَتَيْنِ فَلَهُمَا الثُّلُثَانِ مِمَّا تَرَكَ
وَإِنْ كَانُوا إِخْوَةً رِجَالًا وَنِسَاءً فَلِلَّذِ كَرِ مِثْلُ حَظِّ الْأُنثَيَيْنِ
يُبَيِّنُ اللَّهُ لَكُمْ أَنْ تَضِلُّوا وَاللَّهُ بِكُلِّ شَيْءٍ عَلِيمٌ ﴿١٧٦﴾

سُورَةُ الْمَائِدَةِ

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

يَتَأْتِيهَا الَّذِينَ ءَامَنُوا أَوْفُوا بِالْعُقُودِ أُحِلَّتْ لَكُمْ بَهِيمَةُ
الْأَنْعَامِ إِلَّا مَا يُتْلَى عَلَيْكُمْ غَيْرِ مُحِلِّي الصَّيْدِ وَأَنْتُمْ حُرْمٌ إِنْ أَلَّهَ
يَحْكُمُ مَا يُرِيدُ ﴿١﴾ يَتَأْتِيهَا الَّذِينَ ءَامَنُوا لَا تَحِلُّوا شَعِيرَ اللَّهِ
وَلَا الشَّهْرَ الْحَرَامَ وَلَا الْهَدْيَ وَلَا الْقَلَائِدَ وَلَا ءَامِينَ الْبَيْتِ
الْحَرَامِ يَنْبَغُونَ فَضُلًا مِّن رَّبِّهِمْ وَرِضْوَانًا وَإِذَا حَلَلْتُمْ فَاصْطَادُوا
وَلَا يَجْرِمَنَّكُمْ شَنَا نُ قَوْمٍ أَنْ صَدُّوكُمْ عَنِ الْمَسْجِدِ
الْحَرَامِ أَنْ تَعْتَدُوا وَتَعَاوَنُوا عَلَى الْبِرِّ وَالتَّقْوَىٰ وَلَا تَعَاوَنُوا
عَلَى الْإِثْمِ وَالْعُدْوَانِ وَاتَّقُوا اللَّهَ إِنَّ اللَّهَ شَدِيدُ الْعِقَابِ ﴿٢﴾

5.3 - Natao fady taminareo ireo biby maty ho azy, ny rà (lio), ny henan-kisoa, ary izay niantsoana anarana hafa ankoatra an'Andriamanitra, ny biby nokendaina, ny biby maty noho ny kapoka, na maty nianjera, na maty voan'ny tandroka, ary izay novonoin'ny bibidia afa-tsy izay nolentainareo; voarara ho anareo koa ny biby izay natao sorona teo amin'ny sampy, ary koa ireo izay nozaraina ankitsapaka amin'ny alalan'ny zana-tsipika; satria izany dia haratsiana. Ankehitriny ary, dia kivy ireo nitsipaka ny finoanareo; koa aza matahotra azy ireo intsony ianareo, fa izaho ihany no hatahory. Fa ankehitriny, dia nataoko ho lavorary ny finoanareo, ary notanterahiko teo aminareo ny fahasoavako. Ary ankasitrahako ho finoanareo ny finoana Islamo. Raha misy olona teren'ny hanoanana tafahoatra, nefa tsy mirona amin'ny fanaovana fahotàna. Fa Andriamanitra no Mpamela heloka sy Mpamindra-fo.

5.4 - Hanontany anao ny amin'izay azo hohanina izy ireo. Lazao: "Azonareo hohanina ireo sakafo tsara sy madio, ary koa izay haza voasambotr'ireo biby mpihaza nofolahinareo ho amin'izany, tamin'ny fampianaranareo azy ireny ny zavatra nampianarin'Andriamanitra anareo". Koa mihinana amin'izay nohazain'izy ireo ho anareo, ary tonony amin'izany ny anaran'Andriamanitra. Ary matahora an'Andriamanitra ianareo. Satria marina fa Andriamanitra dia haingam-pitsarana.

5.5 - Ary azonareo atao ankehitriny ny mihinana ireo sakafo tsara sy madio. Mbola azonareo atao ihany koa ny mihinana ny sakafon'ireo olon'ny boky, fa azon'izy ireo atao ihany koa ny mihinana ny sakafonareo. Tsy voarara ho anareo ireo vehivavy tsara fitondrantena amin'ireo mpino vavy, sy ireo vehivavy tsara fitondrantena amin'ireo olon'ny boky talohanareo, raha omenareo azy ny mahariny (*) amin'ny ara-dalàna, fa tsy amin'ny fijangajangana na tokantranomaso. Fa na iza na iza mitsipika ny finoana, dia ho zava-poana ny asany, ary ho isan'ireo maty antoka izy any an-koatra.

حُرِّمَتْ عَلَيْكُمُ الْمَيْتَةُ وَالدَّمُ وَلَحْمُ الْخِنْزِيرِ وَمَا أُهْلَ لِغَيْرِ اللَّهِ بِهِ وَالْمُنْخَنِقَةُ وَالْمَوْقُوذَةُ وَالْمُتَرَدِّيَةُ وَالنَّطِيحَةُ وَمَا أَكَلَ السَّبْعُ إِلَّا مَا ذَكَّيْتُمْ وَمَا ذُبِحَ عَلَى النُّصُبِ وَأَنْ تَسْنَقْسِمُوا بِالْأَزْلَمِ ذَلِكُمْ فِسْقٌ الْيَوْمَ يَبْسُ الَّذِينَ كَفَرُوا مِنْ دِينِكُمْ فَلَا تَخْشَوْهُمْ وَاخْشَوْنِ الْيَوْمَ أَكْمَلْتُ لَكُمْ دِينَكُمْ وَأَتِمَمْتُ عَلَيْكُمْ نِعْمَتِي وَرَضِيتُ لَكُمُ الْإِسْلَامَ دِينًا فَمَنِ اضْطُرَّ فِي مَخْمَصَةٍ غَيْرَ مُتَجَانِفٍ لِإِثْمٍ فَإِنَّ اللَّهَ غَفُورٌ رَحِيمٌ ﴿٣﴾

يَسْأَلُونَكَ مَاذَا أُحِلَّ لَهُمْ قُلْ أُحِلَّ لَكُمُ الطَّيِّبَاتُ وَمَا عَلَّمْتُم مِّنَ الْجَوَارِحِ مُكَلِّينَ يَعْمَلُونَهَا فَمَّا عَلَّمَكُمُ اللَّهُ فِكُلُوا مِمَّا أَمْسَكْنَ عَلَيْكُمْ وَاذْكُرُوا اسْمَ اللَّهِ عَلَيْهِ وَانْقُوا اللَّهَ إِنَّ اللَّهَ سَرِيعُ الْحِسَابِ ﴿٤﴾

الْيَوْمَ أُحِلَّ لَكُمُ الطَّيِّبَاتُ وَطَعَامُ الَّذِينَ أُوتُوا الْكِتَابَ حِلٌّ لَكُمْ وَطَعَامُكُمْ حِلٌّ لَهُمْ وَالْمُحْصَنَاتُ مِنَ الْمُؤْمِنَاتِ وَالْمُحْصَنَاتُ مِنَ الَّذِينَ أُوتُوا الْكِتَابَ مِن قَبْلِكُمْ إِذَا آتَيْتُمُوهُنَّ أُجُورَهُنَّ مُحْصِنِينَ غَيْرَ مُسَفِحِينَ وَلَا مُتَّخِذِي أَخْدَانٍ وَمَن يَكْفُرْ بِالْإِلَهِينَ فَقَدْ حَبِطَ عَمَلُهُ وَهُوَ فِي الْآخِرَةِ مِنَ الْخَسِرِينَ ﴿٥﴾

يَتَأْتِيهَا الَّذِينَ ءَامَنُوا إِذَا قُمْتُمْ إِلَى الصَّلَاةِ فَاغْسِلُوا
وُجُوهَكُمْ وَأَيْدِيَكُمْ إِلَى الْمَرَافِقِ وَامْسَحُوا بِرُءُوسِكُمْ
وَأَرْجُلَكُمْ إِلَى الْكَعْبَيْنِ وَإِنْ كُنْتُمْ جُنُبًا فَاطَّهَّرُوا
وَإِنْ كُنْتُمْ مَرْضَى أَوْ عَلَى سَفَرٍ أَوْ جَاءَ أَحَدٌ مِنْكُمْ مِنَ الْغَائِطِ
أَوْ لَمَسْتُمُ النِّسَاءَ فَلَمْ تَجِدُوا مَاءً فَتَيَمَّمُوا صَعِيدًا طَيِّبًا
فَأَمْسَحُوا بِوُجُوهِكُمْ وَأَيْدِيكُمْ مِنْهُ مَا يَرِيدُ اللَّهُ
لِيَجْعَلَ عَلَيْكُمْ مِنْ حَرَجٍ وَلَكِنْ يُرِيدُ لِيُطَهِّرَكُمْ
وَلِيُتِمَّ نِعْمَتَهُ عَلَيْكُمْ لَعَلَّكُمْ تَشْكُرُونَ ﴿٦﴾
وَأَذْكُرُوا نِعْمَةَ اللَّهِ عَلَيْكُمْ وَمِيثَاقَهُ الَّذِي وَاثَقَكُمْ
بِهِ إِذْ قُلْتُمْ سَمِعْنَا وَأَطَعْنَا وَاتَّقُوا اللَّهَ إِنَّ اللَّهَ عَلِيمٌ بِذَاتِ
الْصُّدُورِ ﴿٧﴾ يَتَأْتِيهَا الَّذِينَ ءَامَنُوا كُونُوا قَوَّامِينَ لِلَّهِ
شُهَدَاءَ بِالْقِسْطِ وَلَا يَجْرِمَنَّكُمْ شَنَاَنُ قَوْمٍ عَلَى
أَلَّا تَعْدِلُوا أَعْدِلُوا هُوَ أَقْرَبُ لِلتَّقْوَى وَاتَّقُوا اللَّهَ إِنَّ
اللَّهَ خَبِيرٌ بِمَا تَعْمَلُونَ ﴿٨﴾ وَعَدَ اللَّهُ الَّذِينَ ءَامَنُوا
وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ لَهُمْ مَغْفِرَةٌ وَأَجْرٌ عَظِيمٌ ﴿٩﴾

5.6 - Fa ianareo mpino kosa! Raha miomana hivavaka (soalat) ianareo, dia sasao ny tavanareo sy ny tãnanareo hatreny amin'ny kiho; safoy (amin'ny tãnana mando) ny lohanareo sy ny tongotrareo hatreo amin'ny kitro. Ary raha tratra ny fahalotoana (*Janaba) ianareo, dia midiova (amin'ny alalan'ny fandroana); nefa raha marary ianareo, na eny am-pandehanana, na miverina avy amin'ny toeram-pivoahana ny iray aminareo, na ianareo nikasika vehivavy, kanefa tsy nahita rano, dia mandraisa tany madio ary safoy amin'izany ny tavanareo sy ny tãnanareo. Tsy tian'Andriamanitra ny hanome fahasahiranana anareo, fa tiany kosa ny hanadio anareo sy hameno ny fahasoaavany eo aminareo, mba hahatonga anareo ho mpankasitraka.

5.7 - Ary tsarovy ny fahasoaavan'Andriamanitra teo aminareo, sy ny fifanekena izay nataony taminareo, rehefa niteny ianareo hoe: "Naheno sy nankato izahay". Koa matahora an'Andriamanitra ianareo, satria mahafantatra tsara izay ao am-po Andriamanitra.

5.8 - Ry mpino! Aoka ianareo ho hentitra amin'ny adidinareo eo anatrehan'Andriamanitra, ary ho vavolombelona tsy miangatra ihany koa. Ary aza atao manosika anareo amin'ny fanaovana tsy rariny ny fankahalanareo ny vahoaka iray. Manaova ny rariny ianareo, fa izany no akaiky kokoa ny fitiavam-bavaka. Ary matahora an'Andriamanitra ianareo, ary hamafisina, fa Mahafantatra izay rehetra ataonareo Andriamanitra.

5.9 - Nampanantena ireo izay mino sy manao asa soa Andriamanitra, fa hisy famelan-keloka sy valisoa lehibe ho azy ireo.

5.10 - Fa ireo izay tsy nino sy nanao ny porofo famantarana avy aty Aminay ho lainga kosa, dia izy ireny no olon'ny afobe.

5.11 - Ary ianareo mpino! Tsarovy ny soa nataon'Andriamanitra taminareo tamin'ny andro izay saika nikasihan'ireo fahavalo tana anareo, ka namerenany ny tana'izy ireo mba tsy hikasika anareo. Koa matahora an'Andriamanitra ianareo, fa amin'Andriamanitra no tokony hanankinan'ireo mpino ny aminy.

5.12 - Marina fa nandray ny fanekena nataon'ireo zanak'Israely tokoa Andriamanitra. Ka nanendry lehibe roambinifolo tamin'izy ireo izahay. Ary hoy Andriamanitra: "Miaraka aminareo tokoa Aho, raha manatanteraka ny vavaka fanompoana (soalat) ianareo, sy manome ny harena fiantrana (zakat), ary mino ireo Irako; manohana azy ireo ianareo ary manao fampindramana tsara amin'Andriamanitra. Hamafisina, fa amin'izay, dia hofafako ny ratsy vitanareo, ary hampidiriko ao amin'ny Paradisa ianareo, izay ikorianan'ireo renirano eo ambaniny. Ary na iza na iza aminareo tsy mino aorian'izany, dia tena very niala ny lalana mahitsy".

5.13 - Ary satria noravan'izy ireo ilay fanekena, dia nozoninay izy ireo, ary nataonay mafy fo; avadik'izy ireo ny dikan'ireo teny, ary hadinon'izy ireo ny ampahany amin'izay nampahatsiahivina azy. Tsy hitsahatra ny hahita ny fivadihan'izy ireo ianao, afa-tsy ny an-kavitsiana amin'izy ireo ihany. Mamelà azy ireo, ary avalony ny hadisoany. Satria Tia ireo mpanao soa Andriamanitra.

وَالَّذِينَ كَفَرُوا وَكَذَّبُوا بِآيَاتِنَا أُولَٰئِكَ أَصْحَابُ
الْجَحِيمِ ﴿١٠﴾ يَأْتِيهَا الَّذِينَ ءَامَنُوا أَذْكُرُوا نِعْمَتَ
اللَّهِ عَلَيْهِمْ إِذْ هُمْ قَوْمٌ أَن يَبْسُطُوا إِلَيْكُمْ أَيْدِيَهُمْ
فَكَفَّ أَيْدِيَهُمْ عَنْكُمْ وَاتَّقُوا اللَّهَ وَعَلَى اللَّهِ فَلْيَتَوَكَّلِ
الْمُؤْمِنُونَ ﴿١١﴾ وَلَقَدْ أَخَذَ اللَّهُ مِيثَاقَ بَنِي
إِسْرَءِيلَ وَبَعَثْنَا مِنْهُمُ اثْنَيْ عَشَرَ نَقِيبًا وَقَالَ اللَّهُ
إِنِّي مَعَكُمْ لَئِنْ أَقَمْتُمُ الصَّلَاةَ وَءَاتَيْتُمُ الزَّكَاةَ
وَءَامَنْتُمْ بِرُسُلِي وَعَزَّرْتُمُوهُمْ وَأَقْرَضْتُمُ اللَّهَ قَرْضًا
حَسَنًا لَّا أَكْفِرَنَّ عَنْكُمْ سَيِّئَاتِكُمْ وَلَا دُخِلَنَّكُمْ
جَنَّتٍ تَجْرِي مِنْ تَحْتِهَا الْأَنْهَارُ فَمَنْ كَفَرَ بَعْدَ
ذَٰلِكَ مِنْكُمْ فَقَدْ ضَلَّ سَوَاءَ السَّبِيلِ ﴿١٢﴾ فِيمَا
نَقَضْتُمْ مِيثَاقَهُمْ لَعْنَتُهُمْ وَجَعَلْنَا قُلُوبَهُمْ قَاسِيَةً
يُحَرِّفُونَ الْكَلِمَ عَنْ مَوَاضِعِهِ وَنَسُوا حَظًّا مِمَّا
ذُكِّرُوا بِهِ وَلَا نَزَالُ تَطَّلِعُ عَلَى خَائِنَةٍ مِنْهُمْ إِلَّا قَلِيلًا مِنْهُمْ
فَاعْفُ عَنْهُمْ وَاصْفَحْ إِنَّ اللَّهَ يُحِبُّ الْمُحْسِنِينَ ﴿١٣﴾

5.14 - Fa misy amin'ireo izay milaza hoe: "Kristianina izahay", no, noraisinay ny fanekena nataon'izy ireo. Nefa adinon'izy ireo ny ampahany tamin'ireo izay nampahatsiahivina azy. Koa dia nataonay nisy teo amin'izy ireo ny fifampifahavalooana sy ny fifankahalana hatramin'ny andro fitsanganana. Ary Andriamanitra dia hampahafantatra azy ireo izay nataony.

5.15 - Ry olon'ny boky! Marina fa tonga taminareo ilay Irakay (Mohammad), hanazava aminareo ireo zavatra maro nafeninareo tamin'ny Boky, ary nandefitra tamin'ny zavatra maro! Indro tonga aminareo avy amin'Andriamanitra ny hazavana sy ny Boky mazava.

5. 16 - Amin'ny alalan'izy io (Kor'any) no itarihan'Andriamanitra ireo izay mitady ny hafaliany mankany amin'ny lalan'ny fiadanana. Ka hamoahany azy ireo avy ao amin'ny haizina mankany amin'ny hazavana, noho ny fitahiana avy Aminy. Ary hitarika azy ireo mankany amin'ny lalana mahitsy Izy.

5. 17 - Efa tena tsy mpino mihitsy ireo izay nilaza hoe: "Tena Andriamanitra ilay Mesia, zanak'i Maria". Lazao hoe: "Fa iza tokoa no manam-pahefana ankoatra an'Andriamanitra, raha tiany ny nanala ny ain'ilay Mesia zanak'i Maria, sy ny reniny, ary ireo rehetra eto ambonin'ny tany? Fa an'Andriamanitra irery ny fanjakan'ny lanitra sy ny tany, ary izay eo anelanelan'izy roa ireo". Mahary izay tiany Izy. Fa Mahefa ny zavatra rehetra Andriamanitra.

وَمِنَ الَّذِينَ قَالُوا إِنَّا نَصْرِي أَخَذْنَا مِيثَقَهُمْ
فَنَسُوا حَظًّا مِمَّا ذُكِّرُوا بِهِ فَأَغْرَيْنَا بَيْنَهُمُ الْعَدَاوَةَ
وَالْبَغْضَاءَ إِلَى يَوْمِ الْقِيَمَةِ وَسَوْفَ يُنَبِّئُهُمُ اللَّهُ
بِمَا كَانُوا يَصْنَعُونَ ﴿١٤﴾ يٰٓأَهْلَ الْكِتَابِ
قَدْ جَاءَكُمْ رَسُولُنَا يُبَيِّنُ لَكُمْ كَثِيرًا مِّمَّا
كُنْتُمْ تُخْفُونَ مِنَ الْكِتَابِ وَيَعْفُو عَنْ
كَثِيرٍ قَدْ جَاءَكُمْ مِنَ اللَّهِ نُورٌ وَكِتَابٌ
مُبِينٌ ﴿١٥﴾ يَهْدِي بِهِ اللَّهُ مَنِ اتَّبَعَ رِضْوَانَهُ
سُبُلَ السَّلَامِ وَيُخْرِجُهُم مِّنَ الظُّلُمَاتِ إِلَى
النُّورِ بِإِذْنِهِ وَيَهْدِيهِمْ إِلَى صِرَاطٍ مُسْتَقِيمٍ
﴿١٦﴾ لَقَدْ كَفَرَ الَّذِينَ قَالُوا إِنَّ اللَّهَ هُوَ الْمَسِيحُ
ابْنُ مَرْيَمَ قُلْ فَمَنْ يَمْلِكُ مِنَ اللَّهِ شَيْئًا إِنْ أَرَادَ
أَنْ يُهْلِكَ الْمَسِيحَ ابْنَ مَرْيَمَ وَأُمَّهُ وَوَمَنْ فِي
الْأَرْضِ جَمِيعًا وَلِلَّهِ مُلْكُ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ
وَمَا بَيْنَهُمَا يَخْلُقُ مَا يَشَاءُ وَاللَّهُ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ قَدِيرٌ ﴿١٧﴾

5.18 - Niteny ireo Jiosy, ary toy izany koa ireo Kristianina nanao hoe: "Zanak'Andriamanitra izahay, ary notiaviny manokana". Lazao hoe: "Koa nahoana no manasazy anareo noho ny fahotananareo izy?", fa ianareo dia olombelona tahaka izay rehetra nohariany. Mamela ny heloky ny olona araka izay safidiny izy, ary manome sazy ihany koa araka izay tiany. An'Andriamanitra irery ny fanjakan'ny lanitra sy ny tany, ary izay eo anelanelan'izy roa ireo". Fa any Aminy no fiafarana.

5. 19 - Ry olon'ny boky! Tonga teo aminareo ilay Irakay, nanome anareo fanazavana taorian'ny fahatapanan'ny hafatra, mba tsy hilazananareo hoe: "Tsy nisy tonga taminay, na mpilaza na mpampitandrina". Nefa marina, fa indro tonga taminareo ilay mpilaza sy mpampitandrina. Fa Mahefa ny zavatra rehetra Andriamanitra.

5.20 - Tsarovinareo, fa rehefa nilaza tamin'ny vahoakany i Mosesy nanao hoe: "Ry vahoakako! Tsarovinareo ny soa nomen'Andriamanitra anareo, raha nanendry ireo mpaminany teo aminareo izy. Ary nataony mpanjaka ianareo. Fa nomeny anareo izay tsy nomeny na iza na iza teto an-tany.

5.21 - Ry vahoakako! Midira amin'ilay tany masina izay nandidian'Andriamanitra anareo ianareo, ary aza miverindalana intsony, fa raha tsy izany dia hivadika ho resy indray ianareo.

5.22 - Fa hoy izy ireo: "Ry Mosesy! Misy vondron'olona matanjaka ao, ka tsy hiditra ao velively izahay mandram-pivoahan'izy ireo tao. Raha mivoaka tao izy ireo, dia hiditra ao tokoa izahay".

5.23 - Niteny anefa ireto olona roalahy tamin'izy ireo izay nanam-patahorana an'Andriamanitra, ary heniky ny fahasoavany nanao hoe: "Midira any amin'izy ireo eo amin'ny varavarana ianareo; ka rehefa tafiditra ao ianareo, dia tsy isalasalana fa ho mpandresy. Ary any amin'Andriamanitra no tokony hametrananareo ny fitokiana, raha mpino marina tokoa ianareo".

وَقَالَتِ الْيَهُودُ وَالنَّصَارَىٰ مَنۢ أَبْنَتْهُ ٱللَّهُ وَٱحْبَبُوهُ ۖ قُلۢ
فَلِمَ يُعَذِّبُكُم بِذُنُوبِكُمۡ بَلۡ أَنْتُمْ بَشَرٌ مِّمَّنۡ خَلَقَ يَغْفِرۢ لِمَنۡ
يَشَآءُ وَيُعَذِّبُ مَنۡ يَشَآءُ ۗ وَٱللَّهُ مُلْكُ ٱلسَّمٰوٰتِ وَٱلْأَرْضِ
وَمَا بَيْنَهُمَا ۗ وَإِلَيْهِ ٱلْمَصِيرُ ﴿١٨﴾ يٰٓأَهْلَ ٱلْكِتَآبِ قَدْ جَآءَكُمۡ
رَسُولُنَا يَبَيِّنُ لَكُمۡ عَلَىٰ فِتْرَةٍ مِّنَ ٱلرُّسُلِ أَن تَقُولُوا مَا جَآءَنَا
مِّنۡ بَشِيرٍ وَلَا نَذِيرٍۭ فَقَدْ جَآءَكُمۡ بَشِيرٌۭ وَنَذِيرٌۭ ۗ وَٱللَّهُ عَلَىٰ كُلِّ
شَيْءٍ قَدِيرٌۭ ﴿١٩﴾ وَإِذۡ قَالَ مُوسَىٰ لِقَوْمِهِۦ يُقَوْمِ اذْكُرُوا
نِعْمَةَ ٱللَّهِ عَلَيْكُمۡ إِذۡ جَعَلَ فِیكُمۡ أَنْبِيَآءَ وَجَعَلَ لَكُم مَّلُوكًا
وَءَاتٰكُم مَّا لَمْ يُوْتِ أَحَدًا مِّنَ ٱلْعٰلَمِينَ ﴿٢٠﴾ يُقَوْمِ ادْخُلُوا
ٱلْأَرْضَ ٱلْمُقَدَّسَةَ ٱلَّتِی كَتَبَ ٱللَّهُ لَكُمۡ وَلَا تَرْتُدُّوْا عَلٰی أَدْبَارِكُمۡ
فَنَنْقَلِبُوكُمْ ٱخْسَرِينَ ﴿٢١﴾ قَالُوا یٰمُوسٰی إِن فِیہَا قَوْمٌ جَبَّارِیْنَ
وَإِنَّا لَن نَّدْخُلُهَا حَتّٰی یَخْرُجُوا مِنْهَا فَإِن يَخْرُجُوا مِنْهَا
فَإِنَّا نَدْخُلُوكَ ﴿٢٢﴾ قَالَ رَجُلَانِ مِنَ ٱلَّذِیْنَ یَخَافُونَ
ٱللَّهَ ۗ عَلَیْهِمَا ادْخُلُوا عَلَیْهِمُ ٱلْبَابَ فَإِذَا دَخَلْتُمُوهُ
فَأِنَّكُمۡ غٰلِبُونَ وَعَلَى ٱللَّهِ فَتَوَكَّلُوا۟ إِن كُنْتُمْ مُّؤْمِنِیْنَ ﴿٢٣﴾

5. 24 - Ary hoy izy ireo: "Ry Mosesy! Tsy hiditra ao velively izahay raha mbola ao izy ireo. Koa mandehana ianao sy ny Tompo Zanaharinao miady, fa izahay kosa dia hijanona eto amin'ny misy anany".

5.25 - Fa hoy izy (Mosesy): "Tampo Zanahary ô! Marina fa tsy manam-pahefana afa-tsy amin'ny tenako sy amin'ny rahalahiko aho, koa ataovy mihataka amin'io vahoaka ratsy fitondrantena io izahay".

5.26 - Fa namaly Azy Andriamanitra hoe: "Noho izany, dia voarara ho azy ireo ity firenena ity mandritra ny efaolo taona, ka hampirenireny azy ireo manerana ny tany. Koa aoka ianao tsy ho ketraka amin'io vahoaka ratsy fitondrantena io".

5.27 - Ary ambarao amin'izy ireo amim-pahamarinana ny tantaran'ireo zanak'i Adama roalahy; rehefa nanolotra sorona izy roalahy ireo, ka nahazo fankatoavana ny anankiray tamin'izy roalahy, fa tsy nahazo kosa ny faharoa. Fa hoy ity farany: "Tena hovonoiko ianao", dia namaly azy ny anankiray hoe: "Tsy mandray afa-tsy avy amin'ireo mpitandrina vontompinoana Andriamanitra".

5.28 - Raha handefa ny tãnanao amiko ianao mba hamono ahy, dia izaho kosa tsy handefa ny tãnako velively aminao hamono anao; satria matahotra an'Andriamanitra aho, ilay Tompo Zanaharin'izao tontolo izao.

5.29 - Tiako ny handehananao hivesatra ny fahotako miaraka amin'ny fahotanao; amin'izay, dia ho isan'ireo olon'ny afobe ianao. Toy izany no valin'asa mendrika ireo mpanao ny tsy rariny.

5.30 - Ary dia nandrisika azy ny fanahy ratsiny hamono ny rahalahiny. Koa indrisy, fa novonoiny tokoa ilay rahalahiny, ary lasa isan'ireo maty antoka izy.

5.31 - Avy eo dia nandefa goaika anankiray Andriamanitra nandavaka tamin'ny tany mba hampiseho aminy ny fomba handevenana ny fatin'ilay rahalahiny. Hoy izy: "Ity lozako! Moa va tsy afa-manao toy io goaika io aho, mba handevina ny fatin'ny rahalahiko?", fa lasa isan'ireo nanenina tokoa izy.

قَالُوا يَمُوسَى إِنَّا لَنَدْخُلُهَا أَبَدًا مَادَامُوا فِيهَا فَاذْهَبْ
أَنْتَ وَرَبُّكَ فَقَتِلَا إِنَّا هَاهُنَا قَاعِدُونَ ﴿٢٤﴾ قَالَ رَبِّ
إِنِّي لَا أَمْلِكُ إِلَّا نَفْسِي وَأَخِي فَافْرُقْ بَيْنَنَا وَبَيْنَ الْقَوْمِ
الْفَاسِقِينَ ﴿٢٥﴾ قَالَ فَإِنَّهَا مُحَرَّمَةٌ عَلَيْهِمْ أَرْبَعِينَ سَنَةً
يَتِيهُونَ فِي الْأَرْضِ فَلَا تَأْسَ عَلَى الْقَوْمِ الْفَاسِقِينَ
﴿٢٦﴾ وَآتَلْ عَلَيْهِمْ نَبَأَ ابْنَيْ آدَمَ بِالْحَقِّ إِذْ قَرَّبَا قُرْبَانًا
فَتَقَبَّلَ مِنْ أَحَدِهِمَا وَلَمْ يُتَقَبَّلْ مِنَ الْآخَرِ قَالَ لَأَقْتُلَنَّكَ
قَالَ إِنَّمَا يَتَقَبَّلُ اللَّهُ مِنَ الْمُتَّقِينَ ﴿٢٧﴾ لَئِن بَسَطْتَ إِلَيَّ يَدَكَ
لَتَقْتُلَنِي مَا أَنَا بِبَاسِطٍ يَدِيَ إِلَيْكَ لَأَقْتُلَنَّكَ إِنِّي أَخَافُ اللَّهَ
رَبَّ الْعَالَمِينَ ﴿٢٨﴾ إِنِّي أُرِيدُ أَنْ تَبْوَأَ بِإِثْمِي وَإِثْمُكَ فَتَكُونَ
مِنْ أَصْحَابِ النَّارِ وَذَلِكَ جَزَاءُ الظَّالِمِينَ ﴿٢٩﴾ فَطَوَّعَتْ
لَهُ نَفْسُهُ قَتْلَ أَخِيهِ فَقَتَلَهُ فَأَصْبَحَ مِنَ الْخَاسِرِينَ ﴿٣٠﴾
فَبَعَثَ اللَّهُ غُرَابًا يَبْحَثُ فِي الْأَرْضِ لِيُرِيَهُ كَيْفَ يُورِي
سَوْءَةَ أَخِيهِ قَالَ يُوَيَّلَتِي أَعْجَزْتُ أَنْ أَكُونَ مِثْلَ هَذَا
الْغُرَابِ فَأُورِيَ سَوْءَةَ أَخِي فَأَصْبَحَ مِنَ النَّادِمِينَ ﴿٣١﴾

5.32 - Izany no antony nametrahanay didy tamin'ireo zanak'Israely, fa na iza na iza mamono olona mbola tsy meloka tamin'ny famonoan'olona, na fanimbana tety ambonin'ny tany, dia sahala amin'ny namono ny olombelona rehetra izy. Ary na iza na iza kosa mamelona olona iray, dia sahala amin'ny namelona ny olombelona rehetra. Marina tokoa fa efa tonga tamin'izy ireo ny Irakay niaraka tamin'ireo porofo maro. Ary indro, fa na izany aza, dia maro tamin'izy ireo no nanao ny ratsy tafahoatra teto ambonin'ny tany.

5.33 - Ny valin'asan'ireo olona izay miady, manohitra an'Andriamanitra, sy ilay Irany, ka miezaka manaparitaka ny haratsiana eto ambonin'ny tany, dia ny famonoana azy ireo avy hatrany, na famantsihana azy ambony hazo, na hotapahina ny tanany sy ny tongony amin'ny andaniny avy mifanohitra, na hatao sesitany. Fahafaham-baraka no ho azy ireo eto an-tany, ary famaizana lehibe no miandry azy any an-koatra.

5.34 - Afa-tsy ireo izay efa nibebaka talohan'ny nahatrananareo azy teo ambany fahefanareo, koa fantaro fa Mpamela heloka sy Mpamindra-fo Andriamanitra.

5.35 - Ary ianareo mpino! Matahora an'Andriamanitra ianareo, ka tadiavo ny fomba hanakaikazanareo Azy, ary aoka ianareo hitolona amin'ny Lalany. Mba hahavotra anareo.

5.36 - Fa ny amin'ireo tsy mpino kosa, na azy avokoa aza izay rehetra eto an-tany, ary mbola manana mitovy amin'izany miaraka aminy izy, ka homeny ho onitra hanavotan-tena amin'ny famaizana amin'ny andro fitsanganana, dia tsy ho ekena avy amin'izy ireo izany. Ary ho azy ireo ny famaizana mangirifiry.

بَنَ أَجَلٍ ذَلِكَ كَتَبْنَا عَلَى بَنِي إِسْرَءِيلَ أَنَّهُ مَن قَتَلَ
فَسًّا يَغْيِرْ نَفْسٍ أَوْ فَسَادٍ فِي الْأَرْضِ فَكَأَنَّمَا قَتَلَ
لِنَاسٍ جَمِيعًا وَمَنْ أَحْيَاهَا فَكَأَنَّمَا أَحْيَا النَّاسَ
جَمِيعًا وَلَقَدْ جَاءَتْهُمْ رُسُلُنَا بِالْبَيِّنَاتِ ثُمَّ إِنَّ كَثِيرًا
مِّنْهُمْ بَعْدَ ذَلِكَ فِي الْأَرْضِ لَمُسْرِفُونَ ﴿٣٢﴾ إِنَّمَا
جَزَاؤُ الَّذِينَ يُحَارِبُونَ اللَّهَ وَرَسُولَهُ وَيَسْعَوْنَ فِي الْأَرْضِ
فَسَادًا أَن يُقَتَّلُوا أَوْ يُصَلَّبُوا أَوْ تُقَطَّعَ أَيْدِيهِمْ
وَأَرْجُلُهُمْ مِّنْ خَلْفٍ أَوْ يُنْفَوْا مِنَ الْأَرْضِ ذَلِكَ
لَهُمْ خِزْيٌ فِي الدُّنْيَا وَلَهُمْ فِي الْآخِرَةِ عَذَابٌ عَظِيمٌ
﴿٣٣﴾ إِلَّا الَّذِينَ تَابُوا مِن قَبْلِ أَن تَقْدِرُوا عَلَيْهِمْ فَاعْلَمُوا
أَنَّ اللَّهَ غَفُورٌ رَّحِيمٌ ﴿٣٤﴾ يَأَيُّهَا الَّذِينَ ءَامَنُوا
اتَّقُوا اللَّهَ وَابْتَغُوا إِلَيْهِ الْوَسِيلَةَ وَجَاهِدُوا فِي سَبِيلِهِ
لَعَلَّكُمْ تُفْلِحُونَ ﴿٣٥﴾ إِنَّ الَّذِينَ كَفَرُوا لَوَآتَيْنَهُمْ
لَهُمْ مَّا فِي الْأَرْضِ جَمِيعًا وَمِثْلَهُ مَعَهُ لَيَفْتَدُوا بِهِ مِنْ
عَذَابِ يَوْمِ الْقِيَمَةِ مَا تُقْبَلُ مِنْهُمْ وَلَهُمْ عَذَابٌ أَلِيمٌ ﴿٣٦﴾

5.37 - Maniry mafy ny hivoaka ivelan'ny afo izy ireo, nefa tsy hivoaka tao velively, fa hahazo sazy maharitra tokoa.

5.38 - Ho an'ny mpangalatra lahy sy ny mpangalatra vavy, dia tapaho ny tãnan'izy roa ireo, ho fanasaziana tamin'izay nalain'izy ireo, sy famaizana avy amin'Andriamanitra. Fa Andriamanitra no Tsitoha sy be fahendrena.

5.39 - Fa na iza na iza mibebaka aorian'ny fahadisoany, ka miova toetra, dia tsy isalasalana fa hamela ny helony Andriamanitra. Hamafisina, fa Mpamela heloka sy Mpamindra-fo Andriamanitra.

5.40 - Moa va tsy fantatrao fa an'Andriamanitra ny fanjakan'ny lanitra sy ny tany? Manasazy araka ny safidiny Izy, ary mamela heloka ihany koa araka izay tiany. Fa Mahefa ny zavatra rehetra Andriamanitra.

5.41 - Ry Iraka! Aoka tsy hampalahelo anao ireo izay mihazakazaka ho any amin'ny tsy finoana, amin'ireo izay niteny hoe: "Efa mino izahay", nefa tsy nino velively ny fon'izy ireo, ary misy amin'ireo Jiosy no mpihaino lainga fotsiny, sy mpihaino ireo olon-kafa izay tsy mbola tonga taminao mihitsy, ka ny tetik'izy ireo dia ny hanova ny dikan'ireo teny izay efa mitombina tsara. Hoy izy ireo: "Raha omeny an'ity ianareo (izay mifanaraka amin'ny sitrapontsika), dia raiso izany, fa raha tsy izany kosa no nomeny anareo, dia aoka ho malina". Izay tian'Andriamanitra ho tsapaina amin'ny sazy, dia tsy manana fiarovana azy amin'Andriamanitra ianao na kely aza. Izy ireny no tsy tian'Andriamanitra ho diovina ny fony. Voatokana ho azy ireny ny fahafam-baraka ety an-tany, ary ny famaizana lehibe any an-koatra.

يُرِيدُونَ أَنْ يُخْرِجُوا مِنَ النَّارِ وَمَا هُمْ بِخَارِجِينَ مِنْهَا
وَلَهُمْ عَذَابٌ مُّقِيمٌ ﴿٣٧﴾ وَالسَّارِقُ وَالسَّارِقَةُ فَاقْطَعُوا
أَيْدِيَهُمَا جِزَاءً بِمَا كَسَبَا نَكَالًا مِّنْ اللَّهِ وَاللَّهُ عَزِيزٌ حَكِيمٌ
﴿٣٨﴾ فَمَنْ تَابَ مِنْ بَعْدِ ظُلْمِهِ وَأَصْلَحَ فَإِنَّ اللَّهَ يَتُوبُ
عَلَيْهِ إِنَّ اللَّهَ غَفُورٌ رَّحِيمٌ ﴿٣٩﴾ أَلَمْ تَعْلَمْ أَنَّ اللَّهَ لَهُ مُلْكُ
السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ يُعَذِّبُ مَنْ يَشَاءُ وَيَغْفِرُ لِمَنْ يَشَاءُ
وَاللَّهُ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ قَدِيرٌ ﴿٤٠﴾ يَتَأْتِيهَا الرُّسُولُ
لَا يَحْزَنُكَ الَّذِينَ يُسْرِعُونَ فِي الْكُفْرِ مِنَ الَّذِينَ
قَالُوا آمَنَّا بِأَفْوَاهِهِمْ وَلَمْ تُؤْمِنْ قُلُوبُهُمْ وَمِنَ الَّذِينَ
هَادُوا وَسَمِعُوا لِلْكَذِبِ سَمْعُونَ لِقَوْمٍ
آخَرِينَ لَمْ يَأْتُوكَ يُخْرِفُونَ الْكَلِمَ مِنْ بَعْدِ مَوَاضِعِهِ
يَقُولُونَ إِنْ أُوتِيتُمْ هَذَا فَخُذُوهُ وَإِنْ لَمْ تُؤْتَوْهُ فَاحْذَرُوا
وَمَنْ يُرِدِ اللَّهُ فِتْنَتَهُ فَلَنْ تَمْلِكَ لَهُ مِنْ اللَّهِ شَيْئًا
أُولَئِكَ الَّذِينَ لَمْ يُرِدِ اللَّهُ أَنْ يُطَهِّرْ قُلُوبَهُمْ لَهُمْ فِي
الدُّنْيَا خِزْيٌ وَلَهُمْ فِي الْآخِرَةِ عَذَابٌ عَظِيمٌ ﴿٤١﴾

5.42 - Fatra mpihaino lainga fotsiny izy ireo, ary fatra mpihinana zavatra azo tamin'ny tsy ara-dalàna. Raha tonga eo aminao izy ireo, dia aoka ianao hanome ny fitsaranao azy ireo, na hanalavitra azy ireo. Fa raha manalavitra azy ireo ianao, dia tsy afaka ny hanao zavatra ratsy aminao velively izy ireo. Ary raha mitsara kosa ianao, dia aoka hitsara azy ireo amin'ny rariny. Satria Tia ireo izay mitsara amin'ny rariny Andriamanitra.

5.43 - Fa ahoana no hangatahan'izy ireo anao ho mpitsara, kanefa eo am-pelatànan'izy ireo ny Taoraty izay misy ny fitsaran'Andriamanitra? Ary aorian'izany, dia tsy noraharahainy ny fitsaranao, fa tsy mpino velively izy ireny.

5.44 - Ary hamafisina, fa Izahay no nampidina ny Taoraty izay mirakitra tari-dàlana sy fahazavana. Nampiasa azy teo amin'ny fitsarany ireo Mpaminany izay nanolotena ho an'Andriamanitra, toy izany koa ireo mpitondra fivavahana, ary ireo mpanora-dalàna, tamin'ny raharahan'ny Jiosy, satria izy ireo no nanankinana ny fitahirizana ilay Bokin'Andriamanitra, ka vavolombelona ny amin'izany. Koa aoka ianao tsy hatahotra ireo vahoaka ireo, fa Izaho irery no hatahory. Ary aza mivarotra ny porofo famantarana Ahy amin'ny zavatra mora vidy ianareo. Fa ireo izay tsy mitsara araka izay nampidin'Andriamanitra, dia izy ireny indrindra no tsy mpino.

5.45 - Fa efa namoahanay didy izy ireo tamin'izany, fa ny aina solon'ny aina, ny maso solon'ny maso, ny orona solon'ny orona, ny sofina solon'ny sofina, ny nify solon'ny nify, ary ny fandratrana an-tsitraro dia mitaky famaliana. Avy eo, izay milefitra noho ny fitiava-namana, dia efa onitra ho azy izany. Ary na iza na iza tsy mitsara araka izay nampidin'Andriamanitra, dia izy ireny no mpanao ny tsy rariny.

سَمِعُوا لِلْكَذِبِ أَكَلُونَ لِلسُّحْتِ فَإِنْ جَاءُوكَ
فَاحْكُم بَيْنَهُمْ أَوْ أَعْرِضْ عَنْهُمْ وَإِنْ تُعْرِضْ عَنْهُمْ فَلَنْ
يَضُرُّوكَ شَيْئًا وَإِنْ حَكَمْتَ فَاحْكُم بَيْنَهُم بِالْقِسْطِ
إِنَّ اللَّهَ يُحِبُّ الْمُقْسِطِينَ ﴿٤٢﴾ وَكَيْفَ يُحْكِمُوكَ وَعِنْدَهُمُ
التَّوْرَةُ فِيهَا حُكْمُ اللَّهِ ثُمَّ تَوَلَّوْا مِنْ بَعْدِ ذَلِكَ
وَمَا أُولَئِكَ بِالْمُؤْمِنِينَ ﴿٤٣﴾ إِنَّا أَنْزَلْنَا التَّوْرَةَ فِيهَا
هُدًى وَنُورٌ يُحْكُمُ بِهَا النَّبِيُّونَ الَّذِينَ أَسْلَمُوا لِلَّذِينَ
هَادُوا وَالرَّبَّانِيُّونَ وَالْأَحْبَارُ بِمَا اسْتُحْفِظُوا مِنْ كِتَابِ
اللَّهِ وَكَانُوا عَلَيْهِ شُهَدَاءَ فَلَا تَخْشَوُا النَّاسَ
وَأَخْشَوْنَ اللَّهَ وَلَا تَشْتَرُوا بِآيَاتِي ثَمَنًا قَلِيلًا وَمَنْ لَمْ يَحْكَمْ
بِمَا أَنْزَلَ اللَّهُ فَأُولَئِكَ هُمُ الْكَافِرُونَ ﴿٤٤﴾ وَكُتِبْنَا عَلَيْهِمْ
فِيهَا أَنْ النَّفْسَ بِالنَّفْسِ وَالْعَيْنَ بِالْعَيْنِ وَالْأَنْفَ
بِالْأَنْفِ وَالْأُذُنَ بِالْأُذُنِ وَالسِّنَّ بِالسِّنِّ وَالْجُرُوحَ
قِصَاصٌ فَمَنْ تَصَدَّقَ بِهِ فَهُوَ كَفَّارٌ لَهُ وَمَنْ
لَمْ يَحْكَمْ بِمَا أَنْزَلَ اللَّهُ فَأُولَئِكَ هُمُ الظَّالِمُونَ ﴿٤٥﴾

5.46 - Ary nalefanay taorian'izy ireo i Jesoa, zanak'i Maria mba hanamafy izay efa nisy teo amin'izy ireo tao amin'ny Taoraty. Ary nomenay azy ny Evanjely izay misy tari-dàlana sy hazavana, mba hanamafy izay nisy tao amin'ny Taoraty talohany, ary tari-dàlana sy fananarana ho an'ireo vontompoana.

5.47 - Aoka ireo olon'ny Evanjely hitsara araka izay nampidin'Andriamanitra teo aminy. Fa ireo izay tsy mitsara araka izay nampidin'Andriamanitra, dia ratsy fitondrantena tokoa izy ireny.

5.48 - Ary taminao (ry Mohammad) no nampidinanay ilay Boky niaraka tamin'ny fahamarinana, mba hanamafy ny boky izay nisy teo alohany, ary mihoatra azy. Koa mitsarà eo amin'izy ireo araka izay nampidin'Andriamanitra. Aza manaraka ny sitra-pon'izy ireo anefa, izay lavitry ny fahamarinana tonga taminao. Efa nomenay lalàna sy rindran-damina harahina ny tsirairay aminareo. Raha sitrak'Andriamanitra, dia ho nataony vahoaka tokana ianareo. Nefa Izy dia mila hitsapa anareo amin'izay nomeny anareo. Koa mifaninàna amin'ny asa tsara ianareo. Any amin'Andriamanitra no fiverenanareo rehetra, ka dia holazainy anareo izay nampifanolana anareo.

5.49 - Koa mitsarà eo amin'izy ireo araka izay nampidin'Andriamanitra, fa aza manaraka ny sitrapony, ary tandremo izy ireo sao dia mitarika anao hanalavitra ny ampahany amin'izay nambaran'Andriamanitra taminao. Fa raha mitsipaka ny fitsaràna izy ireo, dia fantaro fa mila hanasazy azy Andriamanitra, amin'ny fahotany sasany. Hamafisina, fa maro amin'ireo olona no ratsy fitondrantena.

5.50 - Ka moa va ny fitsaràna tamin'ny fotoan'ny fahabadoana no tadiavin'izy ireo? Iza no tsara mihoatra an'Andriamanitra, mikasika ny fitsaràna ho an'ireo olona izay manam-pinoana tanteraka?

وَقَفَيْنَا عَلَىٰ آثَرِهِمْ بِعِيسَى ابْنِ مَرْيَمَ مُصَدِّقًا لِّمَا بَيْنَ يَدَيْهِ مِنَ
التَّوْرَةِ ۚ وَآتَيْنَاهُ الْإِنجِيلَ فِيهِ هُدًى وَنُورٌ وَمُصَدِّقًا لِّمَا بَيْنَ
يَدَيْهِ مِنَ التَّوْرَةِ وَهُدًى وَمَوْعِظَةً لِّلْمُتَّقِينَ ﴿٤٦﴾ وَلِيَحْكُمَ
أَهْلَ الْإِنجِيلِ بِمَا أَنزَلَ اللَّهُ فِيهِ ۖ وَمَن لَّمْ يَحْكَمْ بِمَا أَنزَلَ
اللَّهُ فَأُولَٰئِكَ هُمُ الْفَاسِقُونَ ﴿٤٧﴾ وَأَنزَلْنَا إِلَيْكَ الْكِتَابَ
بِالْحَقِّ مُصَدِّقًا لِّمَا بَيْنَ يَدَيْهِ مِنَ الْكِتَابِ وَمُهَيِّمًا
عَلَيْهِ ۖ فَاحْكُم بَيْنَهُم بِمَا أَنزَلَ اللَّهُ وَلَا تَتَّبِعْ أَهْوَاءَهُمْ
عَمَّا جَاءَكَ مِنَ الْحَقِّ لِكُلِّ جَعَلْنَا مِنْكُمْ شِرْعَةً وَمِنْهَاجًا
وَلَوْ شَاءَ اللَّهُ لَجَعَلَكُمْ أُمَّةً وَاحِدَةً وَلَٰكِن لِّيَبْلُوَكُمْ فِي مَا
ءَاتَاكُمْ ۖ فَاسْتَبِقُوا الْخَيْرَاتِ ۚ إِلَى اللَّهِ مَرْجِعُكُمْ جَمِيعًا
فَيُنَبِّئُكُمْ بِمَا كُنتُمْ فِيهِ تَخْتَلِفُونَ ﴿٤٨﴾ وَإِن أُحْكَمَ بَيْنَهُمْ بِمَا
أَنزَلَ اللَّهُ وَلَا تَتَّبِعْ أَهْوَاءَهُمْ وَاحْذَرْهُمْ أَن يَفْتِنُوكَ عَنْ
بَعْضِ مَا أَنزَلَ اللَّهُ إِلَيْكَ ۖ فَإِن تَوَلَّوْا فَاعْلَمُوا أَنَّهُ يَرِيْدُ اللَّهُ أَن يَصِيبَهُمْ
بِبَعْضِ ذُنُوبِهِمْ ۚ وَإِنَّ كَثِيرًا مِّنَ النَّاسِ لَفَاسِقُونَ ﴿٤٩﴾ أَفَحُكْمَ
الْجَاهِلِيَّةِ يَبْغُونَ ۚ وَمَنْ أَحْسَنُ مِنَ اللَّهِ حُكْمًا لِّقَوْمٍ يُوقِنُونَ ﴿٥٠﴾

5.51 - Ary ianareo mpino! Aoka ianareo tsy handray ireo Jiosy sy ireo Kristianina ho sakaiza itokiana, izy ireo dia samy mpinamana. Ary izay maka azy ireo ho sakaiza itokiana aminareo, dia hamafisina, fa anisan'ny iray amin'izy ireo. Marina, fa tsy hitari-dalana velively ireo mpanao ny tsy rariny Andriamanitra.

5.52 - Ho hitanao àry, fa ireo izay misy aretina ny fony dia hihazakazaka ho any amin'izy ireo, ary hiteny hoe: "Matahotra izahay, sao mahazo anay ny fitsimbadihan'ny raharaha". Mety hisy anefa ny fanomezan'Andriamanitra ny fandresena, na didy avy Aminy; ka dia hanenina amin'izay nafeniny tao am-pody izy ireny.

5.53 - Ary hiteny ireo mpino hoe: "Moa va ireo izay mianiana amin' Andriamanitra amin'ny heriny manontolo, tena momba anareo tokoa? Very maina anefa ny asa nataon'izy ireo, ary ho maty antoka izy.

5.54 - Fa ianareo mpino! Na iza na iza aminareo miala amin'ny finoany ... tsy ho ela Andriamanitra dia hitondra vahoaka izay tiany tokoa, ary izy ireo koa hitia Azy, ho mpanetritena eo anatrehan'ireo mpino, ary hampiseho hery kosa eo anatrehan'ireo tsy mpino, hitolona eo amin'ny lalan'Andriamanitra izy ireo, ary tsy hatahotra ny fanaratsian'izay mpanome tsiny. Toy izany ny Fahasoavan'Andriamanitra, omeny izay sitrany. Fa Malalatahana sy Mahay ny zavatra rehetra Andriamanitra.

5.55 - Eny, tsy misy sakaiza mpiahy anareo afa-tsy Andriamanitra, sy ilay Irany, ary ireo izay mino, manatanteraka ny vavaka fanompoana (soalat), manome ny harena fiantrana (zakat) eo am-pihondrehana.

5.56 - Ary na iza na iza mandray an'Andriamanitra ho mpiahy azy, sy ilay Irany ary ireo mpino, dia ho tafita, satria hamafisina, fa ny antokon'Andriamanitra no ho mpandresy.

5.57 - Ary ianareo mpino! Aoka ianareo tsy handray ho sakaiza itokisana ireo izay manao tsinontsinona ka manao kilalao ny finoanareo, amin'ireo izay nomena ny boky talohanareo sy ireo tsy mpino. Ary matahora an'Andriamanitra ianareo raha toa ka mpino marina.

يَتَأْتِيهَا الَّذِينَ ءَامَنُوا لَا تَتَّخِذُوا الْيَهُودَ وَالنَّصَارَىٰ أَوْلِيَاءَ بَعْضُهُمْ أَوْلِيَاءُ بَعْضٍ وَمَنْ يَتَوَلَّهُمْ مِنْكُمْ فَإِنَّهُ مِنْهُمْ إِنَّ اللَّهَ لَا يَهْدِي الْقَوْمَ الظَّالِمِينَ ﴿٥١﴾ فَتَرَى الَّذِينَ فِي قُلُوبِهِمْ مَرَضٌ يُسْرِعُونَ فِيهِمْ يَقُولُونَ نَخْشَى أَنْ تُصِيبَنَا دَآئِرَةٌ فَعَسَى اللَّهُ أَنْ يَأْتِيَ بِالْفَتْحِ أَوْ أَمْرٍ مِّنْ عِنْدِهِ فَيُصْبِحُوا عَلَىٰ مَا أَسْرُوا فِي أَنْفُسِهِمْ نَدِمِينَ ﴿٥٢﴾ وَيَقُولُ الَّذِينَ ءَامَنُوا أَهْتَؤُلَاءِ الَّذِينَ أَقْسَمُوا بِاللَّهِ جَهْدَ أَيْمَانِهِمْ إِنَّهُمْ لَمَعَكُمْ حَبِطَتِ أَعْمَالُهُمْ فَأَصْبَحُوا خَاسِرِينَ ﴿٥٣﴾ يَتَأْتِيهَا الَّذِينَ ءَامَنُوا مِنْ يَرْتَدَّ مِنْكُمْ عَنْ دِينِهِ ۖ فَسَوْفَ يَأْتِي اللَّهُ بِقَوْمٍ يُحِبُّهُمْ وَيُحِبُّونَهُ أَذِلَّةٌ عَلَى الْمُؤْمِنِينَ أَعِزَّةٌ عَلَى الْكَافِرِينَ يُجَاهِدُونَ فِي سَبِيلِ اللَّهِ وَلَا يَخَافُونَ لَوْمَةَ لَائِمٍ ۚ ذَٰلِكُمْ فَضْلُ اللَّهِ يُؤْتِيهِ مَن يَشَاءُ وَاللَّهُ وَاسِعٌ عَلِيمٌ ﴿٥٤﴾ إِنَّمَا وَلِيُّكُمُ اللَّهُ وَرَسُولُهُ ۖ وَالَّذِينَ ءَامَنُوا الَّذِينَ يُقِيمُونَ الصَّلَاةَ وَيُؤْتُونَ الزَّكَاةَ وَهُمْ رَاكِعُونَ ﴿٥٥﴾ وَمَنْ يَتَوَلَّ اللَّهَ وَرَسُولَهُ وَالَّذِينَ ءَامَنُوا فَإِنَّ حِزْبَ اللَّهِ هُمُ الْغَالِبُونَ ﴿٥٦﴾ يَتَأْتِيهَا الَّذِينَ ءَامَنُوا لَا تَتَّخِذُوا الَّذِينَ اتَّخَذُوا دِينَكُمْ هُزُوءًا وَلَعِبًا مِّنَ الَّذِينَ أُوتُوا الْكِتَابَ مِن قَبْلِكُمْ وَالْكَفَّارَ أَوْلِيَاءَ ۚ وَاتَّقُوا اللَّهَ ۖ إِنَّ كُفْرَكُمْ مُّؤْمِنِينَ ﴿٥٧﴾

5.58 - Ary rehefa manao ny fiantsoana ho amin'ny vavaka fanompoana ianareo, dia raisin'izy ireo ho tsinontsinona sy kilalao izany. Satria vahoaka tsy mandinika tokoa izy ireo.

5.59 - Lazao hoe: "Ry olon'ny boky! Moa va ianareo manankiana anay amin'ny zavatra hafa ankoatra ny finoanay an'Andriamanitra, sy amin'izay nampidinina taminay, ary izay nampidinina tany aloha? Nefa ratsy fitondrantena ny ankamaroanareo".

5.60 - Ary lazao: "Moa va hambarako anareo ny ratsy kokoa noho izany, ho valin'ny nataony avy amin'Andriamanitra? Olona nozonin'Andriamanitra sy nianjadian'ny hatezerany izany, ary nataony ho jako sy kisoa ny sasany tamin'izy ireo, ary toy izany koa izay nanompo sampy, izy ireny no hahazo toerana ratsy indrindra, no sady very amin'ny lalan'ny fahitsiana".

5.61 - Rehefa tonga aminareo izy ireny dia hiteny hoe: "Mino izahay", kanefa niditra niaraka tamin'ny tsy finoana izy ireo, ary nivoaka niaraka tamin'izany ihany koa. Fa fantatr'Andriamanitra tsara izay afenin'izy ireo.

5.62 - Ary ho hitanao fa ny ankamaroan'izy ireo dia mihazakazaka mankany amin'ny fahotana sy ny hetraketraka, ary amin'ny fihinanana zavatra tsy ara-dalana. Ka dia ratsy tokoa izay asa nataon'izy ireo.

5.63 - Nahoana ireo mpampianatra ara-pinoana (rabbin) sy ireo mpanora-dalana no tsy mba nanakana azy ireo tamin'ny resaka feno lainga, sy ny fihinanana zavatra tsy ara-dalana, ka ratsy tokoa ny asa nataon'izy ireo.

5.64 - Ary hoy ireo Jiosy: "Mikombona ny tanan'Andriamanitra!" Aoka hikombona ny tanan'izy ireo, ary voaozona izy ireo noho ny fitenenany izany. Mifanohitra amin'izany anefa, misokatra malalaka ireo tanany anankiroa; mizara ny fanomezany araka izay sitrany izy. Ary marina fa izay nampidinina taminao avy amin'ny Tompo Zanaharinao, dia vao maika hampitombo ny faniratsirana, sy ny tsy finoana eo amin'izy ireo. Koa dia nalefanay teo amin'izy ireo ny fifampifahavalana sy ny fifankahalana mandra-pahatongan'ny andro fitsanganana. Isaka ny mamelona afo ho amin'ny ady izy ireo, dia vonoin'Andriamanitra izany. Ary izy ireo dia miezaka ny hampielany fanimbana eto ambonin'ny tany, kanefa tsy tia ireo mpanimba Andriamanitra.

وَإِذَا نَادَيْتُمْ إِلَى الصَّلَاةِ اتَّخَذُوا هُزُوءًا وَلَعِبًا ذَلِكَ بِأَنَّهُمْ قَوْمٌ لَا يَعْقِلُونَ ﴿٥٨﴾ قُلْ يٰٓأَهْلَ الْكِتَابِ هَلْ تَقِيمُونَ مِنَّا إِلَّا أَنۢأَمَنَّا بِاللَّهِ وَمَا أُنزِلَ إِلَيْنَا وَمَا أُنزِلَ مِن قَبْلُ وَأَنۢ أَكْثَرُكُمْ فَاسِقُونَ ﴿٥٩﴾ قُلْ هَلْ أُنَبِّئُكُمْ بِشَرٍّ مِّنۢ ذَٰلِكَ مَثُوبَةً عِندَ اللَّهِ مَنۢ لَّعَنَهُ اللَّهُ وَغَضِبَ عَلَيْهِ وَجَعَلَ مِنْهُمُ الْقِرَدَةَ وَالْخَنَازِيرَ وَعَبَدَ الطَّاغُوتَ أُولَٰئِكَ شَرٌّ مَّكَانًا وَأَضَلُّ عَنۢ سَوَاءِ السَّبِيلِ ﴿٦٠﴾ وَإِذَا جَاءُوكُمۢ قَالُوا آمَنَّا وَقَدْ خَلَوْنَا بِالْكَفْرِ وَهُمْ قَدْ خَرَجُوا بِهِۦ وَاللَّهُ أَعْلَمُ بِمَا كَانُوا يَكْتُمُونَ ﴿٦١﴾ وَتَرَىٰ كَثِيرًا مِّنْهُمْ يُسْرِعُونَ فِي الْأَثْمِ وَالْعُدُونِ وَأَكْثِلَهُمُ الشُّحْتُ لَبِئْسَ مَا كَانُوا يَعْمَلُونَ ﴿٦٢﴾ لَوْلَا يَنْهَاهُمُ الرَّبَّانِيُّونَ وَالْأَحْبَارُ عَنِ قَوْلِهِمُ الْإِثْمَ وَأَكْثِلَهُمُ الشُّحْتُ لَبِئْسَ مَا كَانُوا يَصْنَعُونَ ﴿٦٣﴾ وَقَالَتِ الْيَهُودُ يَدُ اللَّهِ مَغْلُولَةٌ غُلَّتْ أَيْدِيهِمْ وَلَعِنَا بِمَا قَالُوا بَلۢ يَدَاهُ مَبْسُوطَتَانِ يُنفِقُ كَيْفَ يَشَآءُ وَلِيَزِيدَنَّ كَثِيرًا مِّنْهُمْ مَا أُنزِلَ إِلَيْكَ مِن رَّبِّكَ طُغْيَانًا وَكُفْرًا وَآلَقَيْنَا بَيْنَهُمُ الْعُدَّةَ وَالْبَغْضَاءَ إِلَى يَوْمِ الْقِيَمَةِ كُلَّمَا أَوقَدُوا نَارًا لِلْحَرْبِ أَطْفَاَهَا اللَّهُ وَيَسْعَوْنَ فِي الْأَرْضِ فَسَادًا وَاللَّهُ لَا يُحِبُّ الْمُفْسِدِينَ ﴿٦٤﴾

5.65 - Fa raha nanam-pinoana sy nanam-patahorana ireo olon'ny boky, dia hofafanay ny ratsy vitany, ary hampidirinay ao amin'ny Paradisa feno fahasoavana izy ireo.

5.66 - Raha nampihatra ny Taoraty sy ny Evanjely mantsy izy ireo, sy izay nampidinina taminy avy amin'ny Tompo Zanaharin'izy ireo, dia ho nihinana an-kafaliana tamin'izay teo ambonin'izy ireo, sy izay teo ambany tongotr'izy ireo. Misy andiany amin'izy ireo anefa mandala ny fomba mendrika; nefa ny ankamaroany dia manao fomba ratsy.

5.67 - Ry Iraka! Ampitao izay nampidinina taminao avy amin'ny Tompo Zanaharinao. Fa raha tsy manao izany ianao, dia tsy tafitanao ny Hafany. Ary Andriamaniitra no miaro anao amin'ny olona. Marina fa tsy mitari-dàlana ireo vahoaka tsy mpino Andriamaniitra.

5.68 - Lazao: "Ry olon'ny boky! Fa tsy mbola miankina na amin'inona na amin'inona ianareo, raha tsy efa nampihatra ny Taoraty sy ny Evanjely, ary izay nampidinina teo aminareo avy amin'ny Tompo Zanaharinareo". Ary marina fa izay nampidinina taminao avy amin'ny Tompo Zanaharinao, dia vao mainka hampitombo ny faniratsirana sy ny tsy finoana eo amin'izy ireo. Ka aza atao mampahory anao ny amin'ireo vahoaka tsy mpino.

5.69 - Hamafisina, fa ireo izay mino sy ireo izay nanaraka ny Jodaisma, ireo Sabeana, ireo Kristianina, na iza na iza amin'izy ireo mino an'Andriamaniitra sy ny andro farany, ary manao asa soa, dia tsy misy tokony hampatahotra sy hampalahelo azy ireo izany.

5.70 - Efa noraisinay tokoa ny fanekena nataon'ireo zanak'Israely, ary nandefasanay Iraka maro izy ireo. Nefa isaka ny misy Iraka iray tonga amin'izy ireo ka tsy nanaraka ny sitrapony, dia lazain'ny sasany amin'izy ireo ho mpandainga, ary novonoin'ireo sasany hafa koa.

وَلَوْ أَنَّ أَهْلَ الْكِتَابِ ءَامَنُوا وَاتَّقَوْا لَكَفَّرْنَا عَنْهُمْ سَيِّئَاتِهِمْ وَلَآ دَخَلْنَاهُمْ جَنَّاتِ النَّعِيمِ ﴿٦٥﴾ وَلَوْ أَنَّهُمْ أَقَامُوا التَّوْرَةَ وَآلِإِنْجِيلَ وَمَا أُنْزِلَ إِلَيْهِمْ مِنْ رَبِّهِمْ لَأَكْلُوا مِنْ فَوْقِهِمْ وَمِنْ تَحْتِ أَرْجُلِهِمْ مِنْهُمْ أُمَّةٌ مُقْتَصِدَةٌ وَكَثِيرٌ مِنْهُمْ سَاءَ مَا يَعْمَلُونَ ﴿٦٦﴾ ؕ يَتَأْتِيهَا الرُّسُولُ بَلِّغْ مَا أُنْزِلَ إِلَيْكَ مِنْ رَبِّكَ وَإِنْ لَمْ تَفْعَلْ فَمَا بَلَغْتَ رِسَالَتَهُ وَاللَّهُ يَعْصُمُكَ مِنَ النَّاسِ إِنَّ اللَّهَ لَا يَهْدِي الْقَوْمَ الْكَافِرِينَ ﴿٦٧﴾ قُلْ يَا أَهْلَ الْكِتَابِ لَسْتُمْ عَلَى شَيْءٍ حَتَّى تُقِيمُوا التَّوْرَةَ وَآلِإِنْجِيلَ وَمَا أُنْزِلَ إِلَيْكُمْ مِنْ رَبِّكُمْ وَلِيُزِيدَكُمْ كَثِيرًا مِنْهُمْ مَا أُنْزِلَ إِلَيْكَ مِنْ رَبِّكَ طُغْيَيْنًا وَكُفْرًا فَلَا تَأْسَ عَلَى الْقَوْمِ الْكَافِرِينَ ﴿٦٨﴾ إِنَّ الَّذِينَ ءَامَنُوا وَالَّذِينَ هَادُوا وَالصَّابِئُونَ وَالنَّصَارَى مَنْ ءَامَنَ بِاللَّهِ وَالْيَوْمِ الْآخِرِ وَعَمِلَ صَالِحًا فَلَا خَوْفٌ عَلَيْهِمْ وَلَا هُمْ يَحْزَنُونَ ﴿٦٩﴾ لَقَدْ أَخَذْنَا مِيثَاقَ بَنِي إِسْرَءِيلَ وَارْسَلْنَا إِلَيْهِمْ رَسُولًا قُلْنَا إِذَا جَاءَهُمْ رَسُولٌ بِمَا لَا تَهْوَى أَنْفُسُهُمْ فَرِيقًا كَذَّبُوا وَفَرِيقًا يَقْتُلُونَ ﴿٧٠﴾

5.71 - Mihevitra izy ireo fa tsy hisy sazy ho azy, ka dia lasa jamba sy marenina. Avy eo dia noraisin'Andriamanitra ny fibebahan'izy ireo. Manaraka izany, dia maro amin'izy ireo indray no lasa jamba sy marenina. Fa Andriamanitra dia Mahita tsara izay ataon'izy ireo.

5.72 - Efa tena tsy mpino ireo izay milaza hoe: "Tena Andriamanitra tokoa ilay Mesia, zanak'i Maria". Kanefa ilay Mesia no nilaza hoe: "Ô ry zanak'Israely, tompoinareo Andriamanitra Tompo Zanahariko sy Tompo Zanaharinareo". Hamafisina, fa izay mampitambatra an'Andriamanitra amin'ny hafa, dia hataon'Andriamanitra ho fady azy ny Paradisa; ary ny afobe no fitoerany. Eny, tsy hisy mpamonjy tokoa ireo mpanao ny tsy rariny.

5.73 - Efa tena tsy mpino ireo izay milaza hoe: "Andriamanitra dia fahatelo amin'ireo telo". Kanefa tsy misy andriamanitra hafa, afa-tsy Andriamanitra Tokana ihany. Ary raha tsy mitsahatra ny milaza izany izy ireo, dia tena hihatra amin'ireo tsy mpino amin'izy ireo ny famaizana mangirifiry.

5.74 - Tsy handeha hibebaka amin'Andriamanitra va izy ireo, ary hangataka famelan-keloka Aminy? Satria, Mpamela heloka sy Mpamindra-fo Andriamanitra.

5.75 - Tsy iza akory Ilay Mesia zanak'i Maria, fa Iraka fotsiny ihany. Nisy Iraka maro efa nandalo talohany. Fa ny reniny, dia olomarina. Ary samy nihinana sakafo izy roa ireo. Jereo ny fomba hanazavanay amin'izy ireo ny porofo famantarana, ary jereo ny fomba hivilian'izy ireo lalana.

5.76 - Mba lazao: "Moa va hanompo ankoatra an'Andriamanitra ianareo, izay tsy manam-pahefana eo aminareo hanao ny ratsy na ny tsara?". Nefa Andriamanitra, izy no Mandre sy Mahalala ny zavatra rehetra.

وَحَسِبُوا أَلَّا تَكُونَ فِتْنَةً فَعَمَّوْا وَصَمُّوْا ثُمَّ تَابَ اللَّهُ عَلَيْهِمْ ثُمَّ عَمَّوْا وَصَمُّوْا كَثِيْرٌ مِنْهُمْ وَاللَّهُ بَصِيْرٌ بِمَا يَعْمَلُوْنَ ﴿٧١﴾ لَقَدْ كَفَرَ الَّذِيْنَ قَالُوْا اِنَّ اللَّهَ هُوَ الْمَسِيْحُ ابْنُ مَرْيَمَ وَقَالَ الْمَسِيْحُ يَبْنِيْ اِسْرَءِيْلَ اَعْبُدُوْا اللَّهَ رَبِّيْ وَرَبَّكُمْ اِنَّهٗ مَنْ يُّشْرِكْ بِاللَّهِ فَقَدْ حَرَّمَ اللَّهُ عَلَيْهِ الْجَنَّةَ وَمَا وَهٖ التَّارُ وَمَا لِلظَّالِمِيْنَ مِنْ اَنْصَارٍ ﴿٧٢﴾ لَقَدْ كَفَرَ الَّذِيْنَ قَالُوْا اِنَّ اللَّهَ ثَالِثُ ثَلَاثَةٍ وَمِمَّنْ اِلَهِ اِلَّا اِلٰهٌ وَاحِدٌ وَاِنْ لَّمْ يَنْتَهُوْا عَمَّا يَقُوْلُوْنَ لَيَمَسَّنَّ الَّذِيْنَ كَفَرُوْا مِنْهُمْ عَذَابٌ اَلِيْمٌ ﴿٧٣﴾ اَفَلَا يَتُوْبُوْنَ اِلَى اللَّهِ وَيَسْتَغْفِرُوْنَهُ وَاللَّهُ عَفُوْرٌ رَّحِيْمٌ ﴿٧٤﴾ مَا الْمَسِيْحُ ابْنُ مَرْيَمَ اِلَّا رَسُوْلٌ قَدْ خَلَتْ مِنْ قَبْلِهٖ الرُّسُلُ وَاُمُّهُ صِدِّيْقَةٌ كَاْنَا يَأْكُلَانِ الطَّعَامَ اَنْظُرْ كَيْفَ بُنِيَتْ لَهُمُ الْاٰيَاتِ ثُمَّ اَنْظُرْ اَنَّى يُؤْفَكُوْنَ ﴿٧٥﴾ قُلْ اَعْبُدُوْا مِنْ دُوْنِ اللَّهِ مَا لَا يَمْلِكُ لَكُمْ ضَرًّا وَلَا نَفْعًا وَاللَّهُ هُوَ السَّمِيْعُ الْعَلِيْمُ ﴿٧٦﴾

5.77 - Ary lazao: “Ry olon’ny boky! Aza manao ny tafahoatra amin’ny finoanareo ianareo, izay mifanohitra amin’ny fahamarinana. Ary aza manaraka ny sitrapon’ny vahoaka izay diso làlana teo alohanareo, ka namery làlana olona maro, ary dia very niala ny làlan’ny fahitsiana izy ireo”.

5.78 - Voaozona tamin’ny Ielan’i (teniny) Davida sy Jesoa zanak’i Maria ireo tsy mpino tamin’ny zanak’Israely, satria tsy nankato sady nandika làlana izy ireo.

5.79 - Tamin’izany dia tsy mba nifandrara tamin’ny ratsy izay nataony izy ireo. Eny, tena ratsy tokoa ny nataon’izy ireo!

5.80 - Hitanao ny ankamaroan’izy ireo fa hinamana amin’ireo tsy mpino. Eny, tena ratsy tokoa ny zavatra homanin’izy ireo, hatolony ny tenany, ka dia hianjadian’ny fahatezeran’Andriamanitra izy ireo, ary ao amin’ny famaizana no hisy azy ireo mandrakizay.

5.81 - Raha nino an’Andriamanitra sy ny Mpaminany ary izay nampidinina taminy izy ireo, dia tsy handray ireo tsy mpino ho sakaiza itokiana velively, nefa dia ratsy fanahy ny ankamaroan’izy ireo.

FIZARANA FAHAFITO

5.82 - Hohitanao tokoa fa ireo Jiosy sy ireo mpanompo sampy no tena fatra mpankahala ireo mpino. Ary hohitanao ihany koa, fa ny manam-pitiavana kokoa ireo mpino dia ireo izay milaza hoe: “Kristianina izahay”. Izany dia satria misy pretra sy reljiozy eo amin’izy ireo, no sady tsy manambony tena.

قُلْ يَا أَهْلَ الْكِتَابِ لَا تَغْلُوا فِي دِينِكُمْ غَيْرَ الْحَقِّ
وَلَا تَتَّبِعُوا أَهْوَاءَ قَوْمٍ قَدْ ضَلُّوا مِنْ قَبْلُ وَأَضَلُّوا
كَثِيرًا وَضَلُّوا عَنْ سَوَاءِ السَّبِيلِ ﴿٧٧﴾ لُعِنَ الَّذِينَ
كَفَرُوا مِنْ بَنِي إِسْرَءِيلَ عَلَى لِسَانِ دَاوُدَ وَعِيسَى
ابْنِ مَرْيَمَ ذَلِكَ بِمَا عَصَوْا وَكَانُوا يَعْتَدُونَ ﴿٧٨﴾
كَانُوا لَا يَتَنَاهَوْنَ عَنْ مُنْكَرٍ فَعَلُوهُ لَبِئْسَ
مَا كَانُوا يَفْعَلُونَ ﴿٧٩﴾ تَرَى كَثِيرًا مِنْهُمْ
يَتَوَلَّوْنَ الَّذِينَ كَفَرُوا لَبِئْسَ مَا قَدَّمَتْ لَهُمْ أَنْفُسُهُمْ
أَنْ سَخِطَ اللَّهُ عَلَيْهِمْ وَفِي الْعَذَابِ هُمْ خَالِدُونَ ﴿٨٠﴾
وَلَوْ كَانُوا يُؤْمِنُونَ بِاللَّهِ وَالنَّبِيِّ وَمَا أُنْزِلَ إِلَيْهِ
مَا اتَّخَذُوهُمْ أَوْلِيَاءَ وَلَكِنَّ كَثِيرًا مِنْهُمْ فَسِقُونَ ﴿٨١﴾
لَتَجِدَنَّ أَشَدَّ النَّاسِ عَدَاوَةً لِلَّذِينَ ءَامَنُوا الْيَهُودَ
وَالَّذِينَ أَشْرَكُوا وَلَتَجِدَنَّ أَقْرَبَهُمْ مَوَدَّةً لِلَّذِينَ
ءَامَنُوا الَّذِينَ قَالُوا إِنَّا نَصْرُدُكَ ذَلِكَ بِأَنَّهُمْ
فَسِيسِينَ وَرُهْبَانًا وَأَنَّهُمْ لَا يَسْتَكْبِرُونَ ﴿٨٢﴾



5.83 - Ary raha naheno izay nampidinina tamin'ilay Iraka (Mohammad) izy ireo, dia hitanao fa nirotsa-dranomaso noho ny fahafantarany ny fahamarinana. Ka hoy izy ireo: "Ry Tompo Zanaharinay ô! Mino izahay, koa soraty miaraka amin'ireo mpijoro vavolombelona (fahamarinan'ny Kor'any).

5.84 - Nahoana izahay no tsy hino an'Andriamanitra, sy izay fahamarinana tonga taminay. Ary nahoa ihany koa izahay no tsy haniry ny hampidiran'ny Tompo Zanahary anay miaraka amin'ireo vahoaka mendrika?"

5.85 - Koa dia hamaly soa azy ireo amin'izay nolazainy Andriamanitra, amin'ny zaridaina izay ikorianan'ny renirano eo ambaniny, ka hitoetra ao mandrakizay. Toy izany no valisoa ho an'ireo mpanao soa.

5.86 - Ary ireo izay tsy mino sy milaza ny porofo famantarany ho lainga kosa, dia izy ireny no olon'ny afobe.

5.87 - Fa ianareo mpino kosa! Aza ataonareo ho voarara ireo zavatra tsara izay nataon'Andriamanitra ho ara-dalàna aminareo. Ary aza mandika lalàna ianareo. Satria tsy tia ireo mpandika lalàna Andriamanitra.

5.88 - Fa mihinàna amin'izay nataon'Andriamanitra ho ara-dalàna sy tsara ho anareo, fa matahora an'Andriamanitra izay inoanareo ianareo.

5.89 - Tsy manasazy anareo Andriamanitra amin'ny teny tsy vokatry ny fo nataonareo raha nivoady ianareo, fa hanasazy anareo kosa izy amin'izay voady vokatry ny fo nokasainareo hatao. Ny onitra amin'izany, dia fampihinànana sakafo olona mahantra folo, mitovy amin'ny sakafo antonona omenareo ny fianakavianareo, na fampitafiana azy ireo, na famotsorana andevo anankiray. Izay tsy afaka nanao izany, dia tsy maintsy mifehy mandritra ny telo andro. Izany no onitra amin'ny fampanantenanareo raha nivoady ianareo ka tsy nanatanteraka izany. Ary hajao ny voady nataonareo. Toy izany no hanazavan'Andriamanitra aminareo ny Teny famantarana avy Aminy, mba hahatonga anareo hankasitraka.

وَإِذَا سَمِعُوا مَا أُنْزِلَ إِلَى الرَّسُولِ تَرَى أَعْيُنُهُمْ تَفِيضُ مِنَ الدَّمْعِ مِمَّا عَرَفُوا مِنَ الْحَقِّ يَقُولُونَ رَبَّنَا آمَنَّا فَاكْتُبْنَا مَعَ الشَّاهِدِينَ ﴿٨٣﴾ وَمَا لَنَا لَا نُؤْمِنُ بِاللَّهِ وَمَا جَاءَنَا مِنَ الْحَقِّ وَنَطْمَعُ أَنْ يُدْخِلَنَا رَبُّنَا مَعَ الْقَوْمِ الصَّالِحِينَ ﴿٨٤﴾ فَأَثْبَهُمْ اللَّهُ بِمَا قَالُوا جَنَّاتٍ تَجْرِي مِنْ تَحْتِهَا الْأَنْهَارُ خَالِدِينَ فِيهَا وَذَلِكَ جَزَاءُ الْمُحْسِنِينَ ﴿٨٥﴾ وَالَّذِينَ كَفَرُوا وَكَذَّبُوا بِآيَاتِنَا أُولَٰئِكَ أَصْحَابُ الْجَحِيمِ ﴿٨٦﴾ يَتَأْتِيهِمُ الَّذِينَ آمَنُوا لَا تَحَرَّمُوا طَيبَاتِ مَا أَحَلَّ اللَّهُ لَكُمْ وَلَا تَعْتَدُوا إِنَّ اللَّهَ لَا يُحِبُّ الْمُعْتَدِينَ ﴿٨٧﴾ وَكُلُوا مِمَّا رَزَقَكُمْ اللَّهُ حَلَالًا طَيِّبًا وَاتَّقُوا اللَّهَ الَّذِي أَنْتُمْ بِهِ مُؤْمِنُونَ ﴿٨٨﴾ لَا يُؤَاخِذُكُمُ اللَّهُ بِاللَّغْوِ فِي أَيْمَانِكُمْ وَلَكِنْ يُؤَاخِذُكُمْ بِمَا عَقَدْتُمُ الْأَيْمَانَ فَكَفَرْتُمْ بِإِطْعَامِ عَشْرَةِ مَسْكِينٍ مِنْ أَوْسَطِ مَا تُطْعَمُونَ أَهْلِيكُمْ أَوْ كَسَوْتُمْهُم أَوْ تَحْرِيرُ رَقَبَةٍ فَمَنْ لَمْ يَجِدْ فَصِيَامُ ثَلَاثَةِ أَيَّامٍ ذَلِكَ كَفَرَةُ أَيْمَانِكُمْ إِذَا حَلَفْتُمْ وَاحْفَظُوا أَيْمَانَكُمْ كَذَلِكَ يُبَيِّنُ اللَّهُ لَكُمْ آيَاتِهِ لَعَلَّكُمْ تَشْكُرُونَ ﴿٨٩﴾

5.90 - Ary ianareo mpino! Ny toaka, ny loka, ireo vatolahy (fanaovana fanompoan-tsampy), ireo zana-tsipika fanandroana (karazana sikidy), dia tsy inona akory fa haratsiana avy amin'ny asan'ny satana. Ka alavironareo izany mba ahazoanareo fahombiazana.

5.91 - I satana dia tsy mitady afa-tsy hampisy fifampifahavalaoana sy fifankahalana eo aminareo, amin'ny alalan'ny toaka sy ny loka, ary hanakana anareo tsy hahatsiaro an'Andriamanitra sy ny vavaka fanompoana (soalat). Moa ho farananareo va izany?

5.92 - Mankatoava an'Andriamanitra ianareo, ary mankatoava ihany koa ilay Iraka, ary mitandrema! Fa raha mivily lalana kosa ianareo, dia fantaro fa ny andraikitr'ilay Irakay dia tsy misy afa-tsy ny fampitana mazava tsara ny hafatra.

5.93 - Tsy misy fahotana ho an'ireo izay mino sy manao asa soa tamin'izay nohanin'izy ireo tany aloha (ny toaka sy ireo zavatra azo amin'ny loka talohan'ny fandrarana azy ireny) raha toa ka fatra mpitandrina izy ireo ankehitriny (amin'ny fanalavirana ireo zavatra voarara rehefa nahafantatra izany), ary raha mino ihany koa izy ireo (amin'ny fanekena ny fandrarana azy ireny) sy manao asa soa; ary avy eo, mbola fatra mpitandrina ihany sy mino, ary mbola (mijanona) fatra mpitandrina sady manao soa. Fa tia ireo mpanao asa soa Andriamanitra.

5.94 - Fa ianareo mpino kosa! Hotsapain'Andriamanitra tokoa ianareo amin'ny zavatra izay nohazainareo amin'ny alalan'ny tananareo sy ny lefonareo. Izany dia mba hahafantaran'Andriamanitra izay matahotra Azy mangingina. Fa izay mandika lalana aorian'izany dia hahazo famaizana feno fanaintainana.

5.95 - Ary ianareo mpino! Aoka ianareo tsy hamono biby fihaza raha mbola ao anatin'ny fitandremana ireo fitsipika amin'ny fivahinianana Masina. Izay mamono izany an-tsitraro aminareo, dia aoka honerany amin'ny andiam-biby mitovy karazana amin'izay novonoiny, araka ny fitsaran'ny olona anankiroa azo antoka aminareo, ka izany dia hatao fanatitra eo amin'ny Ka'aba (*), na amin'ny alalan'ny onitra fanomezana sakato ireo mahantra, na amin'ny fifehazana mifandanja amin'izany, mba hahatsapany ny voka-dratsin'ny asany. Navelan'Andriamanitra izay efa lasa, fa izay mbola mamerina kosa, dia hosazian'Andriamanitra. Fa Andriamanitra dia Tsitoha, sady tompon'ny famalian-keloka.

(*) Ka'aba: trano masina naorin'ny Mpaminany Abrahama sy Ismaela ao Makka.

يَأْتِيهَا الَّذِينَ ءَامَنُوا إِنَّمَا الْخَمْرُ وَالْمَيْسِرُ وَالْأَنْصَابُ وَالْأَزْلَامُ رِجْسٌ
مِّنْ عَمَلِ الشَّيْطَانِ فَاجْتَنِبُوهُ لَعَلَّكُمْ تَفْلِحُونَ ﴿٩٠﴾ إِنَّمَا يُرِيدُ
الشَّيْطَانُ أَنْ يُوقِعَ بَيْنَكُمُ الْعَدَاوَةَ وَالْبَغْضَاءَ فِي الْخَمْرِ وَالْمَيْسِرِ
وَيَصُدَّكُمْ عَنْ ذِكْرِ اللَّهِ وَعَنِ الصَّلَاةِ فَهَلْ أَنْتُمْ مُنْهَوْنَ ﴿٩١﴾ وَأَطِيعُوا
اللَّهَ وَأَطِيعُوا الرَّسُولَ وَاحْذَرُوا فَإِن تَوَلَّيْتُمْ فَأَعْلَمُوا أَنَّمَا عَلَى
رُسُلِنَا الْبَلَاغُ الْمُبِينُ ﴿٩٢﴾ لَيْسَ عَلَى الَّذِينَ ءَامَنُوا وَعَمِلُوا
الصَّالِحَاتِ جُنَاحٌ فِيمَا طَعِمُوا إِذَا مَا اتَّقَوْا ءَامَنُوا وَعَمِلُوا
الصَّالِحَاتِ ثُمَّ اتَّقَوْا ءَامَنُوا ثُمَّ اتَّقَوْا وَأَحْسَنُوا وَاللَّهُ يُحِبُّ الْمُحْسِنِينَ
﴿٩٣﴾ يَأْتِيهَا الَّذِينَ ءَامَنُوا لِيَبْلُوَنَكُمْ اللَّهُ بِشَيْءٍ مِّنَ الصَّيْدِ تَنَالَهُ
أَيْدِيكُمْ وَرِمَاحُكُمْ لِيَعْلَمَ اللَّهُ مَن يَخَافُهُ بِالْغَيْبِ فَمَن أَعْتَدَىٰ بَعْدَ
ذَلِكَ فَلَهُ عَذَابٌ أَلِيمٌ ﴿٩٤﴾ يَأْتِيهَا الَّذِينَ ءَامَنُوا لَا تَقْنَلُوا الصَّيْدَ
وَأَنْتُمْ حُرْمٌ وَمَن قَنَلَهُ مِنكُمْ مُتَعَمِّدًا فَجَزَاءٌ مِّثْلُ مَا قَنَلَ مِنَ النَّعَمِ
يُحْكَمُ بِهِ ذَوَا عَدْلٍ مِّنكُمْ هَدْيًا بَلِغَ الْكَعْبَةِ أَوْ كَفَرَةٌ طَعَامُ
مَسْكِينٍ أَوْ عَدْلٌ ذَلِكُ صِيَامًا لِّيَذُوقَ وَبَالَ أَمْرِهُ عَفَا اللَّهُ عَمَّا
سَلَفَ وَمَن عَادَ فَيَنْقِمِ اللَّهُ مِنْهُ وَاللَّهُ عَزِيزٌ ذُو انْتِقَامٍ ﴿٩٥﴾

5.96 - Azonareo atao ny fihazana an-dranomasina, ary azonareo atao ihany koa ny mihinana amin'izany, mba ho fahafinaretana ho anareo sy ho an'ireo mpandeha lavitra. Fa tsy azonareo atao kosa ny mihaza an-tanety raha mbola ao anatin'ny fitandremana ireo fitsipika amin'ny fivahinianana Masina ianareo. Koa matahora an'Andriamanitra ianareo, satria any Aminy no hamoriana anareo.

5.97 - Natsangan'Andriamanitra ny Ka'aba, Ilay Trano Masina, ho toy ny toeram-pivoran'ny olona. Tahaka izany koa ny volana masina, ny fanolorana ireo biby atao sorona tsy misy ravaka voninkazo, sy ireo misy izany, mba hahafantarana fa Andriamanitra no tena mahalala izay rehetra any an-danitra sy ety an-tany. Fa Mahalala ny zavatra rehetra Andriamanitra.

5.98 - Fantaronareo fa mafy tokoa ny sazin'Andriamanitra, nefa dia mbola hamafisina, fa Mpamela heloka sy Mpamindra-fa Andriamanitra.

5.99 - Ny andraikitry'ilay Iraka dia tsy misy afa-tsy ny fampitana ny hafatra ihany. Fa fantatr'Andriamanitra izay asehonareo na izay afeninareo.

5.100 - Ary lazao hoe: "Tsy mitovy velively ny ratsy sy ny tsara, na dia mahatalanjona anao aza ny habetsahan'ny faharatsiana. Koa matahora an'Andriamanitra ianareo ry olona manan-tsaina, mba hahazoanareo ny fahombiazana.

5.101 - Ary ianareo mpino, aza mametraka fanontaniana amin'ireo zavatra izay raha haseho anareo ny valiny, ka hampalahelo anareo. Ary raha manontany mikasika izany ianareo, amin'ny fotoana hidinan'ny Kor'any, dia haseho anareo izany. Efa navelan'Andriamanitra ny helokareo ny amin'izany. Fa Mpamela heloka sy be fangorahana Andriamanitra.

5.102 - Efa nanontany sahala amin'izany ny vahoaka teo alohanareo, avy eo dia lasa tsy mpino intsony izy ireo vokatr'izany.

5.103 - Andriamanitra dia tsy nametraka velively ny "bahira", ny "saiba", ny "wasila" na ny "ham" (*). Fa ireo izay nitsipaka ny finoana no namorona lainga momba an'Andriamanitra, ary ny ankamaroan'izy ireo dia tsy misaina mihitsy.

(*) Bahira: ramevavavy niteraka in-dimy, izay nolavahana ny sofiny mba hahafantarana fa afaka miraoka ahitra eny rehetra eny, ary atao sorona ho an'ny sampy. (*) Saiba: ramevavavy navela am-pahalalahana; ka atao sorona ho an'ny sampy taorian'ny voady natao taminy. (*) Wasila: ondrivavy niteraka kambana in-dimy nifanesy. (*) Ham: ramevalahy niray tamin'ny ramevavavy im-polo, ka isaka ny miray dia manaranaka.

أَحَلَّ لَكُمْ صَيْدَ الْبَحْرِ وَطَعَامَهُ، مَتَّعًا لَكُمْ وَلِلسَّيَّارَةِ وَحَرَّمَ عَلَيْكُمْ صَيْدَ الْبَرِّ مَا دُمْتُمْ حُرُمًا وَاتَّقُوا اللَّهَ الَّذِي إِلَيْهِ تُحْشَرُونَ ﴿١٦﴾ جَعَلَ اللَّهُ الْكَعْبَةَ الْبَيْتَ الْحَرَامَ قِيَمًا لِلنَّاسِ وَالشَّهْرَ الْحَرَامَ وَالْهَدْيَ وَالْقَلِيدَ ذَلِكَ لَتَعْلَمُوا أَنَّ اللَّهَ يَعْلَمُ مَا فِي السَّمَوَاتِ وَمَا فِي الْأَرْضِ وَأَنَّ اللَّهَ بِكُلِّ شَيْءٍ عَلِيمٌ ﴿١٧﴾ أَعْلَمُوا أَنَّ اللَّهَ شَدِيدُ الْعِقَابِ وَأَنَّ اللَّهَ غَفُورٌ رَحِيمٌ ﴿١٨﴾ مَا عَلَى الرَّسُولِ إِلَّا الْبَلَاغُ وَاللَّهُ يَعْلَمُ مَا تُبْدُونَ وَمَا تَكْتُمُونَ ﴿١٩﴾ قُلْ لَا يَسْتَوِي الْخَبِيثُ وَالطَّيِّبُ وَلَوْ أَعْجَبَكَ كَثْرَةُ الْخَبِيثِ فَاتَّقُوا اللَّهَ يَتَأُولَى الْآلِ بَلْبٍ لَعَلَّكُمْ تُفْلِحُونَ ﴿٢٠﴾ يٰأَيُّهَا الَّذِينَ ءَامَنُوا لَا تَسْأَلُوا عَنَ أَشْيَاءٍ إِن بُدِّلَ لَكُمْ تَسْأَلُكُمْ وَإِن تَسْأَلُوا عَنْهَا حِينَ يُنَزَّلَ الْقُرْءَانُ تُبَدِّلَ لَكُمْ عَفَا اللَّهُ عَنْهَا وَاللَّهُ غَفُورٌ حَلِيمٌ ﴿٢١﴾ قَدْ سَأَلَهَا قَوْمٌ مِّن قَبْلِكُمْ ثُمَّ أَصْبَحُوا بِهَا كَافِرِينَ ﴿٢٢﴾ مَا جَعَلَ اللَّهُ مِنْ بَحِيرَةٍ وَلَا سَائِبَةٍ وَلَا وَصِيلَةٍ وَلَا حَامٍ وَلَكِنَّ الَّذِينَ كَفَرُوا يَفْتَرُونَ عَلَى اللَّهِ الْكَذِبَ وَكَثُرُهُمْ لَا يَعْقِلُونَ ﴿٢٣﴾

5.104 - Ary raha ilazana izy ireo hoe: “Avia ianareo ho any amin’izay nampidin’Andriamanitra, sy ho any amin’ilay Iraka”, dia hoy izy ireo: “Ampy ho anay izay efa azonay tamin’ireo Raibenay”, eny fa na dia tsy nahay na inona na inona aza ireo Raiben’izy ireo, sady tsy tamin’ny lalana mahitsy?

5.105 - Fa ianareo mpino kosa! Tompon’andraikitra amin’ny tenanareo ianareo. Izay very lalana dia tsy haninona anareo velively, raha mizotra amin’ny lala-marina ianareo. Ary mbola ho any amin’Andriamanitra no hiverenanareo rehetra; ka hampahafantariny anareo izay nataonareo.

5.106 - Ary ianareo mpino! Raha tonga amin’ny iray aminareo ny fahafatesana, dia aoka ho hamarinin’ireo lehilahy anankiroa azo antoka aminareo ny hafatry ny maty (didim-pananana), na anankiroa hafa ankoatra anareo. Raha any am-pandehanana lavitra ianareo ka misy tratran’ny fahafatesana, dia aoka ho tazoninareo ireo vavolombelona roa, aorian’ny vavaka fanompoana (soalat), mba hianiana marina amin’Andriamanitra, raha misalasala ianareo, ka samy hiteny izy roalahy ireo hoe: “Tsy sandainay izany, na dia amin’ny havana akaiky aza, ary tsy afaka hafeninay velively ny fahitan’Andriamanitra ny zavatra rehetra. Raha tsy izany dia ho isan’ireo mpanota izahay”.

5.107 - Raha hita fa nanao heloka ireo vavolombelona roa ireo, dia anankiroa hafa azo antoka sy manan-jo kokoa amin’izany (Ray, Reny, havana akaiky), no aoka haka ny toeran’izy roa, ary hianiana amin’Andriamanitra. Ary samy hiteny izy ireo hoe: “Marina kokoa ny fijoroanay vavolombelona noho ny fijoroan’izy roa ireo teo aloha; ary tsy nandika lalana velively izahay. Raha tsy izany, dia ho isan’ireo mpanao ny tsy rariny izahay”.

5.108 - Izany no fomba azo antoka indrindra mba hitarihana azy ireo hijoro vavolombelona amin’ny tena endriny; na mampatahotra azy ireo ny hahita fianianana hafa misolo ny fianianan’izy ireo. Koa matahora an’Andriamanitra ianareo, ary mihainoa Azy. Fa tsy mitari-dalana ny olona ratsy fanahy Andriamanitra.

وَإِذَا قِيلَ لَهُمُ تَعَالَوْا إِلَى مَا أَنْزَلَ اللَّهُ وَإِلَى الرَّسُولِ قَالُوا حَسْبُنَا مَا وَجَدْنَا عَلَيْهِ آبَاءَنَا أُولَٰئِكَ هُمُ لَا يَعْلَمُونَ شَيْئًا وَلَا يَهْتَدُونَ ﴿١٠٤﴾ يَأَيُّهَا الَّذِينَ ءَامَنُوا عَلَيْكُمْ أَنْفُسَكُمْ لَا يَضُرُّكُمْ مِّنْ ضَلَلٍ إِذَا أَهْتَدَيْتُمْ إِلَى اللَّهِ مَرَجِعُكُمْ جَمِيعًا فَيَنْبِئُكُمْ بِمَا كُنْتُمْ تَعْمَلُونَ ﴿١٠٥﴾ يَأَيُّهَا الَّذِينَ ءَامَنُوا شَهِدَ بَيْنَكُمْ إِذَا حَضَرَ أَحَدُكُمْ الْمَوْتُ حِينَ الْوَصِيَّةِ اثْنَانِ ذَوَا عَدْلٍ مِّنكُمْ أَوْ ءَاخَرَانِ مِّنْ غَيْرِكُمْ إِنْ أَنْتُمْ ضَرَبْتُمْ فِي الْأَرْضِ فَأَصَابَتْكُمْ مُصِيبَةُ الْمَوْتِ تَحْسِبُوهُمَا مِّنْ بَعْدِ الصَّلَاةِ فَيُقْسِمَانِ بِاللَّهِ إِنْ أُرْتَبِتُمْ لَا نَشْتَرِي بِهِ ثَمَنًا وَلَوْ كَانَ ذَا قُرْبَىٰ وَلَا نَكْتُمُ شَهَادَةَ اللَّهِ إِنَّا إِذًا لَّمِنَ الْآثِمِينَ ﴿١٠٦﴾ فَإِنْ عُثِرَ عَلَىٰ أَنَّهُمَا اسْتَحَقَّا إِثْمًا فَآخَرَانِ يَقُومَانِ مَقَامَهُمَا مِنَ الَّذِينَ اسْتَحَقَّ عَلَيْهِمُ الْأَوَّلَيْنِ فَيُقْسِمَانِ بِاللَّهِ لَشَهِدْنَا أَحَقُّ مِنْ شَهِدَتِيهِمَا وَمَا أَعْتَدَيْنَا إِنَّا إِذًا لَّمِنَ الظَّالِمِينَ ﴿١٠٧﴾ ذَلِكَ أَدْنَىٰ أَنْ يَأْتُوا بِالشَّهَادَةِ عَلَىٰ وَجْهِهَا أَوْ يَخَافُوا أَنْ تُرَدَّ أَيْمَنٌ بَعْدَ أَيْمَنِهِمْ وَاتَّقُوا اللَّهَ وَاسْمِعُوا لِلَّهِ يُهْدِيَ الْقَوْمَ الْفَاسِقِينَ ﴿١٠٨﴾

5.109 - Tsarovy ilay andro izay hanangonan'Andriamanitra ireo Iraka rehetra, ka hilazàny hoe: "Inona no valin'ny teny nomenareo?", hoy izy ireo: "Tsy manam-pahalalana velively izahay, fa lanao tokoa no Ilay Mpahalala ny zava-miafina rehetra".

5.110 - Ary rehefa niteny Andriamanitra hoe: "Ry Jesoa zanak'i Maria! Tsarovy ny fanasoavako anao sy ny Reninao, ka nanomezako hery anao tamin'ny Fanahy Masina. Niteny tamin'ny olona ianao fony mbola teo am-pandrian-jaza, toy ireny efa lehibe. Nampianariko anao ny Boky, ny Fahendrena, ny Taoraty ary ny Evanjely! Tamin'ny Alalako no nanamboaranao endrika vorona avy tamin'ny tanimanga; ary nasianao fofon'aina izany, ka dia tonga vorona tokoa tamin'ny Alalako. Ary tamin'ny Alalako ihany koa no nanasitranao ny teraka jamba sy ireo boka. Ary mbola tamin'ny Alalako ihany koa no namelomanao indray ireo maty. Narovako tamin'ireo zanak'Israely ianao rehefa nitondra tamin'izy ireo ny porofo, nefa hoy ireo tsy mpino tamin'izy ireny: "ity dia tsy inona fa fanova-maso (majika) miharihary".

5.111 - Ary rehefa nambarako tamin'ireo Apôstôly hoe: "Minoa Ahy sy ny Irako (Jesoa) ianareo". Dia hoy izy ireo: "Mino izahay; ary lanao no mahita fa efa mpanolotena tanteraka izahay".

5.112 - Tsarovinao ny fotoana izay nilazan'ireo Apôstôly hoe: "Ry Jesoa zanak'i Maria! Afaka mampidina aminay sakafo an-databatra voahomana avy any an-danitra va ny Tompo Zanaharinao?". Dia hoy izy tamin'izy ireo: "Matahora an'Andriamanitra ianareo raha tena mpino tokoa".

5.113 - Dia hoy izy ireo: "Te hihinana amin'izany izahay, mba hampitony ny fonay, ary hahafantaranay fa nilaza ny marina taminay tokoa ianao, ary vavolombelona amin'izany izahay".

يَوْمَ يَجْمَعُ اللَّهُ الرُّسُلَ فَيَقُولُ مَاذَا أُجِبْتُمْ قَالُوا لَا عِلْمَ لَنَا إِنَّكَ أَنْتَ عَلَّمُ الْغُيُوبِ ﴿١٠٩﴾ إِذْ قَالَ اللَّهُ يَٰعِيسَى ابْنَ مَرْيَمَ اذْكُرْ نِعْمَتِي عَلَيْكَ وَعَلَىٰ وَلَدَتِكَ إِذْ أَيَّدْتُكَ بِرُوحِ الْقُدُسِ تُكَلِّمُ النَّاسَ فِي الْمَهْدِ وَكَهْلًا وَإِذْ عَلَّمْتُكَ الْكِتَابَ وَالْحِكْمَةَ وَالتَّوْرَةَ وَالْإِنْجِيلَ وَإِذْ تَخْلُقُ مِنَ الطِّينِ كَهَيْئَةِ الطَّيْرِ بِإِذْنِي فَتَنفُخُ فِيهَا فَتَكُونُ طَيْرًا بِإِذْنِي وَتُبْرِئُ الْأَكْمَهَ وَالْأَبْرَصَ بِإِذْنِي وَإِذْ تُخْرِجُ الْمَوْتَىٰ بِإِذْنِي وَإِذْ كَفَفْتُ بَنِي إِسْرَءِيلَ عَنْكَ إِذْ جِئْتَهُم بِالْبَيِّنَاتِ فَقَالَ الَّذِينَ كَفَرُوا مِنْهُمْ إِنْ هَذَا إِلَّا سِحْرٌ مُبِينٌ ﴿١١٠﴾ وَإِذْ أُوحِيَتْ إِلَى الْحَوَارِيِّينَ أَنْ ءَامِنُوا بِي وَبِرُسُولِي قَالُوا ءَامَنَّا وَاشْهَدْ بِأَنَّا مُسْلِمُونَ ﴿١١١﴾ إِذْ قَالَ الْحَوَارِيُّونَ يَٰعِيسَى ابْنَ مَرْيَمَ هَلْ يَسْتَطِيعُ رَبُّكَ أَنْ يُنْزِلَ عَلَيْنَا مَائِدَةً مِنَ السَّمَاءِ قَالَ اتَّقُوا اللَّهَ إِنْ كُنْتُمْ مُؤْمِنِينَ ﴿١١٢﴾ قَالُوا نُرِيدُ أَنْ نَأْكُلَ مِنْهَا وَتَطْمَئِنَّ قُلُوبُنَا وَنَعْلَمَ أَنْ قَدْ صَدَقْتُنَا وَعَلَيْهَا مِنَ الشَّاهِدِينَ ﴿١١٣﴾

5.114 - Hoy Jesoa zanak'i Maria: "Ry Andriamanitra Tompo Zanaharinay ô! ampidino aminay ny sakafo an-databatra voahomana avy any an-danitra! Fety ho anay izany, ho an'ny voalohany sy ny farany aminay, ary ho porofo famantarana avy Aminao. Ka omeo anjaram-pivelomana izahay, fa lanao no Mpizara tsara indrindra ny anjaram-pivelomana".

5.115 - Dia niteny Andriamanitra hoe: "Eny, hampidiniko aminareo tokoa izany, fa izay tsy mino aminareo aorian'izany kosa, dia hofaiziko amin'ny famaizana izay mbola tsy namaizako na iza na iza tamin'izao tontolo izao".

5.116 - Ampahatsiarovy azy ireo ilay fotoana izay hitenenan'Andriamanitra hoe: "Ry Jesoa zanak'i Maria! Moa va ianao no niteny tamin'ireo olona hoe: "Raiso aho ary koa ny reniko, ho Andriamanitra anankiroa ankoatra an'Andriamanitra?"; dia hiteny izy hoe: "Anao ny Voninahitra sy ny Fahadiovana! Tsy anjarako velively ny miteny izay tsy tokony hoteneniko! Raha niteny izany aho dia tsy maintsy ho fantatrao. Fantatrao izay ato amiko, fa tsy fantatro kosa izay ao Aminao. Marina fa lanao no Mpahalala ny zava-miafina rehetra.

5.117 - Tsy niteny tamin'izy ireo aho, afa-tsy izay nandidiano ahy hoe: "Tompoinareo Andriamanitra, Tompo Zanahariko sy Tompo Zanaharinareo". Fa vavolombelona teo anatrehan'izy ireo aho nandritra ny fotoana rehetra niarahako taminy. Fa rehefa nalainao aho, dia lanao no mpanara-maso azy ireo. Ary lanao no Mahita ny zavatra rehetra.

5.118 - Raha ho faizinao izy ireo dia mpanomponao ihany koa, fa raha mamela heloka azy ireo kosa lanao, dia lanao ilay Tsitoha sy be fahendrena.

5.119 - Ary niteny Andriamanitra hoe: "Indro ilay andro izay hahazoan'ireo olo-marina tombontsoa tamin'ny fahamarinan'izy ireo; hanana ireo zaridaina izay ikorianan'ny renirano eo ambaniny izy ireo, ka hitoetra ao mandrakizay", nankasitraka azy ireo Andriamanitra, ary izy ireo ihany koa nankasitraka Azy. Fa tena fahombiazana lehibe tokoa izany.

5.120 - An'Andriamanitra irery ny fanjakan'ny lanitra sy ny tany, ary izay rehetra ao aminy. Fa lzy dia Mahefa ny zavatra rehetra.

قَالَ عِيسَى ابْنُ مَرْيَمَ اللَّهُمَّ رَبَّنَا أَنْزِلْ عَلَيْنَا مَائِدَةً مِنَ السَّمَاءِ
تَكُونُ لَنَا عِيدًا لِأَوَّلِنَا وَآخِرِنَا وَآيَةً مِنْكَ وَارْزُقْنَا وَأَنْتَ
خَيْرُ الرَّازِقِينَ ﴿١١٤﴾ قَالَ اللَّهُ إِنِّي مُنَزِّلُهَا عَلَيْكُمْ فَمَنْ يَكْفُرْ بَعْدُ
مِنْكُمْ فَإِنِّي أُعَذِّبُهُ عَذَابًا لَا أُعَذِّبُهُ أَحَدًا مِنَ الْعَالَمِينَ ﴿١١٥﴾
وَإِذْ قَالَ اللَّهُ يَعْيسَى ابْنُ مَرْيَمَ ءَأَنْتَ قُلْتَ لِلنَّاسِ اتَّخِذُونِي
وَأُمِّي إِلَهَيْنِ مِنْ دُونِ اللَّهِ قَالَ سُبْحَانَكَ مَا يَكُونُ لِي أَنْ
أَقُولَ مَا لَيْسَ لِي بِحَقِّ إِنْ كُنْتُ قُلْتُهُ فَقَدْ عَلِمْتَهُ تَعَلَّمَ مَا فِي
نَفْسِي وَلَا أَعْلَمُ مَا فِي نَفْسِكَ إِنَّكَ أَنْتَ عَالِمُ الْغُيُوبِ ﴿١١٦﴾ مَا
قُلْتُ لَهُمْ إِلَّا مَا أَمَرْتَنِي بِهِ أَنْ أَعْبُدُوا اللَّهَ رَبِّي وَرَبَّكُمْ وَكُنْتُ
عَلَيْهِمْ شَهِيدًا مَادُمْتُ فِيهِمْ فَلَمَّا تَوَفَّيْتَنِي كُنْتُ أَنْتَ الرَّقِيبَ
عَلَيْهِمْ وَأَنْتَ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ شَهِيدٌ ﴿١١٧﴾ إِنْ تُعَذِّبْهُمْ فَإِنَّهُمْ عِبَادُكَ
وَإِنْ تَغْفِرْ لَهُمْ فَإِنَّكَ أَنْتَ الْعَزِيزُ الْحَكِيمُ ﴿١١٨﴾ قَالَ اللَّهُ هَذَا يَوْمُ
يَنْفَعُ الصَّادِقِينَ صِدْقُهُمْ لَهُمْ جَنَّاتٌ تَجْرِي مِنْ تَحْتِهَا الْأَنْهَارُ
خَالِدِينَ فِيهَا أَبَدًا رَضِيَ اللَّهُ عَنْهُمْ وَرَضُوا عَنْهُ ذَلِكَ الْفَوْزُ الْعَظِيمُ ﴿١١٩﴾
لِلَّهِ مُلْكُ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ وَمَا فِيهِنَّ وَهُوَ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ قَدِيرٌ ﴿١٢٠﴾

TOKO - 6

AL-AN'AM
(IREO BIBY FIOMPY)

Andininy 165: Nidina talohan'ny fifindra-monina (Hidjrah)

Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.

6.1 - Dera ho an'Andriamanitra, izay Nahary ny lanitra sy ny tany, ary nametraka ny haizina sy ny hazavana. Kanefa ireo tsy mpino dia mbola mampitovy ny Tompo Zanaharin'izy ireo amina zavatra hafa ihany.

6.2 - Izy no Nahary anareo avy tamin'ny tanimanga, avy eo, dia nametraka fiasarana ho anareo, fa ny fiasarana voatondro dia any Aminy. Nefa dia mbola misalasala ihany ianareo.

6.3 - Ary Izy no Andriamanitra any an-danitra sy ety an-tany. Mahalala ny tsiambaratelonareo Izy, sy izay asehonareo, ary mahalala ihany koa izay voarambinareo.

6.4 - Ary ny porofo famantarana tonga teo amin'izy ireo, amin'ireo famantarana maro avy amin'Illy Tompo Zanaharin'ny, dia tsy nisy noraharahain'izy ireo akory.

6.5 - Nataon'izy ireo lainga ny fahamarinana raha tonga tany aminy. Tsy ho ela anefa dia ho tonga amin'izy ireo ny vaovao lehibe hampanga azy tamin'izay famazivaziana nataony.

6.6 - Tsy hitan'izy ireo va, fa firifiry ireo taranaka talohany no naringanay? Nomenay fahefana izy ireo tety an-tany mihoatra izay nomenay anareo, narotsakay avy any an-danitra teo amin'izy ireo ny orana, ary nampikorinanay teo ambany tongony ny renirano. Naringanay anefa izy ireo noho ny fahotany tafahoatra, ary dia nampisianay taranaka hafa taoriany.

6.7 - Na dia nampidinay teo aminao aza ny sora-boky voarakitra an-takelaka izay azon'izy ireo tsapain-tanana, dia hilaza indray ireo tsy mpino hoe: "Tsy inona akory ity fa fanovamaso miharihary ihany".

6.8 - Ary niteny izy ireo hoe: "Nahoana no tsy Anjely iray no nampidinina taminy?", raha Anjely iray no nampidinay, dia hifarana eo ny raharaha; avy eo dia tsy omena fe-potoana intsony izy ireo.

سُورَةُ الْأَنْعَامِ

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

الْحَمْدُ لِلَّهِ الَّذِي خَلَقَ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضَ وَجَعَلَ الظُّلُمَاتِ
وَالنُّورَ ثُمَّ الَّذِينَ كَفَرُوا بِرَبِّهِمْ يَعْدِلُونَ ﴿١﴾ هُوَ الَّذِي
خَلَقَكُمْ مِنْ طِينٍ ثُمَّ قَضَىٰ أَجَلًا وَأَجَلٌ مُّسَمًّى عِنْدَهُ ثُمَّ أَنْتُمْ
تَمُوتُونَ ﴿٢﴾ وَهُوَ اللَّهُ فِي السَّمَوَاتِ وَفِي الْأَرْضِ يَعْلَمُ سِرَّكُمْ
وَجَهْرَكُمْ وَيَعْلَمُ مَا تَكْسِبُونَ ﴿٣﴾ وَمَا تَأْتِيهِمْ مِنْ آيَةٍ مِنْ
آيَاتِ رَبِّهِمْ إِلَّا كَانُوا عَنْهَا مُعْرِضِينَ ﴿٤﴾ فَقَدْ كَذَّبُوا بِالْحَقِّ
لَمَّا جَاءَهُمْ فَسَوْفَ يَأْتِيهِمْ أَنْبَتُهُمْ أَمَا كَانُوا بِهِ يَسْتَهْزِءُونَ ﴿٥﴾ أَلَمْ
يَرَوْا كَمْ أَهْلَكْنَا مِنْ قَبْلِهِمْ مِنْ قَرْنٍ مَكَّنَّاهُمْ فِي الْأَرْضِ مَا لَمْ
نُمْكِنْ لَهُمْ لَكَرُوا أَرْسَلْنَا السَّمَاءَ عَلَيْهِمْ مِدْرَارًا وَجَعَلْنَا الْأَنْهَارَ
تَجْرَىٰ مِنْ تَحْتِهِمْ فَأَهْلَكْنَاهُمْ بِذُنُوبِهِمْ وَأَنْشَأْنَا مِنْ بَعْدِهِمْ قَرْنًا
آخَرِينَ ﴿٦﴾ وَلَوْ نَزَّلْنَا عَلَيْكَ كِتَابًا فِي قِرْطَاسٍ فَلَمَسُوهُ بِأَيْدِيهِمْ
لَقَالُوا الَّذِينَ كَفَرُوا إِنَّ هَذَا إِلَّا سِحْرٌ مُبِينٌ ﴿٧﴾ وَقَالُوا لَوْلَا نُزِّلَ
عَلَيْهِ مَلَكٌ لَوْ أُنْزِلْنَا مَلَكَ الْقَضَىٰ الْأَمْرُ ثُمَّ لَا يَنْظُرُونَ ﴿٨﴾

6.9 - Raha nataonay Anjely izy, dia ho nataonay hanana endrika olombelona, ka mbola nataonay tsy hazava amin'izy ireo ihany ny raharaha tahaka ny tsy mampahazava izany amin'izy ireo ankehitriny.

6.10 - Efa niharan'ny fanesoana tokoa ireo Iraka maro teo alohanao, koa dia niverina tamin'ireo naneso ny fanesoana nataony.

6.11 - Lazao hoe: "Mandehana ianareo manerana ny tany, ka jereonareo, nanao ahoana ny fiakaran'ireo mpilaza lainga?".

6.12 - Lazao hoe: "An'iza ny any an-danitra sy ny ety antany?", valio hoe: "An'Andriamanitra". Izy dia nitonon-tena ho Mpamindra-fo. Hanangona anareo amin'ny andro fitsanganana tokoa izy, tsy misy isalasalana ny amin'izany, fa ireo izay namono antoka ny tenany kosa, dia tsy hino na oviana na oviana.

6.13 - Fa Azy avokoa izay rehetra mitoetra amin'ny alina sy ny andro. Izy no Mandre sy Mahay ny zavatra rehetra.

6.14 - Lazao hoe: "Haka sakaiza mpiaro hafa ankoatra an'Andriamanitra va aho, ilay Mpahary ny lanitra sy ny tany? Izy no mampihinana fa tsy hampihinanina. Lazao hoe: "Nomena baiko tokoa aho, mba ho voalohany amin'ireo mpanolotena". Ary aoka mihitsy ianao mba tsy ho isan'ireo mpampitambatra an'Andriamanitra amin-javatra hafa.

6.15 - Lazao hoe: "Tena matahotra ny famaizana amin'ilay andro lehibe aho, raha manohitra ny Tompo Zanahariko".

6.16 - Fa ny olona izay avotra amin'izany andro izany, dia efa nahazo ny famindram-pony. Ary izany no fahombiazana lehibe.

6.17 - Ary raha ampitondrain'Andriamanitra fahoriana ianao, dia tsy misy na iray aza afaka hanaisotra izany afa-tsy izy ireo ihany. Fa raha omeny fahasambarana kosa ianao, dia satria izy ilay Mahefa ny zavatra rehetra.

6.18 - Izy no Hery Mpifehy faratampony ireo mpanompony, ary izy ilay be fahendrena sady Mahafantatra ny zavatra rehetra.

لَوْ جَعَلْنَاهُ مَلَكًا لَجَعَلْنَاهُ رَجُلًا وَلَلَبَسْنَا عَلَيْهِمْ مَا
بِالْبِسُوتِ ﴿١٠﴾ وَلَقَدْ أَسْنَهَزْنا بَرُسُلٍ مِّن قَبْلِكَ فَحَقَّ
بِالَّذِينَ سَخِرُوا مِنْهُمْ مَا كَانُوا بِهِ يَسْتَهْزِءُونَ ﴿١١﴾
قُلْ سِيرُوا فِي الْأَرْضِ ثُمَّ أَنْظِرُوا كَيْفَ كَانَ عَاقِبَةُ
الْمُكَذِّبِينَ ﴿١٢﴾ قُلْ لِّمَن مَّا فِي السَّمٰوٰتِ وَالْأَرْضِ قُلْ لِلَّهِ
كُنِبَ عَلَى نَفْسِهِ الرَّحْمَةُ لِيَجْمَعَنَّكُمْ إِلَى يَوْمِ الْقِيَمَةِ
لَا رَيْبَ فِيهِ الَّذِينَ خَسِرُوا أَنْفُسَهُمْ فَهُمْ لَا يُؤْمِنُونَ ﴿١٣﴾
وَلَهُ مَا سَكَنَ فِي اللَّيْلِ وَالنَّهَارِ وَهُوَ السَّمِيعُ الْعَلِيمُ ﴿١٤﴾
قُلْ أَغَيَّرَ اللَّهُ أَخْبَدُ وَلِيَا فَاطِرِ السَّمٰوٰتِ وَالْأَرْضِ وَهُوَ يُطْعِمُ
وَلَا يُطْعَمُ قُلْ إِنِّي أُمِرْتُ أَنْ أَكُونَ أَوَّلَ مَنْ أَسْلَمَ وَلَا
تَكُونَنَّ مِنَ الْمُشْرِكِينَ ﴿١٥﴾ قُلْ إِنِّي أَخَافُ إِنْ عَصَيْتُ
رَبِّي عَذَابَ يَوْمٍ عَظِيمٍ ﴿١٦﴾ مَّن يُصْرَفْ عَنْهُ يَوْمَ يَدْفَعُ
رَحْمَةً وَذَلِكَ الْفَوْزُ الْمُبِينُ ﴿١٧﴾ وَإِنْ يَمَسُّكَ اللَّهُ بِضُرٍّ
فَلَا كَاشِفَ لَهُ إِلَّا هُوَ وَإِنْ يَمَسُّكَ بِخَيْرٍ فَهُوَ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ
قَدِيرٌ ﴿١٨﴾ وَهُوَ الْقَاهِرُ فَوْقَ عِبَادِهِ وَهُوَ الْحَكِيمُ الْخَبِيرُ ﴿١٩﴾

6.19 - Lazao hoe: "Iza no lehibe indrindra mendrika hahita?", valio hoe: "Andriamanitra no Mahita, manelanelana ahy sy ianareo, ary faminiana nambara ahy ity Kor'any ity, ho entiko hampitandremana anareo sy izay rehetra hahatongavany". Moa va ianareo tena sahy mijoro ho vavolombelona, fa misy andriamanitra hafa miaraka amin'Andriamanitra? Valio hoe: "Izaho kosa tsy sahy mijoro vavolombelona", lazao hoe: "Tsy misy afa-tsy Andriamanitra Tokana irery ihany. Ary izaho dia mandà tanteraka izay hatambatreo Aminy".

6.20 - Ireo izay nomenay ny sora-boky dia mahafantatra azy tsara, tahaka ny fahafantarany ireo ny zanany. Fa ireo izay nanome fatiantoka ny tenany kosa, dia tsy mba hino velively.

6.21 - Iza no mpanao ny tsy rariny indrindra mihoatra izay miampanga lainga an'Andriamanitra, na izay milaza fa lainga ireo porofo famantarany? Hamafisina, fa tsy ho tafita velively ireo mpanao ny tsy rariny.

6.22 - Ary amin'ny andro izay hanangonanay azy rehetra, ka hilazanay amin'ireo izay nampitambatra an'Andriamanitra hoe: "Aiza avokoa ary ireo natambatreo tamin'Andriamanitra izay nireharehanareo hatramin'izay?"

6.23 - Noho izany, ny hany fialantsinin'izy ireo dia ny milaza hoe: "Mifanta amin'Andriamanitra Tompo Zanaharinay izahay, fa tsy nampitambatra Azy tamin'ny hafa velively".

6.24 - Jereo ny fomba fandaingan'izy ireo amin'ny tenany! Ary ny fomba nialan'izy ireo tamin'ny zavatra izay noforoniny!

6.25 - Misy amin'izy ireo no tonga mihaino anao, kanefa dia nosaronanay ny fony, ka nisakana azy tsy hahafantatra ny Kor'any, ary notsentseninay ihany koa ny sofiny. Ka na dia hahita ireo porofo famantarana isan-karazany aza izy ireo, dia tsy hino izany. Fa raha tonga miadi-hevitra aminao izy ireo, dia hoy ireo tsy mpino: "Tsy inona akory izany fa anganon'ireo olona taloha fotsiny ihany".

6.26 - Izy ireo dia misakana ny olona amin'ny tsy hanatonana azy, ary izy ireo ihany koa anefa dia misintaka aminy. Tsy manapotika afa-tsy ny tenany ihany izy ireo, saingy tsy mahatsapa izany.

6.27 - Raha hitanao izy ireo, rehefa hatsangana manamorona ny afo, dia hilaza manao hoe: "Indrisy! Raha mbola afaka averina (eny ambonin'ny tany) indray izahay, dia tsy ataonay ho lainga intsony ireo porofo famantarany Tompo Zanaharinay, ary ho isan'ireo mpino izahay".

قُلْ أَى شَيْءٍ أَكْبَرُ شَهَادَةً قُلِ اللَّهُ شَهِيدُ بَيْنِي وَبَيْنَكُمْ وَأُوحِيَ إِلَيَّ هَذَا الْقُرْآنُ لِأُنذِرَكُمْ بِهِ وَمَنْ بَلَغَ أَتَيْنَكُمْ لَتَشْهَدُونَ أَنَّ مَعَ اللَّهِ إِلَهَةً أُخْرَى قُلْ لَا أَشْهَدُ قُلْ إِنَّمَا هُوَ إِلَهُ وَاحِدٌ وَإِنِّى بَرِّئُ مِمَّا تُشْرِكُونَ ﴿١﴾ الَّذِينَ أَتَيْنَهُمُ الْكِتَابَ يَعْرِفُونَهُ كَمَا يَعْرِفُونَ أَبْنَاءَهُمُ الَّذِينَ خَسِرُوا أَنْفُسَهُمْ فَهُمْ لَا يُؤْمِنُونَ ﴿٢﴾ وَمَنْ أَظْلَمُ مِمَّنِ افْتَرَى عَلَى اللَّهِ كَذِبًا أَوْ كَذَّبَ بِآيَاتِهِ إِنَّهُ لَا يُفْلِحُ الظَّالِمُونَ ﴿٣﴾ وَيَوْمَ نَحْشُرُهُمْ جَمِيعًا ثُمَّ نَقُولُ لِلَّذِينَ أَشْرَكُوا آتِنِ شُرَكَاءَكُمْ الَّذِينَ كُنْتُمْ تَزْعُمُونَ ﴿٤﴾ ثُمَّ لَمْ تَكُنْ فَتَنْتَهُمْ إِلَّا أَنْ قَالُوا لِلَّهِ رَبِّنَا مَا كُنَّا مُشْرِكِينَ ﴿٥﴾ أَنْظِرْ كَيْفَ كَذَبُوا عَلَى أَنْفُسِهِمْ وَضَلَّ عَنْهُمْ مَا كَانُوا يَفْتَرُونَ ﴿٦﴾ وَمِنْهُمْ مَنْ يَسْتَمِعُ إِلَيْكَ وَجَعَلْنَا عَلَى قُلُوبِهِمْ أَكِنَّةً أَنْ يَفْقَهُوهُ وَفِي آذَانِهِمْ وَقْرًا وَإِنْ يَرَوْا كَلَاءً آيَةً لَا يُؤْمِنُوا بِهَا حَتَّى إِذَا جَاءَهُمْ يُجَادِلُونَكَ يَقُولُ الَّذِينَ كَفَرُوا إِنْ هَذَا إِلَّا أَسَاطِيرُ الْأَوَّلِينَ ﴿٧﴾ وَهُمْ يَنْهَوْنَ عَنْهُ وَيَنْتَوُونَ عَنْهُ وَإِنْ يُهْلِكُونَ إِلَّا أَنْفُسَهُمْ وَمَا يَشْعُرُونَ ﴿٨﴾ وَلَوْ تَرَى إِذْ وَقَفُوا عَلَى النَّارِ فَقَالُوا يَلَيْسَ نَارُ دُ وَلَا تَكْذِبُ بِآيَاتِ رَبِّنَا وَتَكُونُ مِنَ الْمُؤْمِنِينَ ﴿٩﴾

6.28 - Tsia! Indro fa hiseho amin'izy ireo izay nafeniny teo taloha. Fa raha naverina (teny amin'ny fiainana ambonin'ny tany) indray izy ireo, dia tsy maintsy mbola hanao izay nandrarana azy. Izy ireny indrindra no tena mpandainga.

6.29 - Ary hoy izy ireo: "Tsy misy (fiainana hafa) ho anay afa-tsy ny fiainana an-tany, ary tsy hatsangana amin'ny maty intsony izahay".

6.30 - Raha hitanao izy ireo, rehefa hatsangana eo anatrehan'ny Tompo Zanahariny, dia hiteny amin'izy ireo izy hoe: "Moa va tsy izao no fahamarinana?", hamaly izy ireo hoe: "Eny! Marina izany ry Tompo Zanaharinay!", ary hiteny izy ireo hoe: "Ka andramo ary ny famaizana ho setrin'ny fikomianareo".

6.31 - Efa maty antoka tokoa ireo izay nilaza, fa lainga ny fihaonana amin'Andriamanitra. Ary raha tonga tampoka amin'izy ireo ny ora farany, dia hiteny izy ireo hoe: "Lozanay tokoa, noho ny tsirambina nataonay teo anatrehan'ny. Ary dia samy hibaby ny entany mavesatra izy ireo, fa entana ratsy tokoa izany!"

6.32 - Tsy inona akory ny fiainana ety an-tany, fa kilalao sy rendrarendra ihany. Fa ny fonenana any an-koatra kosa no tsara indrindra ho an'ireo vontompinana. Ka moa tsy mandefa fisainana va ianareo?

6.33 - Efa fantatray tokoa fa mampalahelo anao izay nolazain'izy ireo. Nefa raha ny marina, dia tsy miampanga lainga anao velively izy ireo, fa ireo mpanao ny tsy rariny no mandà ny porofo famantarana an' Andriamanitra.

6.34 - Efa noendrikendrehina ho mpandainga avokoa ireo Iraka teo alohanao, fa niharitra mafy izy ireo tamin'ny fiampangana lainga natao azy, ary nampahoriana ihany koa mandrapahatongan'ny famonjena avy Taminay. Fa tsy misy afaka manova velively ireo Tenin'Andriamanitra. Ary efa tonga taminao ny vaovao sasany tamin'ny tantaran'ireo Iraka.

6.35 - Ary raha mavesatra aminao ny fandavan'izy ireo, ka afaka mitady lavaka ambanin'ny tany ianao, na manangana tohatra hankanesana any an-danitra mba hitondra porofo famantarana ho azy ireny, (dia ataovy àry izany). Ary raha sitrak'Andriamanitra, dia azony atao ny mampiray azy ireo hanaraka ny làla-marina. Koa aoka ianao tsy ho isan'ireo tsy mahalala.

بَلْ بَدَاهُم مَّا كَانُوا يَخْشَوْنَ مِنْ قَبْلُ وَلَوْ رُدُّوا لَعَادُوا لِمَا نُهُوا عَنْهُ
وَإِنَّهُمْ لَكَاذِبُونَ ﴿٢٨﴾ وَقَالُوا إِن هِيَ إِلَّا حَيَاتُنَا الدُّنْيَا وَمَا نَحْنُ
بِمَبْعُوثِينَ ﴿٢٩﴾ وَلَوْ تَرَى إِذْ وَقَفُوا عَلَى رَبِّهِمْ قَالَ أَلَيْسَ هَذَا
بِالْحَقِّ قَالُوا بَلَى وَرَبِّنَا قَالَ فَذُوقُوا الْعَذَابَ بِمَا كُنْتُمْ تَكْفُرُونَ
﴿٣٠﴾ قَدْ خَسِرَ الَّذِينَ كَذَّبُوا بِلِقَاءِ اللَّهِ حَتَّى إِذَا جَاءَهُمُ السَّاعَةُ
بَغْتَةً قَالُوا أَيْ خَسِرْنَا عَلَى مَا فَرَطْنَا فِيهَا وَهُمْ يَحْمِلُونَ أَوْزَارَهُمْ
عَلَى ظُهُورِهِمْ أَلَسَاءَ مَا يَرْزُونَ ﴿٣١﴾ وَمَا الْحَيَاةُ الدُّنْيَا إِلَّا
لَعِبٌ وَلَهْوٌ وَلَلْآخِرَةُ خَيْرٌ لِلَّذِينَ يَنْقُوتُونَ أَفَلَا تَعْقِلُونَ
﴿٣٢﴾ قَدْ نَعْلَمُ إِنَّهُ لَيَحْزَنُكَ الَّذِي يَقُولُونَ فَإِنَّهُمْ لَا يُكَذِّبُونَكَ
وَلَكِنَّ الظَّالِمِينَ بَيَّاتٍ اللَّهُ يَجْحَدُونَ ﴿٣٣﴾ وَلَقَدْ كَذَّبَتْ
رُسُلٌ مِنْ قَبْلِكَ فَصَبَرُوا عَلَى مَا كُذِّبُوا وَأُوذُوا حَتَّى أَنَّهُمْ نَصَرْنَا
وَلَا مُبَدِّلَ لِكَلِمَاتِ اللَّهِ وَلَقَدْ جَاءَكَ مِنْ نَبِيِّ الْأُمْرُسَلِينَ
﴿٣٤﴾ وَإِنْ كَانَ كِبَرَ عَلَيْكَ إِعْرَاضُهُمْ فَإِنْ أُسْتَطِيعَتْ أَنْ تَبْغِيَ
نَفَقًا فِي الْأَرْضِ أَوْ سُلَّمًا فِي السَّمَاءِ فَتَأْتِيَهُمْ بَأْيَةٌ وَلَوْ شَاءَ
اللَّهُ لَجَمَعَهُمْ عَلَى الْهُدَى فَلَا تَكُونَنَّ مِنَ الْجَاهِلِينَ ﴿٣٥﴾

6.36 - Tsy misy afa-tsy ireo izay maheno ihany no mamaly ny antso (amin'ny finoana), fa ireo maty kosa, dia hatsangan'Andriamanitra izy ireny; avy eo, dia any Aminy no hiverenany.

6.37 - Ary hoy izy ireo: "Nahoana no tsy mba nampidinana fahagagana taminy avy amin'ny Tompo Zanahariny?", lazao: "Hamafisina, fa Andriamanitra dia afaka mampidina fahagagana, nefa ny ankamaroan'izy ireo dia tsy mahalàla izany".

6.38 - Tsy misy biby mandeha amin'ny tany, na vorona manidina amin'ny elany roa, ka tsy manana fiaraha-monina tahaka anareo. Tsy misy zavatra ka tsy voarakitray tao amin'ilay Boky. Fa any amin'ny Tompo Zanaharin'izy ireo no hiverenany.

6.39 - Ary ireo izay milaza ho lainga ireo porofo famantarany, dia marenina sy moana, ary ao anaty haizim-pito. Izay sitrak'Andriamanitra ny hahavery azy dia very; ary izay sitrany kosa ny hizerany amin'ny lalana mahitsy dia ataony izany.

6.40 - Lazao hoe: "Inona no ataonareo raha tonga tampoka aminareo ny famaizan'Andriamanitra, na tonga aminareo ilay ora farany? Moa va hiantso vonjy ankoatra an'Andriamanitra ianareo raha mpilaza ny marina tokoa?"

6.41 - Nefa Izy irery ihany no hangatahinareo, ary raha sitrany dia hampisava ny olana izay nanaovanareo fangatahana taminy Izy, ka amin'izay dia hanadino izay natambatrareo taminy ianareo.

6.42 - Efa nandefa iraka tamin'ireo vahoaka tany alohanao izahay. (Saingy nikomy izy ireny), ka dia nampiharina tamin'izy ireny ny loza amin'antambo, hahatsiarovan'izy ireo tena mba hifona!

6.43 - Nahoana àry, rehefa tonga teo amin'izy ireo ny antambo avy Aminay, no tsy nitalaho nifona izy ireo? Satria, efa nihamafy loatra ny fon'izy ireo, ary satana nanatsara teo imason'izy ireo ny asa ratsiny.

6.44 - Avy eo, rehefa adinon'izy ireo izay nampatsiahivina azy, dia nosokafanay ho azy ireo indray ny varavarana ho amin'ny zavatra rehetra, ka rehefa dibon-kafaliana tamin'izay nomena azy izy ireo, dia nofoananay tampoka teo amin'izy ireo izany, ary indro fa nivalanketraka izy ireo.

إِنَّمَا يَسْتَحِبُّ الَّذِينَ يَسْمَعُونَ وَالْمَوْتَى يَبْعَثُهُمُ اللَّهُ ثُمَّ إِلَيْهِ
يَرْجِعُونَ ﴿٣٦﴾ وَقَالُوا لَوْلَا نُزِّلَ عَلَيْهِ آيَةٌ مِنْ رَبِّهِ قُلْ إِنَّ اللَّهَ
قَادِرٌ عَلَى أَنْ يُنْزِلَ آيَةً وَلَٰكِنْ أَكْثَرُهُمْ لَا يَعْلَمُونَ ﴿٣٧﴾ وَمَا
مِنْ دَابَّةٍ فِي الْأَرْضِ وَلَا طَيْرٍ يَطِيرُ بِجَنَاحَيْهِ إِلَّا أُمَمٌ أَمْثَالُكُمْ
مَا فَرَطْنَا فِي الْكِتَابِ مِنْ شَيْءٍ ثُمَّ إِلَىٰ رَبِّهِمْ يُحْشَرُونَ ﴿٣٨﴾
وَالَّذِينَ كَذَّبُوا بِآيَاتِنَا صُمُّوهُمْ وَبُكْمٌ فِي الظُّلُمَاتِ مَنْ يَشَأِ اللَّهُ
يُضِلَّهُ وَمَنْ يَشَأِ يُجْعَلْهُ عَلَىٰ صِرَاطٍ مُسْتَقِيمٍ ﴿٣٩﴾ قُلْ
أَرَأَيْتُمْ إِنْ أَتَاكُمْ عَذَابُ اللَّهِ أَوْ أَتَتْكُمُ السَّاعَةُ أَغَيْرَ اللَّهِ
تَدْعُونَ إِنْ كُنْتُمْ صَادِقِينَ ﴿٤٠﴾ بَلْ إِلَٰهُكُمْ تَدْعُونَ فَيَكْشِفُ مَا
تَدْعُونَ إِلَيْهِ إِنْ شَاءَ وَتَنْسَوْنَ مَا تُشْرِكُونَ ﴿٤١﴾ وَلَقَدْ أَرْسَلْنَا
إِلَىٰ أُمَمٍ مِنْ قَبْلِكَ فَأَخَذْنَاهُمْ بِالْبَأْسَاءِ وَالضَّرَّاءِ لَعَلَّهُمْ يَنْضَرُّعُونَ
﴿٤٢﴾ فَلَوْلَا إِذْ جَاءَهُمْ بَأْسُنَا تَضَرَّعُوا وَلَٰكِنْ قَسَتْ قُلُوبُهُمْ
وَزَيَّنَّ لَهُمُ الشَّيْطَانُ مَا كَانُوا يَعْمَلُونَ ﴿٤٣﴾ فَلَمَّا
نَسُوا مَا ذُكِّرُوا بِهِ فَتَحْنَا عَلَيْهِمُ أَبْوَابَ كُلِّ شَيْءٍ
حَتَّىٰ إِذَا فَرِحُوا بِمَا أُوتُوا أَخَذْنَاهُمْ بَغْتَةً فَإِذَا هُمْ مُبْلِسُونَ ﴿٤٤﴾

6.45 - Dia toy izany no nandringanana ireo vahoaka sisa tavela tamin'ireo mpanao ny tsy rariny. Ary dera sy laza ho an'Andriamanitra Tompon'izao tontolo izao.

6.46 - Lazao hoe: "Ahoana no fahitanareo? Raha esorin'Andriamanitra ny fandrenesanareo sy ny fahitanareo, ary hidiny ny fonareo, ary andriamanitra iza ankoatra an'Andriamanitra no hamerina azy ireo aminareo?", jereo ny fomba hanazavanay ireo famantarana, kanefa dia mbola ivilian'izy ireo ihany izany.

6.47 - Lazao hoe: "Ahoana no fahitanareo? Raha tonga tampoka aminareo, na miharihary ny famaizan'Andriamanitra, fa iza moa no haringana raha tsy ireo vahoaka mpanao ny tsy rariny?"

6.48 - Tsy nandefa Iraka maro Izahay, raha tsy ho mpilaza vaovao mahafaly sy ho mpampitandrina; ka ireo izay nino sy nanatsara ny fitondrantenany, dia tsy hanana tahotra izy ireo, no sady tsy alahelo.

6.49 - Fa ireo izay milaza ny famantarany ho lainga kosa, dia iharan'ny famaizana izy ireo noho ny haratsiam-panahiny.

6.50 - Lazao (izy ireo) hoe: "Izaho akory tsy milaza aminareo fa mitazona ny harenben'Andriamanitra, na koa mahalala ny zava-miaina, ary tsy milaza aminareo ihany koa aho fa hoe Anjely. Tsy manaraka afa-tsy izay faminiana nambara tamiko aho". Lazao hoe: "Moa va mitovy ny jamba sy ny mahita? Tsy mba mandinika va ianareo?"

6.51 - Ary ampitandremo ny amin'izany ireo izay matahotra ny havory eo anatrehan'ny Tompo Zanaharin'izy ireo, fa tsy hanana ankoatra an'Andriamanitra ho Mpiaro sy Mpanelanelana izy ireo, mba hahatonga azy ireo hitandrina.

6.52 - Aoka tsy ho roahina ireo izay mangataka amin'ny Tompo Zanaharin'izy ireo marain-tsy hariva, mitady ny Tavany (fankasitrahany). Tsy anjaranao velively no mitsara azy ireny, ary tsy anjaran'izy ireo koa no mitsara anao. Koa raha mandroaka azy ireny ianao, dia ho isan'ireo mpanao ny tsy rariny.

فَقُطِعَ دَابِرُ الْقَوْمِ الَّذِينَ ظَلَمُوا وَالْحَمْدُ لِلَّهِ رَبِّ الْعَالَمِينَ ﴿٤٥﴾
 قُلْ أَرَأَيْتُمْ إِنْ أَخَذَ اللَّهُ سَمْعَكُمْ وَأَبْصَرَكُمْ وَخَنَمَ عَلَى قُلُوبِكُمْ
 مَنْ إِلَهٌ غَيْرُ اللَّهِ يَأْتِيكُمْ بِهِ أَنْظِرْ كَيْفَ نُصَرِّفُ الْأَيَاتِ
 ثُمَّ يَصْدِفُونَ ﴿٤٦﴾ قُلْ أَرَأَيْتُمْ إِنْ أَنْتُمْ عَذَابُ اللَّهِ
 بَغْتَةً أَوْ جَهْرَةً هَلْ يُهْلِكُ إِلَّا الْقَوْمَ الظَّالِمُونَ ﴿٤٧﴾ وَمَا
 نُرْسِلُ الْمُرْسَلِينَ إِلَّا مُبَشِّرِينَ وَمُنذِرِينَ فَمَنْ أَمَنَ وَأَصْلَحَ
 فَلَا خَوْفٌ عَلَيْهِمْ وَلَا هُمْ يَحْزَنُونَ ﴿٤٨﴾ وَالَّذِينَ كَذَّبُوا بِآيَاتِنَا
 يَمَسُّهُمْ الْعَذَابُ بِمَا كَانُوا يَفْسُقُونَ ﴿٤٩﴾ قُلْ لَا أَقُولُ لَكُمْ
 عِنْدِي خَزَائِنُ اللَّهِ وَلَا أَعْلَمُ الْغَيْبَ وَلَا أَقُولُ لَكُمْ إِنِّي مَلَكٌ
 إِنْ أَتَيْتُ إِلَّا مَا يُوْحَىٰ إِلَيَّ قُلْ هَلْ يَسْتَوِي الْأَعْمَىٰ وَالْبَصِيرُ
 أَفَلَا تَتَفَكَّرُونَ ﴿٥٠﴾ وَأَنْذِرْ بِهِ الَّذِينَ يَخَافُونَ أَنْ يُحْشَرُوا
 إِلَىٰ رَبِّهِمْ لَيْسَ لَهُمْ مِنْ دُونِهِ وَلِيٌّ وَلَا شَفِيعٌ لَعَلَّهُمْ يَتَّقُونَ
 ﴿٥١﴾ وَلَا تَطْرُدِ الَّذِينَ يَدْعُونَ رَبَّهُمْ بِالْغَدَاةِ وَالْعَشِيِّ يُرِيدُونَ
 وَجْهَهُ مَا عَلَيْكَ مِنْ حِسَابِهِمْ مِنْ شَيْءٍ وَمَا مِنْ حِسَابِكَ
 عَلَيْهِمْ مِنْ شَيْءٍ فَتَطْرُدَهُمْ فَتَكُونَ مِنَ الظَّالِمِينَ ﴿٥٢﴾

6.53 - Tahaka izany koa, dia nomenay fitsapana ny sasany tamin'izy ireo teo anatrehan'ny hafa mba hilazany hoe: "Moa va izy ireo no nosoavin'Andriamanitra teo aminay?". Tsy Andriamanitra va no Mahalala indrindra ireo mahay mankasitraka?

6.54 - Ary raha tonga eo aminao ireo izay mino ny teny famantarany, dia lazao hoe: "Ho aminareo anie ny fiadanana! Nitonon-tena ho Mpamindra-fo ny Tompo Zanaharinareo. Ary na iza na iza nanao ratsy tsy amim-pahalalana taminareo, ka avy eo dia nibebaka sy nanatsara ny fitondrantenany taty aoriana. Dia hamafisina, fa Mpamela heloka sy Mpamindra-fo lzy".

6.55 - Dia toy izany no hanazavanay amin'ny antsipirihany ireo teny famantarana, mba hampiavaka mazava ny lalan'ireo mpanao heloka.

6.56 - Lazao hoe: "Marina fa voarara amiko ny hanompo ireo izay antsoinareo ankoatra an'Andriamanitra". Valio kosa hoe: "Tsy hanaraka ny sitraponareo aho, satria ho very lalana ka tsy ho isan'ireo mizotra amin'ny lala-marina".

6.57 - Lazao hoe: "Hamafisiko, fa izaho dia manana porofo mazava avy amin'ny Tompo Zanahariko, nefa nataonareo ho lainga izany. Tsy aty amiko izay tianareo hafainganina (famaizana), fa an'Andriamanitra ihany ny fanapahana, hanavaka ny marina lzy, ary lzy no Mpitsara mendrika indrindra.

6.58 - Lazao hoe: "Raha aty amiko tokoa ilay tianareo hafainganina (famaizana), dia ho vita ny raharaha eto amiko sy aminareo". Fa Mahalala indrindra ny amin'ireo mpanao ny tsy rariny Andriamanitra.

6.59 - Izy irery ihany no mitana ireo fanalahidin'ny zava-miafina. Tsy misy mahafantatra izany afa-tsy lzy. Ary fantany avokoa izay any anaty tany sy any anaty ranomasina. Ary tsy misy na dia ravin-kazo iray mihintsana aza ka tsy fantany. Ary tsy misy na voa iray ao anaty haizin'ny tany, na mando na maina ka tsy voarakitra mazava ao anatin'ny Boky.

كَذَلِكَ فَتَنَّا بَعْضَهُم بِبَعْضٍ لِيَقُولُوا أَهَؤُلَاءِ مَنَّ اللَّهُ عَلَيْهِمْ مِنْ بَيْنِنَا أَلَيْسَ اللَّهُ بِأَعْلَمَ بِالشَّاكِرِينَ ﴿٥٣﴾ وَإِذَا جَاءَكَ الَّذِينَ يُؤْمِنُونَ بِآيَاتِنَا فَقُلْ سَلَمٌ عَلَيْكُمْ كَتَبَ رَبُّكُمْ عَلَى نَفْسِهِ الرَّحْمَةَ أَنَّهُ مَنْ عَمِلَ مِنْكُمْ سُوءًا أَوْ بِجَهْلَةٍ ثُمَّ تَابَ مِنْ بَعْدِهِ وَأَصْلَحَ فَأَنَّهُ غَفُورٌ رَحِيمٌ ﴿٥٤﴾ وَكَذَلِكَ نَقُصُّ عَلَيْكَ الْآيَاتِ وَلِتَسْتَبِينَ سَبِيلَ الْمُجْرِمِينَ ﴿٥٥﴾ قُلْ إِنِّي نُهَيْتُ أَنْ أَعْبُدَ الَّذِينَ تَدْعُونَ مِنْ دُونِ اللَّهِ قُلْ لَا آتِئُهُمْ أَهْوَاءَ كُمْ قَدْ ضَلَلْتُ إِذَا وَمَا أَنَا مِنَ الْمُهْتَدِينَ ﴿٥٦﴾ قُلْ إِنِّي عَلَى بَيِّنَةٍ مِنْ رَبِّي وَكَذَّبْتُمْ بِهِ مَا عِنْدِي مَا تَسْتَعْجِلُونَ بِهِ إِنْ الْحُكْمُ إِلَّا لِلَّهِ يَقْضِ الْحَقُّ وَهُوَ خَيْرُ الْفَاصِلِينَ ﴿٥٧﴾ قُلْ لَوْ أَنَّ عِنْدِي مَا تَسْتَعْجِلُونَ بِهِ لَقُضِيَ الْأَمْرُ بَيْنِي وَبَيْنَكُمْ وَاللَّهُ أَعْلَمُ بِالظَّالِمِينَ ﴿٥٨﴾ ﴿ وَعِنْدَهُ مَفَاتِحُ الْغَيْبِ لَا يَعْلَمُهَا إِلَّا هُوَ وَيَعْلَمُ مَا فِي الْبَرِّ وَالْبَحْرِ وَمَا تَسْقُطُ مِنْ وَرَقَةٍ إِلَّا يَعْلَمُهَا وَلَا حَبَّةٌ فِي ظُلْمَتِ الْأَرْضِ وَلَا رَطْبٌ وَلَا يَابِسٌ إِلَّا فِي كِتَابٍ مُبِينٍ ﴿٥٩﴾

6.60 - Ary Izy no mampatory anareo amin'ny alina, ary fantany izay ataonareo amin'ny antoandro. Avy eo dia hatsangany indray ianareo, mba ho tanteraka ilay ora farany voatondro. Manaraka izany dia any Aminy no fiverenanareo, ary hanambara aminareo izay nataonareo hatramin'izay Izy.

6.61 - Fa Izy no Hery Mpifehy farantampony ireo mpanompony. Mandefa mpiambina eo aminareo Izy, ka raha tonga amin'ny iray aminareo ny fahafatesana, dia mandray azy ireo ny Irakay, ary tsy misy ataon'izy ireo tsirambina izany.

6.62 - Aorian'izany dia entina any amin'Andriamanitra izy ireo, ilay Tompon'izy ireo marina. Moa va tsy Azy ny fanapahana? Ary Izy no haingam-pitsarana indrindra.

6.63 - Lazao hoe: "Iza no hanavotra anareo amin'ny haizin'ny tany sy ny ranomasina?". Amin'izay, dia hangataka fifonana Aminy amim-pahanginana ianareo hoe: "Raha manavotra anay amin'ity Izy, dia ho isan'ireo mahay mankasitraka izahay".

6.64 - Lazao hoe: "Andriamanitra mihitsy no hanavotra anareo amin'izany, ary koa amin'ny tebiteby rehetra. Indrisy anefa, fa aorian'izany ianareo dia mbola mampitambatra Azy amin-javatra hafa".

6.65 - Lazao hoe: "Izy dia manana fahefana mandefa ny famaizana eo amboninareo, na avy any ambanin'ny tongotrareo, na hampisy vondron'olona eo aminareo ka hifanditra. Ary hampanandramany anareo ny hafanam-pon'ny hafa (amin'ny ady)". Koa jereo ny fomba hanehoanay ireo porofo famantarana, mba handinihan'izy ireo izany?

6.66 - Ary ireo vahoakanao dia nanao izany (Kor'any) ho lainga, kanefa izany no marina. Dia valio hoe: "Tsy mpiantoka anareo velively aho".

6.67 - Ny filazana tsirairay dia samy ho tonga amin'ny fotoanany, sy amin'ny toerany avy. Ary ho fantatrarao tsy ho ela izany.

6.68 - Raha tojo anao ireo olona izay mitsikera ny teny famantarany, dia halaviro izy ireo ambaram-panaovany adihevitra hafa. Ary raha mampanadino anao i satana, dia aoka ianao tsy hipetraka miaraka amin'ireo mpanao ny tsy rariny aorian'ny fahatsiarovana.

وَهُوَ الَّذِي يَتَوَفَّاكُم بِاللَّيْلِ وَيَعْلَمُ مَا جَرَحْتُم بِالنَّهَارِ ثُمَّ يَبْعَثُكُمْ فِيهِ لِيُقْضَىٰ أَجَلٌ مُّسَمًّى ثُمَّ إِلَيْهِ مَرْجِعُكُمْ ثُمَّ يُنَبِّئُكُم بِمَا كُنتُمْ تَعْمَلُونَ ﴿٦٠﴾ وَهُوَ الْقَاهِرُ فَوْقَ عِبَادِهِ وَيُرْسِلُ عَلَيْكُمْ حَفَظَةً حَتَّىٰ إِذَا جَاءَ أَحَدَكُمْ الْمَوْتُ تَوَفَّتْهُ رُسُلُنَا وَهُمْ لَا يُفْرِطُونَ ﴿٦١﴾ ثُمَّ رُدُّوْا إِلَى اللَّهِ مَوْلَاهُمُ الْحَقِّ أَلا لَهُ الْحُكْمُ وَهُوَ أَسْرَعُ الْحَاسِبِينَ ﴿٦٢﴾ قُلْ مَنْ يُنْجِيكُمْ مِنْ ظُلُمَاتِ الْبَرِّ وَالْبَحْرِ تَدْعُونَهُ تَضَرُّعًا وَخُفْيَةً لِّئِنْ أَنْجَيْنَا مِنْ هَذِهِ لَنَكُونَنَّ مِنَ الشَّاكِرِينَ ﴿٦٣﴾ قُلْ اللَّهُ يُنْجِيكُمْ مِنْهَا وَمِنْ كُلِّ كَرْبٍ ثُمَّ أَنْتُمْ مُشْرِكُونَ ﴿٦٤﴾ قُلْ هُوَ الْقَادِرُ عَلَىٰ أَنْ يَبْعَثَ عَلَيْكُمْ عَذَابًا مِّنْ فَوْقِكُمْ أَوْ مِنْ تَحْتِ أَرْجُلِكُمْ أَوْ يَلْبِسَكُمْ شِيْعًا وَيُذِيقَ بَعْضُكُم بَأْسَ بَعْضٍ أَنْظِرْ كَيْفَ نُصَرِّفُ الْآيَاتِ لَعَلَّهُمْ يَفْقَهُوْنَ ﴿٦٥﴾ وَكَذَّبَ بِهِ قَوْمُكَ وَهُوَ الْحَقُّ قُلْ لَسْتُ عَلَيْكُمْ بِوَكِيلٍ ﴿٦٦﴾ لِكُلِّ نَبِيٍّ مُّسْتَقَرٌّ وَسَوْفَ تَعْلَمُونَ ﴿٦٧﴾ وَإِذَا رَأَيْتَ الَّذِينَ يَخُوضُونَ فِيْءِ آيِنُنَا فَأَعْرِضْ عَنْهُمْ حَتَّىٰ يَخُوضُوا فِي حَدِيثٍ غَيْرِهِ ۚ وَإِمَّا يُنسِيَنَّكَ الشَّيْطَانُ فَلَا تَقْعُدْ بَعْدَ الذِّكْرِىٰ مَعَ الْقَوْمِ الظَّالِمِينَ ﴿٦٨﴾

6.69 - Tsy anjaran'ireo vontompinoana velively no mitsara ireny olona ireny amin'ny zavatra toy izany, fa fampahatsiahivana ihany, mba ho isan'ireo vontompinoana izy ireo.

6.70 - Avelao ireo izay mandray ny finoany ho kilalao sy rendrarena, ary izay variana amin'ny fiainana eto an-tany. Fa fampahatsiahivo azy ireo ny amin'izany, mba tsy hisy olona na iray aza ho maty antoka amin'ny asa vitany, tsy hanana ankoatra an'Andriamanitra ho mpiaro sy mpanelanelana izy ireo. Na inona na inona onitra atolony, dia tsy ho ekena izany. Izy ireo dia voafitaky ny asa vitany. Rano mangotraka no ho fisotron'izy ireo, ary hahazo famaizana manaintaina izy ireo noho ny tsy finoany.

6.71 - Lazao hoe: "Moa va hangataka amin'ny hafa ankoatra an'Andriamanitra izahay, izay tsy manasoana anay no sady tsy manao ratsy anay? Ary moa va hiverin-dàlana izahay taorian'ny notarihin'Andriamanitra anay, tahaka ilay norebireben'i satana, ka mirenireny sahiran-tsaina ety ambonin'ny tany. Na dia antsoin'ireo namany hanaraka ny làlana mahitsy aza izy hoe: "Tongava aty aminay", dia valio kosa hoe: "Ny tari-dàlana tena izy, dia ny tari-dàlan'Andriamanitra". Ary nobaikoina izahay hanolotena ho an'ny Tompo Zanaharin'izao Tontolo izao.

6.72 - Koa dia tanterahonareo ny vavaka fanompoana (soalat), ary matahora Azy. Ary any Aminy no mbola hanangonana anareo".

6.73 - Ary Izy no Nahary ny lanitra sy ny tany tamim-pahamarinana tanteraka. Ary amin'ny andro izay ilazany hoe: "Misial!", dia misy izany, ny Teniny dia fahamarinana. Azy irery ihany ny Fanjakana amin'ny andro izay hitsofana ny Anjomara. Izy no Mpahalala ny miafina sy ny miharihary. Fa Izy no ilay be fahendrena sy ilay Mpahalala tongalafatra.

وَمَا عَلَى الَّذِينَ يَتَّقُونَ مِنْ حِسَابِهِمْ مِنْ شَيْءٍ وَلَكِنْ ذِكْرِي لَعَلَّهُمْ يَتَّقُونَ ﴿٦٩﴾ وَذَرِ الَّذِينَ أَخَذُوا دِينَهُمْ لَعِبًا وَلَهْوًا وَغَرَّتْهُمُ الْحَيَاةُ الدُّنْيَا وَذَكَرَ رَبَّهُمْ أَنَّ تُبْسَلَ نَفْسٌ بِمَا كَسَبَتْ لَيْسَ لَهَا مِنْ دُونِ اللَّهِ وَلِيٌّ وَلَا شَفِيعٌ وَإِنْ تَعَدَلَ كُلُّ قَدْلٍ لَّا يُؤْخَذُ مِنْهَا أُولَئِكَ الَّذِينَ أُبْسِلُوا بِمَا كَسَبُوا لَهُمْ شَرَابٌ مِنْ حَمِيمٍ وَعَذَابٌ أَلِيمٌ بِمَا كَانُوا يَكْفُرُونَ ﴿٧٠﴾ قُلْ أَدْعُوا مِنْ دُونِ اللَّهِ مَا لَا يَنْفَعُنَا وَلَا يَضُرُّنَا وَنُرَدُّ عَلَى أَعْقَابِنَا بَعْدَ إِذْ هَدَيْنَا اللَّهَ كَالَّذِي اسْتَهْوَتْهُ الشَّيَاطِينُ فِي الْأَرْضِ حَيْرَانٌ لَهُ أَصْحَابٌ يَدْعُونَهُ إِلَى الْهُدَى اثْنًا قُلْ إِنِّي هَدَى اللَّهُ هُوَ الْهُدَى وَأُمِّرْنَا لِلنُّسْلِ لِرَبِّ الْعَالَمِينَ ﴿٧١﴾ وَأَنْ أَقِيمُوا الصَّلَاةَ وَآتَوْهُ وَهُوَ الَّذِي إِلَيْهِ تُحْشَرُونَ ﴿٧٢﴾ وَهُوَ الَّذِي خَلَقَ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضَ بِالْحَقِّ وَيَوْمَ يَقُولُ كُنْ فَيَكُونُ قَوْلُهُ الْحَقُّ وَلَهُ الْمُلْكُ يَوْمَ يُنْفَخُ فِي الصُّورِ عِلْمُ الْغَيْبِ وَالشَّهَادَةُ وَهُوَ الْحَكِيمُ الْخَبِيرُ ﴿٧٣﴾

6.74 - Ary rehefa nanontany an'i Azar rainy i Abrahama, nanao hoe: "Ho raisinao ho Andriamanitra va ireo sampy ireo?". Hamafisiko, fa izaho dia mahita anao sy ny vahoakanao ao anaty fahaverezana miharihary.

6.75 - Ary toy izany no nanehoanay tamin'i Abrahama ny Fanjakan'ny lanitra sy ny tany, mba ho isan'ireo izay mino amim-pitokiana tanteraka izy.

6.76 - Rehefa nandrakotra azy ny alina, dia nibanjina kintana iray izy, ka hoy izy: "Indro ny Tompo Zanahariko!", nefa rehefa nanjavona izany, dia niteny izy hoe: "Tsy tiako ireo manjavona".

6.77 - Rehefa nahita ny volana namiratra indray izy, dia niteny hoe: "Indro ny Tompo Zanahariko". Nefa, rehefa nanjavona izany, dia niteny izy hoe: "Raha tsy mitari-dàlana ahy ny Tompo Zanahariko, dia ho isan'ireo olona diso làlana tokoa aho".

6.78 - Rehefa nahita ny masoandro nipoaka izy dia niteny hoe: "Indro ny Tompo Zanahariko! Lehibe kokoa izy io". Nefa, rehefa nanjavona ilay masoandro, dia niteny izy hoe: "Ry vahoaka! Hamafisiko, fa izaho dia mandà izay rehetra atambatrareo amin'Andriamanitra.

6.79 - Hamafisiko, fa atodiko manokana any amin'ilay Nahary ny lanitra sy ny tany ny tavako, ary izaho dia tsy anisan'ireo mpampitambatra Azy amin'ny hafa velively".

6.80 - Nifanditra taminy ireo vahoakany; nefa hoy izy: "Moa hifanditra amiko momba an'Andriamanitra va ianareo, kanefa izy no nitari-dàlana ahy? Tsy matahotra ireo atambatrareo Aminy aho, afa-tsy izay sitrak'ilay Tompo Zanahariko ihany. Manenika ny zavatra rehetra ny Fahalalan'ny Tompo Zanahariko. Moa va tsy mahatsiaro tena ianareo?

6.81 - Ka nahoana aho no hatahotra ireo atambatrareo Aminy, nefa ianareo aza tsy matahotra ny hampitambatra an'Andriamanitra amin'ny hafa, izay tsy nampidinana porofo taminareo akory? Ka iza amin'ireo andian'olona roa ireo no manan-jo kokoa handry fahalemana raha fantatrareo?



وَإِذْ قَالَ إِبْرَاهِيمُ لِأَبِيهِ إِذْ رَأَى أَنَّهُ تَخَذَ صَنَامًا مَاءَ الْهَيْهَةِ إِنِّي أَرَاكَ وَقَوْمَكَ فِي ضَلَالٍ مُبِينٍ ﴿٧٤﴾ وَكَذَلِكَ نَرَى إِبْرَاهِيمَ مَلَكُوتَ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ وَلِيَكُونَ مِنَ الْمُوقِنِينَ ﴿٧٥﴾ فَلَمَّا جَنَّ عَلَيْهِ اللَّيْلُ رَأَى الْكَوْكَبَ قَالَ هَذَا رَبِّي فَلَمَّا أَفَلَ قَالَ لَا أُحِبُّ الْآفِلِينَ ﴿٧٦﴾ فَلَمَّا رَأَى الْقَمَرَ بَازِعًا قَالَ هَذَا رَبِّي فَلَمَّا أَفَلَ قَالَ لَيْنَ لَمْ يَهْدِنِي رَبِّي لَأَكُونَنَّ مِنَ الْقَوْمِ الضَّالِّينَ ﴿٧٧﴾ فَلَمَّا رَأَى الشَّمْسَ بَازِعَةً قَالَ هَذَا رَبِّي هَذَا أَكْبَرُ فَلَمَّا أَفَلَتْ قَالَ يُقَوْمُ إِنِّي بَرِيءٌ مِمَّا تُشْرِكُونَ ﴿٧٨﴾ إِنِّي وَجَّهْتُ وَجْهِيَ لِلَّذِي فَطَرَ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضَ خَنِيفًا وَمَا أَنَا مِنَ الْمُشْرِكِينَ ﴿٧٩﴾ وَحَاجَّهُ قَوْمُهُ قَالَ أَتُحِبُّونَنِي فِي اللَّهِ وَقَدْ هَدَانِي وَلَا أَخَافُ مَا تُشْرِكُونَ بِهِ إِلَّا أَن يَشَاءَ رَبِّي شَيْئًا وَسِعَ رَبِّي كُلَّ شَيْءٍ عِلْمًا أَفَلَا تَتَذَكَّرُونَ ﴿٨٠﴾ وَكَيْفَ أَخَافُ مَا أَشْرَكْتُمْ وَلَا تَخَافُونَ أَنَّكُمْ أَشْرَكْتُم بِاللَّهِ مَا لَمْ يُنَزَّلْ بِهِ عَلَيْكُمْ سُلْطَانًا فَأَيُّ الْفَرِيقَيْنِ أَحَقُّ بِالْأَمْنِ إِنْ كُنْتُمْ تَعْلَمُونَ ﴿٨١﴾

6.82 - Ireo izay mino, ka tsy nampifangaro ny finoan'izy ireo tamin'ny tsy rariny, dia izy ireny no handry fahalemana; ary ho voatarika amin'ny lala-marina".

6.83 - Dia toy izany ny teny fandresen-dahatra izay nomenay an'i Abrahama, ho entiny handresy lahatra ireo vahoakany. Asandratray amin'ny laharana ambony izay sitrakay. Hamafisina, fa ny Tompo Zanaharinao dia be fahendrena sy Mahalala ny zavatra rehetra.

6.84 - Ary dia nomenay azy i Ishaka sy Jakoba, ary notarihinay tamin'ny lala-marina izy roa ireo. Fa i Noa kosa, dia efa notarihinay tamin'ny lala-marina talohan'izany, ary tamin'ireo taranany, dia i Davida, sy Salômôna, Jôba, Josefa, Mosesy ary Harona. Ary dia toy izany no hamalianay soa ireo mpanao soa.

6.85 - Toy izany koa i Zakaria, Joany, Jesoa ary Elia, izy rehetra ireny dia isan'ireo olo-mendrika.

6.86 - Toy izany koa i Ismaela, Elize, Jonasy, ary Lota. Nomenay tombony mihoatra ny rehetra teo amin'izao tontolo izao izy ireny.

6.87 - Toy izany koa ny sasany tamin'ireo razamben'izy ireo, sy ny taranany ary ireo rahalahiny, nofidinay sy notarihinay ho amin'ny lalana mahitsy izy ireny.

6.88 - Izany no tari-dalana avy amin'Andriamanitra, ka izy no mitari-dalana izay sitrany amin'ireo Mpanompony. Nefa raha mampitambatra an'Andriamanitra amin'ny hafa izy ireo, dia ho sasa-poana amin'izay ataony.

6.89 - Tamin'izy ireo indrindra no nandefasanay ilay sora-boky, sy ny fahendrena ary ny faminaniana. Raha mitsipaka izany izy ireny, dia efa nataonay ny famindrana izany amin'ireo olona izay tsy mitsipaka.

6.90 - Izy ireny no olona notarihin'Andriamanitra lalana, koa aoka ianao hizotra amin'ny lalan'izy ireny. Ary lazao hoe: "Tsy mitaky aminareo tambiny ny amin'izany aho", fa izany dia fampahatsiahivana ihany ho an'izao tontolo izao.

الَّذِينَ آمَنُوا وَلَمْ يَلْبِسُوا إِيمَانَهُمْ بِظُلْمٍ أُولَٰئِكَ لَهُمُ الْأَمْنُ وَهُمْ مُهْتَدُونَ ﴿٨٢﴾ وَتِلْكَ حُجَّتُنَا آتَيْنَاهَا إِبْرَاهِيمَ عَلَىٰ قَوْمِهِ نَرْفَعُ دَرَجَاتٍ مَّن نَّشَاءُ إِنَّ رَبَّكَ حَكِيمٌ عَلِيمٌ ﴿٨٣﴾ وَوَهَبْنَا لَهُ إِسْحَاقَ وَيَعْقُوبَ كُلًّا هَدَيْنَا وَنُوحًا هَدَيْنَا مِن قَبْلُ وَمِن ذُرِّيَّتِهِ دَاوُدَ وَسُلَيْمَانَ وَأَيُّوبَ وَيُوسُفَ وَمُوسَىٰ وَهَارُونَ وَكَذَٰلِكَ نَجْزِي الْمُحْسِنِينَ ﴿٨٤﴾ وَذَكَرْنَا وَيْحَ عِيسَىٰ وَإِلْيَاسَ كُلًّا مِّنَ الصَّالِحِينَ ﴿٨٥﴾ وَإِسْمَاعِيلَ وَإِسْحَاقَ وَيُوسُفَ وَلُوطًا كُلًّا أَفَضَّلْنَا عَلَىٰ الْعَالَمِينَ ﴿٨٦﴾ وَمِن آبَائِهِمْ وَذُرِّيَّاتِهِمْ وَإِخْوَانِهِمْ وَاجْتَبَيْنَاهُمْ وَهَدَيْنَاهُمْ إِلَىٰ صِرَاطٍ مُّسْتَقِيمٍ ﴿٨٧﴾ ذَٰلِكَ هُدَىٰ اللَّهِ يَهْدِي بِهِ مَن يَشَاءُ مِّن عِبَادِهِ وَلَوْ أَشْرَكُوا لَحِطَّ عَنْهُمْ مَا كَانُوا يَعْمَلُونَ ﴿٨٨﴾ أُولَٰئِكَ الَّذِينَ آتَيْنَاهُمُ الْكِتَابَ وَالْحُكْمَ وَالنُّبُوَّةَ فَإِن يَكْفُرْ بِهَا هَٰؤُلَاءِ فَقَدْ وَكَّلْنَا بِهَا قَوْمًا لَّيْسُوا بِهَا بِكَافِرِينَ ﴿٨٩﴾ أُولَٰئِكَ الَّذِينَ هَدَىٰ اللَّهُ فَبِهِدَّتْهُمْ أَقْتَدَ قُل لَّا أَسْأَلُكُمْ عَلَيْهِ أَجْرًا إِن هُوَ إِلَّا ذِكْرِي لِلْعَالَمِينَ ﴿٩٠﴾

6.91 - Tsy nametraka an'Andriamanitra araka ny mendrika Azy izy ireo raha miteny hoe: "Tsy nampidina na inona na inona tamin'ny olombelona Andriamanitra", lazao hoe: "Iza no nampidina ilay Boky izay nentin'i Mosesy ho fahazavana sy tari-dàlana ho an'olombelona?". Noraiketinareo an-taratasy izany mba hampisehoanareo ny olona, saingy nafeninareo ny ankamaroany. Nampianarina izay tsy hainareo ianareo, eny, ianareo sy ireo Razambenareo, lazao hoe: "Andriamanitra". Ary rehefa izany dia avelao izy ireo ho variana amin'ny hadisoany.

6.92 - Indro ilay sora-boky feno fitahiana izay nampidinay, manamafy izay efa nisy teo alohany, mba hampitandremanao ny mponina ao amin'ny renivohitra (Makka), sy ireo olona manodidina. Ireo izay mino ny andro farany dia mino Azy, ary manatanteraka ny vavaka fanompoana (soalat).

6.93 - Ary iza no manao ny tsy rariny indrindra mihoatra izay miampanga lainga an'Andriamanitra, na izay milaza hoe: "Tonga tamiko ny Faminaniana", nefa tsy nisy faminaniana nambara taminy akory. Toy izany koa izay miteny hoe: "Hampidina zavatra mitovy amin'izay nampidin'Andriamanitra aho". Raha hitanao ireo olona mpanao ny tsy rariny rehefa eo ambavahaonan'ny fahafatesana, ka manolotra ny tanany ireo anjely manao hoe: "Avelao hivoaka ny fanahinareo, fa androany dia omena anareo ny famaizana fanalam-baraka, tamin'ireo izay nolazainareo manohitra an'Andriamanitra ankoatra ny fahamarinana, ary satria ianareo tsy niraharaha koa ireo porofo famantarany".

6.94 - Ary indro, fa tonga irery taty Aminay ianareo, tahaka ny naharianay anareo tamin'ny voalohany indrindra, ary navelanareo tany andamosinareo izay rehetra nomenay anareo. Tsy hitanay velively ianareo niaraka tamin'ireo mpanelanelana izay noheverinareo hatramin'izay ho mpikambana amin'Andriamanitra. Efa tapaka ny fifamatorana nisy teo aminareo, indro fa nihataka lavitra anareo ireo izay nireharehanareo hatramin'izay (ho mpanelanelana).

وَمَا قَدَرُوا اللَّهَ حَقَّ قَدْرِهِ إِذْ قَالُوا مَا أَنزَلَ اللَّهُ عَلَى بَشَرٍ مِّن شَيْءٍ قُلْ مَن أَنزَلَ الْكِتَابَ الَّذِي جَاء بِهِ مُوسَى نُورًا وَهُدًى لِلنَّاسِ تَجْعَلُونَهُ قَرَاطِيسَ تُبْدُونَهَا وَتُخْفُونَ كَثِيرًا وَعُلِّمْتُم مَّا لَمْ تَعْلَمُوا أَنْتُمْ وَلَا آبَاؤُكُمْ قُلِ اللَّهُ ثُمَّ ذَرْهُمْ فِي خَوْضِهِمْ يَلْعَبُونَ ﴿٩١﴾ وَهَذَا كِتَابٌ أَنزَلْنَاهُ مُبَارَكٌ مُّصَدِّقُ الَّذِي بَيْنَ يَدَيْهِ وَلِتُنذِرَ أُمَّ الْقُرَى وَمَن حَوْلَهَا وَالَّذِينَ يُؤْمِنُونَ بِالْآخِرَةِ يُؤْمِنُونَ بِهِ وَهُمْ عَلَى صَلَاتِهِمْ يُحَافِظُونَ ﴿٩٢﴾ وَمَن أَظْلَمُ مِمَّنِ افْتَرَى عَلَى اللَّهِ كَذِبًا أَوْ قَالَ أُوحِيَ إِلَيَّ وَلَمْ يُوحَ إِلَيْهِ شَيْءٌ وَمَن قَالَ سَأُنزِلُ مِثْلَ مَا أَنزَلَ اللَّهُ وَلَوْ تَرَى إِذِ الظَّالِمُونَ فِي غَمَرَاتِ الْمَوْتِ وَالْمَلَائِكَةُ بَاسِطُو أَيْدِيهِمْ أَخْرِجُوا أَنفُسَكُمُ الْيَوْمَ تُجْزَوْنَ عَذَابَ الْهُونِ بِمَا كُنتُمْ تَقُولُونَ عَلَى اللَّهِ غَيْرَ الْحَقِّ وَكُنتُمْ عَنْ آيَاتِهِ تَسْتَكْبِرُونَ ﴿٩٣﴾ وَلَقَدْ جِئْتُمُونَا فُرَادَى كَمَا خَلَقْتُمْ أَوَّلَ مَرَّةٍ وَتَرْكُنتُمْ مَا خَوَّلْنَاكُمْ وَرَاءَ ظُهُورِكُمْ وَمَا نَرَى مَعَكُمْ شُفَعَاءَكُمُ الَّذِينَ زَعَمْتُمْ أَنَّهُمْ فِيكُمْ شُرَكَاءُ لَقَدْ تَقَطَّعَ بَيْنَكُمْ وَضَلَّ عَنْكُمْ مَا كُنتُمْ تَزْعُمُونَ ﴿٩٤﴾

6.95 - Hamafisina, fa Andriamanitra no mamaky maso ny voamaina sy ny taolam-boankazo, navoakany tamin'ny maty ny velona, ary navoakany tamin'ny velona ny maty. Toy izany Andriamanitra, koa nahoana no mbola mivily lalana ianareo?

6.96 - Izy ilay nampiposaka ny mangirandrasy, nataony ho fotoam-pialantsasatra ny alina; ary ny masoandro sy ny volana ho fandrefesana fotoana. Izany no fandaharana napetrak'ilay Tsitoha sy Mahalala ny zavatra rehetra.

6.97 - Ary Izy ihany koa no nametraka ireo kintana ho anareo, mba hitari-dalana anareo mandritra ny haizin'ny tany sy ny ranomasina. Marina fa asehonay antsipirihany amin'ireo vahoaka mahalala ireo porofo famantarana.

6.98 - Ary Izy no Nahary anareo avy tamin'ny olona tokana (Adama). Misy ireo toerana maharitra, ao koa ireo toerana miserana. Efa nasehonay antsipirihany amin'ireo vahoaka mahalala ireo porofo famantarana.

6.99 - Ary Izy no nampirotsaka ny rano avy any an-danitra, ka nampitsirianay avy amin'izany ny zavamaniry rehetra. Nampanirianay avy amin'izany ny taho-maitso izay namoahanay ireo voa mitandahatra sy mifanongoa, ary ny avy amin'ny hazon'antrendry, dia ireo sampahon'antrendry mikiraviravy. Ary koa ireo saham-boaloboka, oliva ary ampongabendanitra, mitovitovy sy samihafa. Mba jereonareo ny voankazon'izy ireny amin'ny fotoana hahavokarany sy hahamasahany. Izany dia misy porofo famantarana maro ho an'ireo vahoaka manam-pinoana.

6.100 - Ary mbola nampisy mpitambatra amin'Andriamanitra izy ireo, dia ireo djiny (*), kanefa izany dia nohariany ihany koa. Ary namorona tsy am-piheverana zazalahy sy zazavavy ho Azy izy ireo (ireo tsy mpino). Voninahitra anie ho Azy! Ambony Izy, ary lavitra amin'izay toetra hamaritan'izy ireo Azy.

6.101 - Izy no Mpamorona ny lanitra sy ny tany, ka ahoana no hananany zanaka, kanefa tsy nisy niaraka taminy? Izy no Nahary ny zavatra rehetra, sady Mahalala ihany koa ny zavatra rehetra.

(*) Djiny: zavaboahary noharian'Andriamanitra tamin'ny afo, tsy hitan'ny olombelona maso.

إِنَّ اللَّهَ فَالِقُ الْحَبِّ وَالنَّوَى يُخْرِجُ الْحَيَّ مِنَ الْمَيِّتِ وَمُخْرِجُ الْمَيِّتِ مِنَ الْحَيِّ ذَلِكُمُ اللَّهُ فَأَنَّى تُؤْفَكُونَ ﴿٩٥﴾ فَالِقُ الْإِصْبَاحِ وَجَعَلَ اللَّيْلَ سَكَنًا وَالشَّمْسَ وَالْقَمَرَ حُسْبَانًا ذَلِكَ تَقْدِيرُ الْعَزِيزِ الْعَلِيمِ ﴿٩٦﴾ وَهُوَ الَّذِي جَعَلَ لَكُمُ النُّجُومَ لِتَهْتَدُوا بِهَا فِي ظُلُمَاتِ اللَّيْلِ وَالْبَحْرِ قَدْ فَصَّلْنَا الْآيَاتِ لِقَوْمٍ يَعْلَمُونَ ﴿٩٧﴾ وَهُوَ الَّذِي أَنْشَأَكُمْ مِنْ نَفْسٍ وَاحِدَةٍ فَمُسْتَقَرٌّ وَمُسْتَوْدَعٌ قَدْ فَصَّلْنَا الْآيَاتِ لِقَوْمٍ يَفْقَهُونَ ﴿٩٨﴾ وَهُوَ الَّذِي أَنْزَلَ مِنَ السَّمَاءِ مَاءً فَأَخْرَجْنَا بِهِ نَبَاتَ كُلِّ شَيْءٍ فَأَخْرَجْنَا مِنْهُ خَضِرًا نُخْرِجُ مِنْهُ حَبًّا مُتَرَاكِبًا وَمِنَ النَّخْلِ مِنْ طَلْعِهَا قِنْوَانٌ دَانِيَةٌ وَجَنَّاتٍ مِنْ أَعْنَابٍ وَالزَّيْتُونَ وَالرُّمَّانَ مُشْتَبِهًا وَغَيْرَ مُتَشَبِهٍ انظُرُوا إِلَى ثَمَرِهِ إِذَا أَثْمَرَ وَيَنْعِهِ إِنَّ فِي ذَلِكَ لَآيَاتٍ لِقَوْمٍ يُؤْمِنُونَ ﴿٩٩﴾ وَجَعَلُوا لِلَّهِ شُرَكَاءَ الْجِنَّ وَخَلَقَهُمْ وَخَرَقُوا لَهُ بَنِينَ وَبَنَاتٍ بِغَيْرِ عِلْمٍ سُبْحَانَهُ وَتَعَالَى عَمَّا يُصِفُونَ ﴿١٠٠﴾ يَدْبِعُ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضَ أَنَّى يَكُونُ لَهُ وَلَدٌ وَلَمْ تَكُنْ لَهُ صَاحِبَةٌ وَخَلَقَ كُلَّ شَيْءٍ وَهُوَ بِكُلِّ شَيْءٍ عَلِيمٌ ﴿١٠١﴾

6.102 - Toy izany Andriamanitra, Tompo Zanaharinareo! Tsy misy andriamanitra afa-tsy Izy, Ilay Mpahary ny zavatra rehetra. Koa aoka hanompo Azy ianareo. Fa Izy no misahana ny zavatra rehetra.

6.103 - Tsy takatry ny fahitana Izy, kanefa mahatsinjo ny fahitana rehetra (Izy). Fa feno fangorahana sy Mpahalala tonga lafatra Izy.

6.104 - Efa tonga teo aminareo ireo porofo miharihary avy amin'ny Tompo Zanaharinareo. Ka na iza na iza mahita ny mazava, dia ho an'ny tenany izany; fa izay nanako-maso kosa, dia fahavoazana ho azy izany, ary tsy anjarako velively ny miambina anareo.

6.105 - Dia toy izany koa no hanazavanay ireo porofo famantarana maro, sy mba hitenenan'izy ireo hoe: "Nianatra tokoa ianao". Ary hanazavanay izany amin'ireo vahoaka izay mahalala.

6.106 - Araho izay faminaniana nambara taminao avy amin'ny Tompo Zanaharinao. Tsy misy andriamanitra hafa afa-tsy Izy. Ary aoka ianao hanalavitra ireo mpampitambatra an'Andriamanitra amin'ny hafa.

6.107 - Raha sitrak'Andriamanitra, dia tsy ho mpampitambatra Azy amin'ny hafa izy ireo. Tsy nametraka anao ho mpiambina azy ireo velively Izahay, ary tsy ho mpiantoka azy ireo ihany koa.

6.108 - Aoka ianareo tsy hanompa izay hangatahan'izy ireo ankoatra an'Andriamanitra, mba tsy hanompany an'Andriamanitra amim-pankahalana ao anatin'ny tsy fahalalana. Toy izany koa, efa nohatsarainay teo anatrehan'ny fiaraha-monina tsirairay ny asan'izy ireo. Ary any amin'ny Tompo Zanaharin'izy ireo no hiverenany avy eo; ka hampahafantariny azy ireo amin'izany ny asa nataony.

6.109 - Ary dia mianiana amin'Andriamanitra amin'ny heriny rehetra izy ireo, fa raha misy porofo mahagaga aseho amin'izy ireo, dia hino tokoa izy. Lazao hoe: "Ny porofo mahagaga dia avy amin'Andriamanitra irery". Koa inona no mahatonga anareo hihevitra fa raha tonga tokoa izany, dia tsy hino velively izy ireo?

6.110 - Ary dia havadikay ny fon'izy ireo sy ny fahitany, satria efa tsy nino izany hatramin'ny voalohany izy ireo; ka havelanay handeha ao anaty fihioaram-pefy amim-pahajambana izy ireo.

ذَٰلِكُمْ اللَّهُ رَبُّكُمُ لَا إِلَهَ إِلَّا هُوَ خَلَقَ كُلَّ شَيْءٍ
فَاعْبُدُوهُ وَهُوَ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ وَكِيلٌ ﴿١٠٢﴾ لَا تَدْرِكُهُ
الْأَبْصَارُ وَهُوَ يُدْرِكُ الْأَبْصَارَ وَهُوَ اللَّطِيفُ الْخَبِيرُ ﴿١٠٣﴾
فَدَجَاءَكُمْ بِبَصَائِرٍ مِنْ رَبِّكُمْ فَمَنْ أَبْصَرَ فَلِنَفْسِهِ. وَمَنْ عَمِيَ
فَعَلَيْهَا وَمَا أَنَا عَلَيْكُمْ بِحَفِيفٍ ﴿١٠٤﴾ وَكَذَٰلِكَ نُصَرِّفُ
الْآيَاتِ وَلِيَقُولُوا دَرَسْتَ وَلِنُبَيِّنَهُ لِقَوْمٍ يَعْلَمُونَ ﴿١٠٥﴾
اتَّبِعْ مَا أُوحِيَ إِلَيْكَ مِنْ رَبِّكَ لَا إِلَهَ إِلَّا هُوَ وَأَعْرِضْ عَنِ
الْمُشْرِكِينَ ﴿١٠٦﴾ وَلَوْ شَاءَ اللَّهُ مَا أَشْرَكُوا وَمَا جَعَلْنَاكَ عَلَيْهِمْ
حَفِيفًا وَمَا أَنْتَ عَلَيْهِمْ بِوَكِيلٍ ﴿١٠٧﴾ وَلَا تَسُبُّوا الَّذِينَ
يَدْعُونَ مِنْ دُونِ اللَّهِ فَيَسُبُّوا اللَّهَ عَدْوًا بِغَيْرِ عِلْمٍ كَذَٰلِكَ زَيْنًا
لِكُلِّ أُمَّةٍ عَمَلُهُمْ ثُمَّ إِلَىٰ رَبِّهِمْ مَرْجِعُهُمْ فَيُنَبِّئُهُمْ بِمَا كَانُوا
يَعْمَلُونَ ﴿١٠٨﴾ وَأَقْسَمُوا بِاللَّهِ جَهْدَ أَيْمَانِهِمْ لَئِنْ جَاءَتْهُمْ آيَةٌ
لَيُؤْمِنُنَّ بِهَا قُلْ إِنَّمَا الْآيَاتُ عِنْدَ اللَّهِ وَمَا يُشْعِرُكُمْ أَنَّهَا إِذَا
جَاءَتْ لَا يُؤْمِنُونَ ﴿١٠٩﴾ وَنَقَلِبُ أَفئِدَتَهُمْ وَأَبْصَرَهُمْ كَمَا لَمْ
يُؤْمِنُوا بِهِ أَوَّلَ مَرَّةٍ وَنَذَرُهُمْ فِي طُغْيَانِهِمْ يَعْمَهُونَ ﴿١١٠﴾

FIZARANA FAHAVALO

6.111 - Ary raha nampidina Anjely maro tamin'izy ireo tokoa izahay, ka niteny tamin'izy ireo ny maty, sy nangoninay teo anatrehan'izy ireo ny zavatra rehetra, dia tsy hino velively izy ireo raha tsy hoe sitrak'Andriamanitra. Kanefa minia tsy mahafantatra ny ankamaroan'izy ireo.

6.112 - Tahaka izany koa no nametrahanay mpanohitra isaka ny Mpaminany, dia ireo devoly amin'ny olona sy ny djiny (*), izay mifampibitsika amin'ny teny mifono fitaka sy haratsiana. Nefa raha sitraky ny Tompo Zanaharinao, dia tsy afaka nanao izany izy ireo; koa avelao ary izy ireo sy izay lainga noforoniny.

6.113 - Ary mba hampirona ny fon'ireo izay tsy mino ny fiainana any an-koatra amin'izany (ireo teny feno fitaka ataon'ny devoly), ka ho faly aminy izy ireo, ary hanao izay hadisoana fanaony izy ireo.

6.114 - Moa va hitady mpitsara hafa ankoatra an'Andriamanitra aho, kanefa lzy no nampidina taminareo ilay sora-boky voambara tsara tamin'ny antsipiriany? Ireo izay nomenay ny sora-boky dia mahafantatra fa nidina avy tamin'ny Tompo Zanaharinao tamim-pahamarinana izany. Koa aoka tsy ho isan'ireo izay misalasala ianao.

6.115 - Ary dia tanteraka tamim-pahamarinana sy ara-drariny ny Teny izay nataon'ny Tompo Zanaharinao. Tsy misy afaka manova ireo Teniny, satria Mandre sy Mahalala ny zavatra rehetra lzy.

6.116 - Ary raha mankato ny ankamaroan'ireo olona izay ety ambonin'ny tany ianao, dia havilin'izy ireo tsy ho any amin'ny lalan'Andriamanitra, tsy manaraka afa-tsy ny fiheverany izy ireo, ary tsy manao afa-tsy ny mamoron-dainga.

6.117 - Hamafisina, fa ny Tompo Zanaharinao no mahalala indrindra ireo izay mivoana amin'ny lalany, ary lzy ihany koa no mahalala indrindra ireo izay mizotra amin'ny lala-marina.

6.118 - Aoka ianareo hihinana izay rehetra nanononana ny anaran'Andriamanitra, raha mino ny Teny famantarany ianareo.

(*) Jereo Toko - 6, And. 100

وَلَوْ أَنَّا نَزَّلْنَاهُ إِلَّا إِلَيْهِمُ الْمَلَائِكَةُ وَكَلَّمَهُمُ الْمَوْتَى وَحَشَرْنَا عَلَيْهِمْ كُلَّ شَيْءٍ قُبُلًا مَا كَانُوا لِيُؤْمِنُوا إِلَّا أَنْ يَشَاءَ اللَّهُ وَلَكِنْ أَكْثَرُهُمْ يَجْهَلُونَ ﴿١١١﴾ وَكَذَلِكَ جَعَلْنَا لِكُلِّ نَبِيٍّ عَدُوًّا شَيْطَانِ الْإِنْسِ وَالْجِنِّ يُوحِي بَعْضُهُمْ إِلَى بَعْضٍ زُخْرَفَ الْقَوْلِ غُرُورًا وَلَوْ شَاءَ رَبُّكَ مَا فَعَلُوهُ فَذَرْهُمْ وَمَا يَفْتَرُونَ ﴿١١٢﴾ وَلِنَصْغِي إِلَيْهِ أَفَعِدَّةُ الَّذِينَ لَا يُؤْمِنُونَ بِالْآخِرَةِ وَلِيَرْضَوْهُ وَلِيَقْتَرِفُوا مَا هُمْ مُقْتَرِفُونَ ﴿١١٣﴾ أَفَغَيْرَ اللَّهِ أَبْتَغِي حَكْمًا وَهُوَ الَّذِي أَنْزَلَ إِلَيْكُمُ الْكِتَابَ مُفَصَّلًا وَالَّذِينَ آتَيْنَاهُمُ الْكِتَابَ يَعْلَمُونَ أَنَّهُ مُنَزَّلٌ مِنْ رَبِّكَ بِالْحَقِّ فَلَا تَكُونَنَّ مِنَ الْمُمْتَرِينَ ﴿١١٤﴾ وَتَمَّتْ كَلِمَتُ رَبِّكَ صِدْقًا وَعَدْلًا لَا مُبَدِّلَ لِكَلِمَاتِهِ وَهُوَ السَّمِيعُ الْعَلِيمُ ﴿١١٥﴾ وَإِنْ تُطِيعُوا أَكْثَرَكُمْ فِي الْأَرْضِ يُضِلُّوكَ عَنْ سَبِيلِ اللَّهِ إِنْ يَتَّبِعُونَ إِلَّا الظَّنَّ وَإِنْ هُمْ إِلَّا يَخْرُصُونَ ﴿١١٦﴾ إِنَّ رَبَّكَ هُوَ أَعْلَمُ مَنْ يَضِلُّ عَنْ سَبِيلِهِ وَهُوَ أَعْلَمُ بِالْمُهْتَدِينَ ﴿١١٧﴾ فَكُلُوا مِمَّا ذُكِّرَ اسْمُ اللَّهِ عَلَيْهِ إِنْ كُنْتُمْ بِآيَاتِهِ مُؤْمِنِينَ ﴿١١٨﴾

6.119 - Nahoana ianareo no tsy mihinana izay efa nanononana ny anaran'Andriamanitra teo aminy? Ary efa nohazavainy antsipirihany taminareo izay nandrarany anareo, raha tsy hoe voatery ny hanao izany ianareo. Maro ireo olona diso lalana tsy amim-pahalalana noho ny filàn-dratsin'izy ireo. Marina fa ny Tomponao no Mahalala indrindra ireo mpandika lalana.

6.120 - Halaviro ny fahotana miharihary sy ny miafina, satria ireo izay manao fahotana dia hovaliana araka izay nataony.

6.121 - Ary aoka ianareo tsy hihinana izay tsy nanononana ny anaran'Andriamanitra teo aminy (ireo biby nolentina), satria maloto izany. Hamafisina, fa ny devoly dia mibitsika torohevitra amin'ireo mpiray antoka aminy mba hifanditra aminareo. Raha mankato azy ireo ianareo, dia hamafisina, fa lasa ho isan'ireo mpampitambatra an'Andriamanitra amin'ny hafa.

6.122 - Moa va izay maty ka naverinay tamin'ny fiainana indray, ary nomenay fahazavana mba handehanany miaraka amin'ireo olona, dia mitovy amin'izay ao anaty ny haizina, ka tsy afaka mivoaka tao intsony? Toy izany no hanatsarana amin'ireo tsy mpino izay asa nataon'izy ireo.

6.123 - Toy izany no nametrahanay lehiben'ny olo-meloka isaka ny tanàna, mba hanao teti-dratsy ao amin'izany tanàna izany. Nefa tsy hamandrika afa-tsy ny tenany ihany izy ireo, saingy tsy tsapany izany.

6.124 - Ary raha misy porofo famantarana iray tonga amin'izy ireo, dia hoy izy ireo hoe: "Tsy hino velively izahay raha mbola tsy mahazo fanomezana mitovy amin'izay nomena ireo Irak'Andriamanitra". Andriamanitra anefa no Mahalala indrindra izay hametrahany ny hafany. Ireo izay nanao heloka be vava dia iharan'ny fanambaniana eo anatrehan'Andriamanitra, ary koa famaizana mahery vaika ho valin'ireo teti-dratsy nataon'izy ireo hatramin'izay.

وَمَا لَكُمْ أَلَّا تَأْكُلُوا مِمَّا ذَكَرَ اسْمُ اللَّهِ عَلَيْهِ وَقَدْ فَصَّلَ لَكُمْ مَا حَرَّمَ عَلَيْكُمْ إِلَّا مَا اضْطُرِرْتُمْ إِلَيْهِ وَإِنَّ كَثِيرًا لَيُضِلُّونَ بِأَهْوَاءِهِمْ بِغَيْرِ عِلْمٍ إِنَّ رَبَّكَ هُوَ أَعْلَمُ بِالْمُعْتَدِينَ ﴿١١٩﴾
وَذَرُوا ظَهْرَ الْأَثَمِ وَبَاطِنَهُ إِنَّ الَّذِينَ يَكْسِبُونَ الْأَثَمَ سَيَجْزَوْنَ بِمَا كَانُوا يَقْتَرِفُونَ ﴿١٢٠﴾ وَلَا تَأْكُلُوا مِمَّا لَمْ يَذْكُرْ اسْمُ اللَّهِ عَلَيْهِ وَإِنَّهُ لَفِسْقٌ وَإِنَّ الشَّيْطَانَ لِيُؤْخُونَ إِلَىٰ أُولِيَآئِهِمْ لِيُجْدِلُوهُمْ وَإِنْ أَطَعْتُمُوهُمْ إِنَّكُمْ لَمُشْرِكُونَ ﴿١٢١﴾
أَوْ مَن كَانَ مِيثَاقَ حَيْثِنَهُ وَجَعَلْنَا لَهُ نُورًا يَمْشِي بِهِ فِي النَّاسِ كَمَن مَّثَلُهُ فِي الظُّلُمَاتِ لَيْسَ بِخَارِجٍ مِّنْهَا كَذَلِكَ زُيِّنَ لِلْكَافِرِينَ مَا كَانُوا يَعْمَلُونَ ﴿١٢٢﴾ وَكَذَلِكَ جَعَلْنَا فِي كُلِّ قَرْيَةٍ أَكْبَرًا مُّجْرِمِيهَا لِيَمْكُرُوا فِيهَا وَمَا يَمْكُرُونَ إِلَّا بِأَنْفُسِهِمْ وَمَا يَشْعُرُونَ ﴿١٢٣﴾ وَإِذَا جَاءَتْهُمْ ءَايَةٌ قَالُوا لَنْ نُؤْمِنَ حَتَّىٰ نُؤْتَىٰ مِثْلَ مَا أُوتِيَ رُسُلُ اللَّهِ اللَّهُ أَعْلَمُ حَيْثُ يَجْعَلُ رِسَالَتَهُ سَيُصِيبُ الَّذِينَ أَجْرَمُوا صَغَارٌ عِنْدَ اللَّهِ وَعَذَابٌ شَدِيدٌ بِمَا كَانُوا يَمْكُرُونَ ﴿١٢٤﴾

6.125 - Ary izay tian'Andriamanitra ho tarihina làlana, dia izy no hanokatra ny tratrany (fony) ho amin'ny Islamo. Ary izay tiany ho any amin'ny fahaverezana kosa dia hataony tery ny tratrany ao anaty fahasahiranana, tahaka ny hoe miakatra any an-danitra. Toy izany no hanaovan'Andriamanitra ny famaizana amin'ireo tsy mino.

6.126 - Ary toy izany ny làlan'ny Tompo Zanaharinao izay mahitsy tokoa. Efa nohazavainay antsipirihany ireo porofo famantarana rehetra tamin'ireo vahoaka izay mahatsiaro.

6.127 - Ho azy ireo ny fonenana feno fiadanana any amin'ny Tompo Zanaharin'izy ireo. Ary izy no Mpiaro azy ireo amin'izay zavatra nataony (tety an-tany).

6.128 - Ary amin'ny andro izay hanangonany azy rehetra ireo, dia hiteny izy hoe: "Ry fianakaviamben'ny djiny! Nanao ny fanararaotana tafahoatra tamin'ireo olombelona ianareo". Ka hiteny ireo sakaizan'izy ireo amin'ny olombelona hoe: "Tomponay ô! Nifanararaotra izahay, ary tratanay ny fepotoana izay voatondronao ho anay". Hiteny amin'izy ireo izy hoe: "ny afobe no ho fonenanareo mandrakizay", raha tsy izany, dia izay sitrak'Andriamanitra. Tena marina fa be fahendrena sy Mahalala ny zavatra rehetra tokoa ny Tompo Zanaharinao.

6.129 - Ary toy izany koa no nanomezanay fahefana ny sasany tamin'ireo mpanao ny tsy rariny manoloana ny hafa noho izay azon'izy ireo.

6.130 - Ry fianakaviamben'ny djiny sy ny olombelona! Moa va tsy tonga taminareo ireo mpitondra hafatra avy aminareo, ka nitantara taminareo ny porofo famantarako, sy nampiomana anareo ny fihaonana amin'izao andro izao. Dia hamaly izy ireo hoe: "Vavolombelona amin'ny tenanay izahay (marina izany)". Nahavariana azy ireo ny fiainana an-tany, ary vavolombelona tamin'ny tenany tokoa izy ireo fa nitsipaka.

6.131 - Koa satria, ny Tompo Zanaharinao dia tsy mandringana tsy ara-drariny ny tanàna raha mbola tsy nahazo fampitandremana ny mponina ao aminy.

فَمَنْ يُرِدِ اللَّهُ أَنْ يَهْدِيَهُ، يَشْرَحْ صَدْرَهُ لِلْإِسْلَامِ وَمَنْ يُرِدْ أَنْ يُضِلَّهُ، يُجْعَلْ صَدْرَهُ ضَيِّقًا حَرَجًا كَأَنَّمَا يَصَّعَّدُ فِي السَّمَاءِ كَذَلِكَ يَجْعَلُ اللَّهُ الرِّجْسَ عَلَى الَّذِينَ لَا يُؤْمِنُونَ ﴿١٢٥﴾ وَهَذَا صِرَاطُ رَبِّكَ مُسْتَقِيمًا قَدْ فَصَّلْنَا الْآيَاتِ لِقَوْمٍ يَذَكَّرُونَ ﴿١٢٦﴾ لَهُمْ دَارُ السَّلَامِ عِنْدَ رَبِّهِمْ وَهُوَ وَلِيُّهُمْ بِمَا كَانُوا يَعْمَلُونَ ﴿١٢٧﴾ وَيَوْمَ يُحْشَرُهُمْ جَمِيعًا يَمْعَشَرُ الْجَنِّ قَدْ اسْتَكْبَرْتُمْ مِنَ الْإِنْسِ وَقَالَ أَوْلِيَاؤُهُمْ مِنَ الْإِنْسِ رَبَّنَا اسْتَمَعَ بَعْضُنَا لِبَعْضٍ وَبَلَّغْنَا أَجْلَنَا الَّذِي أَجَلْتَ لَنَا قَالَ النَّارُ مَثْوَاكُمْ خَالِدِينَ فِيهَا إِلَّا مَا شَاءَ اللَّهُ إِنَّ رَبَّكَ حَكِيمٌ عَلِيمٌ ﴿١٢٨﴾ وَكَذَلِكَ نُوَلِّي بَعْضَ الظَّالِمِينَ بَعْضًا بِمَا كَانُوا يَكْسِبُونَ ﴿١٢٩﴾ يَمْعَشَرُ الْجَنِّ وَالْإِنْسِ الْقَرَابَاتُكُمْ رُسُلٌ مِنْكُمْ يَقْضُونَ عَلَيْكُمْ أَيْتِي وَيُنْذِرُونَكُمْ لِقَاءَ يَوْمِكُمْ هَذَا قَالُوا شَهِدْنَا عَلَى أَنْفُسِنَا وَغَرَّتْهُمْ الْحَيَاةُ الدُّنْيَا وَشَهِدُوا عَلَى أَنْفُسِهِمْ أَنَّهُمْ كَانُوا كَافِرِينَ ﴿١٣٠﴾ ذَلِكَ أَنْ لَمْ يَكُنْ رَبُّكَ مُهْلِكَ الْقُرَى بِظُلْمٍ وَأَهْلُهَا غَافِلُونَ ﴿١٣١﴾

6.132 - Ny ambaratongan'ny valisoa azon'ny tsirairay dia arakaraky ny asany. Ary tsy misy miafina amin'ny Tompo Zanaharinao izay rehetra ataon'izy ireo.

6.133 - Ary ny Tompo Zanaharinao no tompon'ny harena sy feno famindram-po. Raha sitrany, dia haringany ianareo, ary soloiny hafa araka izay tiany, tahaka ny namoahany anareo avy amin'ny taranak'ireo vahoaka hafa.

6.134 - Izay nampanantenaina anareo dia tsy maintsy ho tonga, ka tsy afaka hanao na inona na inona amin'izany ianareo.

6.135 - Dia lazao hoe: "Ry vahoakako! Manaova ianareo araka izay fombanareo; fa izaho koa dia hanao araka ny fombako. Tsy ho ela dia ho fantatrareo izay hahazo ny anjara tsara any an-koatra". Hamafisina, fa tsy ho tafita velively ireo mpanao ny tsy rariny.

6.136 - Ary natokan'izy ireo (mpanompo sampy) ho an'Andriamanitra ny ampahany tamin'izay Nohariany ihany, amin'ny vokatry ny tany sy ireo biby fiompy mba ho anjarany, ka hoy izy ireo hoe: "An'Andriamanitra ity, araka ny fihambon'izy ireo, fa ity kosa, dia ho an'ireo sampinay". Ka izay ho an'ireo sampin'izy ireo, dia tsy ho tonga any amin'Andriamanitra, fa izay an'Andriamanitra kosa, dia ho tonga any amin'ireo sampin'izy ireo. Fitsarana tsy mendrika no nataon'izy ireo.

6.137 - Ary dia toy izany no nanatsaran'ireo sampy teo anatrehan'ny ankamaroan'ireo mpanompo sampy ny famonoana ny zanak'izy ireo, mba handringanany azy ireo, sy hanovany ny finoan'izy ireo. Nefa, raha sitrak'Andriamanitra dia tsy nataon'izy ireo izany. Avelao any izy ireo sy izay lainga noforoniny.

وَلِكُلِّ دَرَجَةٍ مِمَّا عَمِلُوا وَمَا رُبُّكَ يَغْفِلُ عَمَّا
يَعْمَلُونَ ﴿١٣٢﴾ وَرُبُّكَ الْغَنِيُّ ذُو الرَّحْمَةِ إِنْ يَشَاءُ
يُذْهِبْكُمْ وَيَسْتَخْلِفْ مِنْ بَعْدِكُمْ مَا يَشَاءُ كَمَا
أَنْشَأَكُمْ مِنْ ذُرِّيَّةِ قَوْمٍ آخَرِينَ ﴿١٣٣﴾ إِنْ مَا
تُوعَدُونَ لَأْتِي وَمَا أَنْتُمْ بِمُعْجِزِينَ ﴿١٣٤﴾ قُلْ يَقَوْمِ
اعْمَلُوا عَلَى مَكَاتِبِكُمْ إِنِّي عَامِلٌ فَسَوْفَ تَعْلَمُونَ
مَنْ تَكُونُ لَهُ عَقَبَةُ الدَّارِ إِنَّهُ لَا يُفْلِحُ الظَّالِمُونَ
﴿١٣٥﴾ وَجَعَلُوا اللَّهَ مِمَّا ذَرَأَ مِنَ الْحَرْثِ وَالْأَنْعَامِ
نَصِيبًا فَقَالُوا هَذَا لِلَّهِ بِرَعْمِهِمْ وَهَذَا لِشُرَكَائِنَا
فَمَا كَانَ لِشُرَكَائِهِمْ فَلَا يَصِلُ إِلَى اللَّهِ
وَمَا كَانَ لِلَّهِ فَهُوَ يَصِلُ إِلَى شُرَكَائِهِمْ
سَاءَ مَا يَحْكُمُونَ ﴿١٣٦﴾ وَكَذَلِكَ زَيَّنَ
لِكَثِيرٍ مِنَ الْمُشْرِكِينَ قَتْلَ أَوْلَادِهِمْ
شُرَكَائِهِمْ لِيُرْذُوهُمْ وَلِيَلْبِسُوا عَلَيْهِمْ دِينَهُمْ
وَلَوْ شَاءَ اللَّهُ مَا فَعَلُوهُ فَذَرْهُمْ وَمَا يَفْتَرُونَ ﴿١٣٧﴾

6.138 - Ary hoy izy ireo: "Indreto ny andiam-biby sy ireo vokatra voarara izay tsy mihinana amin'izany raha tsy ireo olona sitrakay", araka ny fihambon'izy ireo; ary indreto indray ny biby izay fady taingenana, sy ireo biby novonoina tsy nanononan'izy ireo ny anaran'Andriamanitra teo aminy, mba hamoronan-dainga hanoherana Azy! Hanasazy azy ireo araka izay lainga noforonin'izy ireo Izy.

6.139 - Ary hoy izy ireo: "Izay ao anaty kibon'ireo biby ireo dia voatokana ho an'ny lehilahy aminay, fa voarara kosa izany amin'ireo vadinay", ary raha biby vao teraka kosa ka maty, dia hikambanan'ny rehetra. Tsy ho ela dia hanasazy azy ireo noho izany fomba nataon'izy ireo izany Izy, satria Izy no be fahendrena sy Mahalala ny zavatra rehetra.

6.140 - Tena maty antoka tokoa ireo izay namono ny zanany an-kadalàna sy tsy am-piheverana, ary ireo nifady izay anjaram-pivelomana nomen'Andriamanitra azy ireo, ho lainga foronina hanoherana an'Andriamanitra. Efa very tokoa izy ireo, ary tsy hahita ny lala-marina velively.

6.141 - Izy no Nahary ireo zaridaina misy hazo mandady sy tsy mandady; ary koa ireo hazo antrendry sy ny fambolena manome vokatra isan-karazany; toy izany koa ireo hazo oliva sy ny ampongabendanitra, mitovy na tsy mitovy karazana. Hofihinanareo ireo voankazony raha mamoa izy ireny; ary tanteraho ny adidy sy fomba fanao (zakat) amin'ny andro fiotazana. Ary aza manao fandanium-poana ianareo. Hamafisina, fa Izy dia tsy tia ireo mpandanilany foana.

6.142 - Ary (Izy dia nahary) ny ampahany amin'ireo biby lehibe ho an'ny fitaterana, ary ny ampahany hafa ho amin'izay ilàna azy. Mandraisa ka mihinana amin'izay anjaram-pivelomana nomen'Andriamanitra anareo, ary aza manaraka ny famindran'i satana, fa fahavalo miharihary ho anareo izy.

وَقَالُوا هَذِهِ أَنْعَمُ وَحَرِّثُ حَجَرٌ لَا يَطْعَمُهَا إِلَّا مَنْ
نَشَاءُ بِزَعْمِهِمْ وَأَنْعَمُ حَرِّمَتْ ظُهُورُهَا وَأَنْعَمُ لَا يَذْكُرُونَ
أَسْمَ اللَّهِ عَلَيْهَا افْتِرَاءً عَلَيْهِ سَيَجْزِيهِمْ بِمَا كَانُوا
يَفْتَرُونَ ﴿١٣٨﴾ وَقَالُوا مَا فِي بُطُونِ هَذِهِ الْأَنْعَمِ
خَالِصَةٌ لِّذُكُورِنَا وَمُحَرَّمٌ عَلَى أَزْوَاجِنَا وَإِنْ يَكُنْ
مَيْتَةً فَهُمْ فِيهِ شُرَكَاءُ سَيَجْزِيهِمْ وَصَفَهُمْ إِنَّهُ
حَكِيمٌ عَلِيمٌ ﴿١٣٩﴾ قَدْ خَسِرَ الَّذِينَ قَتَلُوا أَوْلَادَهُمْ
سَفَهًا بِغَيْرِ عِلْمٍ وَحَرَّمُوا مَا رَزَقَهُمُ اللَّهُ افْتِرَاءً عَلَى اللَّهِ
قَدْ ضَلُّوا وَمَا كَانُوا مُهْتَدِينَ ﴿١٤٠﴾ وَهُوَ الَّذِي
أَنْشَأَ جَنَّاتٍ مَّعْرُوشَاتٍ وَغَيْرَ مَعْرُوشَاتٍ وَالنَّخْلَ وَالزَّرْعَ
مُخْتَلِفًا أَلْوَانُهُ وَالزَّيْتُونَ وَالرَّمَّانَ مُتَشَابِهًا وَغَيْرَ
مُتَشَابِهٍ كُلُوا مِنْ ثَمَرِهِ إِذَا أَثْمَرَ وَآتُوا حَقَّهُ يَوْمَ
حَصَادِهِ وَلَا تُسْرِفُوا إِنَّهُ لَا يُحِبُّ الْمُسْرِفِينَ ﴿١٤١﴾
وَمِنَ الْأَنْعَمِ حَمُولَةٌ وَفَرَسَاتٌ كُلُوا مِنَّمَا رَزَقَكُمُ
اللَّهُ وَلَا تَتَّبِعُوا خُطُوَاتِ الشَّيْطَانِ إِنَّهُ لَكُمْ عَدُوٌّ مُبِينٌ ﴿١٤٢﴾

6.143 - Valo mandeha tsiroaroa (vavy sy lahy), roa avy amin'ny ondry kely, ary roa avy amin'ny ondry lehibe. Ary lazao hoe: "Moa va ny lahy roa no voarara sa ny vavy roa, na izay ao anaty kibon'ny vavy roa? Lazao ahy miaraka amin'ny porofo izany raha mpilaza ny marina tokoa ianareo".

6.144 - Fa roa avy amin'ny rameva, ary roa avy amin'ny omby. Lazao hoe: "Moa va ny lahy roa no voarara sa ny vavy roa, na izay ao anaty kibon'ny vavy roa? Na koa, vavolombelona va ianareo raha nandidy izany Andriamanitra?". Iza àry moa no mpanao ny tsy rariny indrindra raha tsy izay mamoron-dainga manohitra an'Andriamanitra, mba hamery ireo vahoaka, izay tsy mifototra amin'ny fahalalana? Andriamanitra dia tsy mitari-dàlana ireo olona mpanao ny tsy rariny.

6.145 - Lazao hoe: "Tsy hitako izay voarara (fady) tao amin'ny faminiana nambara tamiko, ho an'ny mpihinana izay hihinana amin'izany, afa-tsy ny biby maty ho azy, na ny rà izay nalatsaka, na ny henan-kisoa, fa maloto izany, na izay natao sorona tamin'ny hafa ankoatra an'Andriamanitra noho ny haratsiana". Nefa izay voatery fa tsy manao ny tafahoatra, na mandika lalàna, dia marina, fa Mpamela heloka sy Mpamindra-fo ny Tomponao.

6.146 - Ary nandranay ireo Jiosy ny biby tsy mivaky kitro rehetra. Fa avy amin'ny omby sy ny ondry kosa, nandranay azy ireo ny jabora, afa-tsy ny avy amin'ny lamosiny, ny taovany, na izay mifangaro amin'ny taolany. Koa satria tafahoatra ny fikomian'izy ireo ka dia nanasazy azy ireo Izahay. Ary hamafisinay, fa marina ny voalazanay.

ثَمَنِيَّةَ أَزْوَاجٍ مِنَ الضَّأْنِ اثْنَيْنِ وَمِنَ الْمَعَزِ اثْنَيْنِ
قُلْ ءَالِ الذَّكَرَيْنِ حَرَّمَ أَمِ الْأُنثَيَيْنِ أَمَّا اشْتَمَلَتْ عَلَيْهِ
أَرْحَامُ الْأُنثَيَيْنِ نَبِّئُونِي بِعِلْمٍ إِن كُنْتُمْ صَادِقِينَ ﴿١٤٣﴾
وَمِنَ الْإِبِلِ اثْنَيْنِ وَمِنَ الْبَقَرِ اثْنَيْنِ قُلْ ءَالِ الذَّكَرَيْنِ
حَرَّمَ أَمِ الْأُنثَيَيْنِ أَمَّا اشْتَمَلَتْ عَلَيْهِ أَرْحَامُ الْأُنثَيَيْنِ
أَمْ كُنْتُمْ شُهَدَاءَ إِذْ وَصَّيْكُمُ اللَّهُ بِهِذَا فَمَنْ
أَظْلَمُ مِمَّنِ افْتَرَى عَلَى اللَّهِ كَذِبًا لِيُضِلَّ النَّاسَ بِغَيْرِ
عِلْمٍ إِنَّ اللَّهَ لَا يَهْدِي الْقَوْمَ الظَّالِمِينَ ﴿١٤٤﴾ قُلْ لَا أَجِدُ
فِي مَا أُوحِيَ إِلَيَّ مُحَرَّمًا عَلَى طَاعِمٍ يَطْعَمُهُ إِلَّا أَنْ يَكُونَ
مَيْتَةً أَوْ دَمًا مَسْفُوحًا أَوْ لَحْمَ خَنزِيرٍ فَإِنَّهُ رِجْسٌ أَوْ
فِسْقًا أَهْلًا لِبَغْيٍ لِلَّهِ بِهِ فَمَنْ اضْطُرَّ غَيْرَ بَاغٍ وَلَا عَادٍ فَإِنَّ
رَبَّكَ غَفُورٌ رَحِيمٌ ﴿١٤٥﴾ وَعَلَى الَّذِينَ هَادُوا حَرَّمْنَا
كُلَّ ذِي ظُفُرٍ وَمِنَ الْبَقَرِ وَالْغَنَمِ حَرَّمْنَا عَلَيْهِمْ
شُحُومَهُمَا إِلَّا مَا حَمَلَتْ ظُهُورُهُمَا أَوِ الْحَوَايَا أَوْ مَا
اخْتَلَطَ بِعَظْمٍ ذَلِكَ جَزَيْنَهُمْ بِغَيْرِهِمْ وَإِنَّا لَصَادِقُونَ ﴿١٤٦﴾

6.147 - Ary, raha miampanga lainga anao izy ireo, dia lazao hoe: "Ny Tompo Zanaharinareo dia manana famindram-po lehibe, kanefa ny hatezerany amin'ireo olo-meloka dia tsy voasakana".

6.148 - Ireo izay manompo sampy dia hiteny hoe: "Raha sitrak'Andriamanitra, dia tsy ho isan'ireo mpanompo sampy izahay na ireo razambenay ihany koa, ary izahay dia tsy nifady na inona na inona". Tahaka izany ny laingan'ireo teo alohan'izy ireo hatramin'ny andro nanandraman'izy ireo ny hatezeranay. Lazao hoe: "Moa manana fahaizana aseho anay va ianareo?". Tsy manaraka afa-tsy ny vinavina ianareo, ary tsy manao afa-tsy ny mandainga.

6.149 - Lazao hoe: "An'Andriamanitra ny fandresen-dahatra avo lenta. Raha sitran'ny dia ho notarihin'ny amin'ny lala-marina avokoa ianareo".

6.150 - Lazao hoe: "Ento aty ireo vavolombelonareo izay hijoro fa Andriamanitra no nampifady ireo zavatra ireo". Fa raha mijoro ho vavolombelona (lainga) izy ireo, dia aza mijoro miaraka amin'izy ireo intsony ianao, ary aza manaraka ny sitrapon'ireo izay miampanga lainga ny porofo famantaranay ianao, sy ireo izay tsy mino ny any an-koatra, fa nampitovy ny Tompo Zanaharin'ny amin-javatra hafa izy ireo.

6.151 - Lazao hoe: "Manatona aty ianareo, fa ho tanisaiko aminareo izay nandran'ny Tompo Zanahary anareo, fa hoe: "Aza mampitambatra Azy na amin'inona na amin'inona ianareo; ary aoka ianareo hanasoa ireo Ray sy Reninareo. Aza vonoina noho ny fahantrana ireo zanakareo, izahay no miantoka ny anjaram-pivelomana ho azy ireo sy ho anareo ihany koa. Aza manakaiky ny fahavetavetana (fijangajangana), na miseho na mifafina izany. Aza vonoina raha tsy amim-pahamarinana ny aina izay nohamasinin'Andriamanitra. Izany no anatra nandidian'Andriamanitra anareo; mba hampieritreritra anareo.

فَإِنْ كَذَّبُوكَ فَقُلْ رَبُّكُمْ ذُو رَحْمَةٍ وَاسِعَةٍ وَلَا يُرَدُّ
بِأَسْئَرِهِ عَنِ الْقَوْمِ الْمُجْرِمِينَ ﴿١٤٧﴾ سَيَقُولُ الَّذِينَ أَشْرَكُوا
لَوْ شَاءَ اللَّهُ مَا أَشْرَكْنَا وَلَا آبَاؤُنَا وَلَا حَرَمْنَا مِنْ شَيْءٍ
كَذَلِكَ كَذَّبَ الَّذِينَ مِنْ قَبْلِهِمْ حَتَّى ذَاقُوا بَأْسَنَا
قُلْ هَلْ عِنْدَكُمْ مِنْ عِلْمٍ فَتُخْرِجُوهُ لَنَا إِنْ تَتَّبِعُونَ إِلَّا
الظَّنَّ وَإِنْ أَنْتُمْ إِلَّا تَخْرُصُونَ ﴿١٤٨﴾ قُلْ فَلِلَّهِ الْحُجَّةُ الْبَلِغَةُ
فَلَوْ شَاءَ لَهَدَيْكُمْ أَجْمَعِينَ ﴿١٤٩﴾ قُلْ هَلُمْ شُهَدَاءُ كُمُ الَّذِينَ
يَشْهَدُونَ أَنَّ اللَّهَ حَرَّمَ هَذَا فَإِنْ شَهِدُوا فَلَا تَشْهَدُ
مَعَهُمْ وَلَا تَتَّبِعِ أَهْوَاءَ الَّذِينَ كَذَّبُوا بِآيَاتِنَا وَالَّذِينَ
لَا يُؤْمِنُونَ بِالْآخِرَةِ وَهُمْ بِرَبِّهِمْ يَعْدِلُونَ ﴿١٥٠﴾ قُلْ
تَعَالَوْا أَتْلُ مَا حَرَّمَ رَبِّي عَلَيْكُمْ أَلَّا تُشْرِكُوا بِهِ
شَيْئًا وَبِالْوَالِدَيْنِ إِحْسَانًا وَلَا تَقْتُلُوا أَوْلَادَكُمْ مِنْ
إِمْلَاقٍ تَحْنُ نَرُزِقُكُمْ وَوَالِدَهُمْ وَلَا تَقْرَبُوا الْفَوَاحِشَ
مَا ظَهَرَ مِنْهَا وَمَا بَطَنَ وَلَا تَقْتُلُوا النَّفْسَ الَّتِي
حَرَّمَ اللَّهُ إِلَّا بِالْحَقِّ ذَلِكُمْ وَصَّاكُمْ بِهِ لَعَلَّكُمْ تَعْقِلُونَ ﴿١٥١﴾

6.152 - Ary aoka ianareo tsy hanakaiky ny harenan'ny kamboty raha tsy amin'ny tsara, mandra-pahamatotra azy. Ary ataovy tsara ny famarana sy ny fandanjana tsy hisian'ny fanambakana. Izahay tsy mametraka adidy amin'ny olona mihoatra izay vitany. Ary raha miteny ianareo dia aoka ho ny rariny sy ny hitsiny na dia amin'ny havana akaiky aza. Ary tanteraho ny fifanekenareo tamin'Andriamanitra. Izany no anatra nomeny anareo, mba hahatsiarovanareo tena.

6.153 - "Ary indro ny Lâlako fa mahitsy, ka arahonareo izany; ary aza manaraka ireo lâlana maro izay mamily anareo amin'ny Lâlany". Izany no anatra omeny anareo, hahavontom-pinoana anareo.

6.154 - Ary nomenay an'i Mosesy ilay boky lavorary, ho valisoa ho an'izay nanao ny tsara, sy fanazavana amin'ny antsipirihany ny zavatra rehetra, tari-dâlana sy famindram-po, mba hinoan'izy ireo ny fihaonana amin'ny Tompo Zanahariny.

6.155 - Ary indro ny boky feno fitahiana izay nampidinay, koa arahonareo izany, sy tandremonareo tsara, hahazoanareo famindram-po avy Aminy.

6.156 - Mba tsy ilazanareo hoe: "Tsy nampidinina ilay boky raha tsy tamin'ireo vondron'olona roa tany alohanay, fa variana tamin'ny fampianaran'izy ireo izahay.

6.157 - Na hiteny ianareo hoe: "Raha taminay no nampidinana ny boky, dia hamafisinay, fa ho voatari-dâlana tsara mihoatra azy ireo izahay". Indro ary fa tonga aminareo avy tamin'ny Tompo Zanaharinareo ny porofo mazava, ny tari-dâlana, ary ny famindram-po. Iza ary no manao ny tsy rariny indrindra raha tsy izay manao ireo tenin'Andriamanitra ho lainga, sy izay tsy manaraka izany? Ho valiana amin'ny famaizana ratsy ireo izay tsy manaraka ny Teny famantaranay, noho izy ireo nivily tamin'izany.

وَلَا تَقْرَبُوا مَالَ الْيَتِيمِ إِلَّا بِالَّتِي هِيَ أَحْسَنُ حَتَّىٰ يَبْلُغَ أَشُدَّهُ
وَأَوْفُوا بِالْكَيْلِ وَالْمِيزَانَ بِالْقِسْطِ لَا تَكْلِفُ نَفْسًا إِلَّا
وُسْعَهَا وَإِذَا قُلْتُمْ قَاعِدُوا أَوْ لَوْ كَانَ ذَا قُرْبَىٰ وَبِعَهْدِ
اللَّهِ أَوْفُوا ذَٰلِكُمْ وَصْنُكُمْ بِهِ لَعَلَّكُمْ تَذَكَّرُونَ ﴿١٥٢﴾
وَأَنَّ هَذَا صِرَاطِي مُسْتَقِيمًا فَاتَّبِعُوهُ وَلَا تَتَّبِعُوا السُّبُلَ
فَتَفَرَّقَ بِكُمْ عَنْ سَبِيلِهِ ذَٰلِكُمْ وَصْنُكُمْ بِهِ لَعَلَّكُمْ
تَتَّقُونَ ﴿١٥٣﴾ ثُمَّ آتَيْنَا مُوسَى الْكِتَابَ تَمَامًا عَلَى الَّذِي
أَحْسَنَ وَتَفْصِيلًا لِّكُلِّ شَيْءٍ وَهُدًى وَرَحْمَةً لَّعَلَّهُمْ بِلِقَاءِ
رَبِّهِمْ يُؤْمِنُونَ ﴿١٥٤﴾ وَهَٰذَا كِتَابٌ أَنْزَلْنَاهُ مُبَارَكٌ فَاتَّبِعُوهُ
وَاتَّقُوا لَعَلَّكُمْ تُرْحَمُونَ ﴿١٥٥﴾ أَنْ تَقُولُوا إِنَّمَا أُنْزِلَ الْكِتَابُ
عَلَى طَائِفَتَيْنِ مِن قَبْلِنَا وَإِنْ كُنَّا عَنْ دِرَاسَتِهِمْ لَغَافِلِينَ
﴿١٥٦﴾ أَوْ تَقُولُوا لَوْ أَنَّا أُنْزِلَ عَلَيْنَا الْكِتَابُ لَكُنَّا أَهْدَىٰ مِنْهُمْ
فَقَدْ جَاءَكُمْ بَيِّنَةٌ مِّن رَّبِّكُمْ وَهُدًى وَرَحْمَةٌ فَمَنْ
أَظْلَمُ مِمَّنْ كَذَبَ بِآيَاتِ اللَّهِ وَصَدَفَ عَنْهَا سَنَجْزِي الَّذِينَ
يَصْدِفُونَ عَنَّا أَيْدِيَنَا سُوءَ الْعَذَابِ بِمَا كَانُوا يَصْدِفُونَ ﴿١٥٧﴾

6.158 - Inona no andrasan'izy ireo? Ny hahatongavan'ireo Anjely amin'izy ireo va? Ny fahatongavan'ny Tompo Zanaharinao va? Na ny fahatongavan'ireo ampaham-pamantarana mahagaga avy amin'ny Tompo Zanaharinao va? Amin'ny andro izay hahatongavan'ireo ampaham-pamantarana mahagaga avy amin'ny tompo Zanaharinao, dia tsy hisy tombontsoa ny finoana Azy ho an'ny olona izay tsy nino teo aloha, na izay tsy nahazo valisoa na kely aza tamin'ny finoany. Dia lazao hoe: "Andraso àry!", miandry koa izahay.

6.159 - Fa izay nampizarazara ny antokom-pinoan'izy ireo, sy namorona antoko hafa, dia tsy manan-draharaha amin'izy ireny ianao. Any amin'Andriamanitra ny raharahan'izy ireo. Ary dia hampahafantariny azy ireo izay nataon'izy ireo tany aloha.

6.160 - Izay manao asa soa iray dia ho tambazana avo foloheny; fa izay nanao ratsy kosa, dia tsy ho valiana afa-tsy izay mitovy amin'izany. Ary tsy hiangarana izy ireo.

6.161 - Lazao hoe: "Hamafisiko, fa izaho dia notarihin'ny Tompo Zanahariko ho amin'ny lala-marina, Finoana mahitsy, ny Finoan'i Abrahama madio tsy misy fangarony, ary izy dia tsy mba isan'ireo mpampitambatra velively.

6.162 - Lazao koa: "Hamafisiko, fa ny vavaka ataoko (soalat), sy ireo asa fanompoako, ny fiainako iray manontolo, ary ny fahafatesako dia an'Andriamanitra Tompo Zanaharin'izao tontolo izao.

6.163 - Tsy misy izay mitambatra Aminy! Ary ny amin'izany no nandidiana ahy, fa izaho no voalohany amin'ireo mpanolotena.

6.164 - Lazao ihany koa hoe: "Moa hitady tompo hafa ankoatra an'Andriamanitra va aho, kanefa izy no Tompo Zanaharin'ny zavatra rehetra? Tsy misy mahazo ny valin-kasasarany afa-tsy ny tenany ihany, ary tsy misy na dia iray aza hizaka ny entamavesatry ny hafa. Any amin'ny Tompo Zanaharinareo no hiverenanareo, ka hampahafantariny anareo izay nampifanditra anareo.

6.165 - Izy no nanao anareo ho mpandimby ety an-tany, sy nanandratra ny sasany aminareo ho ambony laharana noho ny sasany, mba hitsapany anareo amin'izay nomeny anareo. Hamafisina, fa ny Tompo Zanaharinao dia haingampanasaziana, nefa Mpamela heloka sy Mpamindra-fo ihany koa izy.

هَلْ يَنْظُرُونَ إِلَّا أَنْ تَأْتِيَهُمُ الْمَلَائِكَةُ أَوْ يَأْتِيَ رَبُّكَ أَوْ يَأْتِيَ
بَعْضُ آيَاتِ رَبِّكَ يَوْمَ يَأْتِي بَعْضُ آيَاتِ رَبِّكَ لَا يَنْفَعُ نَفْسًا إِيْمَانُهَا
لَمْ تَكُنْ ءَامِنَتْ مِنْ قَبْلُ أَوْ كَسَبَتْ فِي إِيمَانِهَا خَيْرًا قُلِ انْظُرُوا
إِنَّا مُنْظِرُونَ ﴿١٥٨﴾ إِنَّ الَّذِينَ فَرَّقُوا دِينَهُمْ وَكَانُوا شِيْعًا لَسَتْ
مِنْهُمْ فِي شَيْءٍ إِنَّمَا أَمْرُهُمْ إِلَى اللَّهِ ثُمَّ يُنَبِّئُهُمْ بِمَا كَانُوا يَفْعَلُونَ
﴿١٥٩﴾ مَنْ جَاءَ بِالْحَسَنَةِ فَلَهُ عَشْرُ أَمْثَالِهَا وَمَنْ جَاءَ بِالسَّيِّئَةِ
فَلَا يَجْزِي إِلَّا مِثْلَهَا وَهُمْ لَا يُظْلَمُونَ ﴿١٦٠﴾ قُلِ إِنِّي هَدَيْتُ رَبِّي
إِلَى صِرَاطٍ مُسْتَقِيمٍ دِينًا قِيَمًا مِلَّةَ إِبْرَاهِيمَ حَنِيفًا وَمَا كَانَ مِنَ
الْمُشْرِكِينَ ﴿١٦١﴾ قُلِ إِنْ صَلَاتِي وَنُسُكِي وَمَحْيَايَ وَمَمَاتِي لِلَّهِ
رَبِّ الْعَالَمِينَ ﴿١٦٢﴾ لَا شَرِيكَ لَهُ، وَبِذَلِكَ أُمِرْتُ وَأَنَا أَوَّلُ الْمُسْلِمِينَ
﴿١٦٣﴾ قُلِ أَغَيْرَ اللَّهِ أَبْغَى رَبًّا وَهُوَ رَبُّ كُلِّ شَيْءٍ وَلَا تَكْسِبُ كُلُّ
نَفْسٍ إِلَّا عَلَيْهَا وَلَا تَزِرُ وَازِرَةٌ وِزْرَ أُخْرَى ثُمَّ إِلَىٰ رَبِّكُمْ مَرْجِعُكُمْ
فَيُنَبِّئُكُمْ بِمَا كُنْتُمْ فِيهِ تَخْلِفُونَ ﴿١٦٤﴾ وَهُوَ الَّذِي جَعَلَ لَكُمْ
خَلْقَ الْأَرْضِ وَرَفَعَ بَعْضَكُمْ فَوْقَ بَعْضٍ دَرَجَاتٍ لِيَبْلُوَكُمْ
فِي مَاءِ آتَانِكُمْ إِنَّ رَبَّكَ سَرِيعُ الْعِقَابِ وَإِنَّهُ لَغَفُورٌ رَحِيمٌ ﴿١٦٥﴾